NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2016

# Liahona



## Fomba efatra hahatsapana ny fifaliana avy amin'ny fianarana, p. 10

Famonoan-tena: hiaka feno fahadisoam-panantenana sy mangina mba hitady fanampiana, p. 18

Lesona momba ny tantaram-pianakaviana avy amin'i Lehia, p. 26

Ny Fanefitry ny fitsiriritana, p. 30



*"Mba tiako ny hahatsiarovanao fa arakaraka ny hametrahanao ny tokinao ao amin' Andriamanitra, dia arakaraka izany koa no hanafahana anao amin'ny fizahan-toetra anao sy ny fahasahirananao ary ny fahorianao, ary hasandratra ianao amin'ny andro farany."*

**Almà 38:5**

# Liahona ôktôbra 2016


## HAFATRA

**4** **Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Ireo fitahian'ny fankatoavana**
Nosoratan'ny Filoha Thomas S. Monson

**7** **Hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano: Ny fianakaviana dia tendrin' Andriamanitra**

## LAHATSORATRA MANOKANA

**16** **Ny ankizy madinika sy ny Fanasan'ny Tompo**
Nosoratan'i Aaron L. West

**18** **Mahatakatra ny anton'ny famonoan-tena: ireo famantarana mampitandrina sy fisorohana**
Nosoratan'i Kenichi Shimokawa
*Ianaro ny fomba hisorohana ny famonoan-tena ary ampio ireo fianakavian'ireo izay namono tena.*

**24** **Tenin'ny mpaminany tany amin'ny toerana tsy nampoizina**
Nosoratan'i Colette Lindahl
*Nanova ny fiainan'ny lehilahy iray tamin'ny fitarihana azy ho amin'ny filazantsara ny gazetiboky* Liahona *vitsivitsy izay tavela tao amin'ny trano iray.*

**26** **Tantaram-pianakaviana: Fiadanana, fiarovana, ary fampanantenana**
Nosoratan'ny Loholona Bradley D. Foster

**30** **Ny fitiavana oharina amin'ny filan-dratsy**
Nosoratan'i Joshua J. Perkey
*Inona no fanefitry ny filan-dratsy, ilay faniriana hahazo zavatra amin'ny fomba mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra?*

**36** **Manompo any an-dafin'i Jordana**
Nosoratan'i R. Val Johnson sy Rachel Coleman

## DEPARTEMANTA

**8** **Manompo ao amin'ny Fiangonana: Ireo alahadiko feno asa fanompoana**
Nosoratan'i Jeffery A. Hogge

**9** **Fandinihana: Ny Fanasana Farany noraisin'i Melva**
Nosoratan'i Cheryl Harward Wilcox

**10** **Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy: Ny fifaliana avy amin'ny fianarana**
Nosoratan'i Tad R. Callister

**40** **Ny feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**

**44** **Ny tokantranontsika, ny fianakaviantsika: Nifady hanina sy nivavaka ho an'i Emma**
Nosoratan'i Cecilie Norrung

**80** **Mandra-pihaonantsika Indray: Ny loharanom-pahendrena masina mitarika ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo**
Nosoratan'ny Filoha Gordon B. Hinckley





4




**EO AMIN' NY FONONY**
Eo anoloana: Sary nalain'i Leslie Nilsson. Eo amin' ny fonony aloha ao anatiny: Sary nalain'i jamievanbuskirk/GettyImages. Eo amin'ny fonony aloha ao anatiny: Vondron-tsary samy hafa nalain'i Ryan McVay sy Christopher Elwell/Thinkstock.

## HO AN'NY TANORA




**46 Mijoro ho tena zanaky ny arivo taona**
Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson
*Torohevitra efatra ny amin'ny fomba ijoroana ho tena zanaky ny arivo taona.*


***Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Famantarana: Manana hazo mamoa ve ny mpifanolobodirindrina aminareo?***



## HO AN'NY ZATOVO


**54 Ny fahagagana avy amin'ny hafanana antonontonony**
Nosoratan'i David A. Edwards
*Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny faharetana manampy anao hanamboatra mofo sisihina frômazy natono tena lafatra ary koa mba hahatongavana ho toa an'i Jesoa Kristy bebe kokoa?*

**57 Sary: Alaivo sary an-tsaina hoe trano iray naverina naorina ny tenanao**

**58 Hery haharetana**
Nosoratan'i Jessica Turner araka ny fitantaran'i Lynne Crandall
*Nanampy ahy ho sitrana sy handroso taorian'ny lozam-piarakodia iray ny fanaovana zavatra tsotra izay nampatanjaka ny finoako.*

**61 Valinteny avy amin'ireo mpitarika ny fiangonana: Ny fomba hanaovana an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika**
Nosoratan'ny Loholona D. Todd Christofferson

**62 Fomba hoenti-mianatra**
Nosoratan'i Rosemary Thackeray

**64 Fanontaniana sy valiny**
*Misy milaza amiko fa mila manana namana izay tsy manana fenitra mitovy amin'ny ahy aho mba hampahatanjaka ny ahy. Marina ve izany?"*


## HO AN'NY ANKIZY




**66 Lasa nanjono**
Nosoratan'i Julia Ventura
*Natahotra i Hayden hoe hampatahotra ka hampitsoaka ireo trondro ny zandrilahikeliny. Saingy natahotra bebe kokoa izy rehefa very ny zandrilahikeliny.*

**68 Valinteny avy amin'ny Apôstôly iray: Inona no azoko atao mba hahatonga ny tokantranoko ho toerana feno fiadanana?**
Nosoratan'ny Loholona Gary E. Stevenson

**69 Ny pejintsika**

**70 Ankizy mijoro amin'izay inoany: Tantara momba an'i Story**
Nosoratan'i Jill Hacking

**72 Lesona avy amin'i neny**
Nosoratan'ny Loholona Jairo Mazzagardi
*Nianatra momba ny fahamarinan-toetra avy tamin'ny reniny ny Loholona Mazzagardi. Inona avy ireo fitsipika nianaranao avy tamin'ireo ray aman-dreninao?*

**74 Ireo olona be herimpo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Vehivavy be herimpo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna**

**76 Tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Nandeha tany amin'ny tany nampanantenaina**

**79 Pejy lokoina: Mitondra fifaliana ho ahy ny hira**

**ÔKTÔBRA 2016 BOKY. 16 LAH. 3**
**LIAHONA 13290 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanampy amin'ny fanontana:** James B. Martino, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Randall K. Bennett, Craig A. Cardon, Cheryl A. Esplin, Christoffel Golden, Douglas D. Holmes, Larry R. Lawrence, Carole M. Stephens

**Tale mpitantana:** David T. Warner
**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Megan Seitz
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jill Hacking, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Rachel Smith, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Glen Adair, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty, Derek Richardson
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2016 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
October 2016 Vol. 16 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

# Fanovozan-kevitra ho an'ny takarivan'ny mpianakavy

*Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa.*



**"Ny ankizy madinika sy ny Fanasan'ny Tompo,"** pejy 16: Rehefa avy mamaky ilay lahatsoratra ianareo ray aman-dreny dia azonareo atao ny miresaka ireo fomba hampianarana ireo zanakareo mbola kely mikasika ny maha-zava-dehibe ny fanasan'ny Tompo sy ireo fanekempihavanana hatao-n'izy ireo indray andro rehefa atao batisa izy ireo. Azonareo ampiasaina ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo (izay hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79) mba hampianarana mikasika ireo fampanantenana ataontsika amin'ny batisa sy ny fomba hamelan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isaky ny alahady antsika hanavao ireo fampanantenana ireo. Azonareo atao koa ny mitady hevitra hanampiana ireo zanakareo mbola kely hifantoka amin'ny Mpamonjy mandritra ny fanasan'ny Tompo, toy ny mamorona bokin-tsary tsotra feno sarin'ny Mpamonjy.

**"Fomba hoenti-mianatra,"** pejy 62: Raha manan-janaka efa lehibe kokoa izay mandalina manokana ny soratra masina ianareo dia vakio miaraka amin'izy ireo ity lahatsoratra ity ary asao izy ireo hanandrana ireo hevitra avy ao amin'ilay lahatsoratra. Azonareo asaina ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana hamorona diary fandalinana soratra masina an'ny tena manokana dia hanao tanjona ny hanoratra tsy tapaka ao anatin'izany. Afaka manolo-tena hizara ny eritreriny sy ny fahatsapany avy ao amin'ny diariny ireo olona ao amin'ny fianakaviana mandritra ireo takarivan'ny mpianakavy manaraka.

## ZAVATRA MARO KOKOA MAHALIANA AO AMIN'NY INTERNET

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny **languages.lds.org.** Tsidiho ny **Facebook.com/liahona.magazine** (misy amin'ny teny Anglisy sy Pôrtogey ary Espaniôla) mba hahitana hafatra manentana ny fanahy ho an'ny takarivan'ny mpianakavy, sy zavatra azonao zaraina amin'ny namana sy ny fianakaviana.

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Andro Sabata,*** *8, 42*
***Antso,*** *8*
***Asa fanompoana,*** *41, 58*
***Asa fitoriana,*** *24, 36*
***Bokin'i Môrmôna,*** *26, 43, 74, 76*
***Fahafolonkarena,*** *72*
***Fahagagana,*** *44*
***Fahamarinan-toetra,*** *72*
***Faharetana,*** *54*
***Famindram-po,*** *40*
***Famonoan-tena,*** *18*
***Fanahy Masina,*** *70*
***Fanambarana ho an'ny tena manokana,*** *46*
***Fanantenana,*** *58*
***Fanasan'ny Tompo,*** *9, 16*
***Fandalinana ny soratra masina,*** *43, 62*
***Fankatoavana,*** *4, 30, 46*
***Fenitra,*** *64*
***Fiadanana,*** *58, 68*
***Fianakaviana,*** *7, 26, 44, 66, 68, 70*
***Fifadian-kanina,*** *44*
***Fijoroana ho vavolombelona,*** *74*
***Filan-dratsy,*** *30*
***Finoana,*** *46, 58, 74, 76*
***Fitiavana,*** *30, 41*
***Fitsapana,*** *18, 44, 58*
***Herimpo,*** *74*
***Hira,*** *79*
***Ho an'ny ankizy,*** *16, 42*
***Ireo Didy,*** *4*
***Jesoa Kristy,*** *4, 61, 76*
***Mampianatra,*** *16, 72*
***Manaraka ireo Mpaminany,*** *46*
***Mpaminany,*** *46, 80*
***Namana,*** *64*
***Sampan-draharaha misahana ny asa fanampiana olona,*** *36*
***Tantaram-pianakaviana,*** *26, 42*
***Tempoly,*** *69*
***Toetra araka an' Andriamanitra,*** *46*
***Vavaka,*** *44, 66*



Nosoratan'ny Filoha Thomas S. Monson

# IREO FITAHIAN'NY FANKATOAVANA

"Ny lesona lehibe indrindra azontsika ianarana eto amin'ny fiainana an-tany," araka ny nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson "dia hoe rehefa miteny Andriamanitra ka mankatò isika dia hanana ny marina foana isika."[1]

Ho voatahy koa isika. Nilaza ny Filoha Monson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana iray vao haingana hoe: "Rehefa mitandrina ny didy isika dia ho sambatra kokoa sy hahafapo kokoa ary ho tsotra kokoa ny fiainantsika. Ho mora zakaina kokoa ireo fanamby sy olana, ary handray ireo fitahiana nampanantenain '[Andriamanitra] isika.[2]

Ato amin'ireto sombin-dahatsoratra avy amin'ny fampianaran'ny Filoha Monson izay Filohan'ny Fiangonana ireto dia mampahatsiahy antsika izy fa ny didy no mpitarika azo antoka indrindra mankany amin'ny fifaliana sy ny fiadanana.

## Torolalana mandritra ny fiainana an-tany

"Ny didin' Andriamanitra dia tsy nomena mba hahasorena antsika na hanakana ny fahasambarantsika. Ny mifanohitra amin'izany no marina. Izy, ilay nahary sy tia antsika no mahafantatra tanteraka ny fomba tokony hiainantsika mba hahafahana mahazo ny fahasambarana lehibe indrindra. Efa nomeny antsika ireo torolalana izay hiaro antsika mandritra ity dia eto an-tany izay matetika mampidi-doza ity, raha toa ka arahintsika izy ireny. Tsaroantsika ny tononkiran'ilay hira fanaontsika matetika hoe: 'Tandremo ireo didy! Ao no misy fiarovana; ao no misy fiadanana.' [jereo ny "Pour trouver la paix," *Cantiques,* no. 194]."[3]

## Tanjaka sy fahalalana

"Toetra niavahan'ireo mpaminany ny fankatoavana. Nanome hery sy fahalalana azy ireo tao anatin'ny tantara izany. Zava-dehibe ho antsika ny mahafantatra fa isika koa dia manana zo hahazo izany loharanon'ny tanjaka sy fahalalana izany. Tsy sarotra ho an'ny tsirairay amintsika amin'izao fotoana izao ny hahazo izany rehefa mitandrina ny didin' Andriamanitra isika. . . .

"Ny fahalalana katsahintsika, ny valinteny izay tadiavintsika, ary ny hery izay iriantsika hananana mba hiatrehana ireo fanamby eo amin'izao tontolo izao izay manahirana sy miovaova dia afaka ny ho azontsika rehefa mankatò amim-pahavononana ny didin'ny Tompo isika."[4]

## Safidio ny hankatò

"Ny toetra mahazatra hita amin'izao androntsika izao dia ny fileferana amin'ny ratsy. Ireo gazetiboky sy fahitalavitra dia manoritsoritra ireo olo-malaza mpilalao sarimihetsika sy maherifo ara-panatanjahantena—ireo olona izay tian'ny tanora maro halaina tahaka—izay tsy miraharaha ireo lalàn' Andriamanitra sy manao zavatra mamohehatra ampahibemaso, ho toy ny hoe tsy hitondra voka-dratsy velively. Aza mino ireny! Ho avy ny fotoana hitsarana antsika—tahaka ny fitantarana tantara iray. Tsy maintsy hitaty ny vokatry ny asa nataontsika isika—raha tsy eto amin'ity fiainana ity dia any amin'ny fiainana ho avy. Ho avy ho an'ny olon-drehetra ny Fitsarana Farany. . . . Miangavy anareo aho mba hisafidy ny hankatò."[5]

## Fifaliana sy fiadanana

"Indraindray dia mety toa hitanao hoe mahazo fahafinaretana bebe kokoa noho ianao ireo izay ao amin'izao tontolo izao. Mety mahatsapa ho voafehifehy amin'ireo fitsipi-pitondrantena izay arahintsika ato amin'ny Fiangonana ny sasantsasany aminareo. Ry rahalahy sy anabavy, manambara aminareo aho, anefa, fa *tsy misy* zavatra izay afaka



ny hitondra fifaliana bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika na fiadanana bebe kokoa eo amin'ny fanahintsika noho ilay Fanahy izay afaka ny ho tonga ao amintsika rehefa manaraka ny Mpamonjy sy mitandrina ny didiny isika."[6]

## Mandeha amin'ny fahitsiana

"Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa tsy hay refesina ny fitahiana nampanantenaina antsika. Na dia manangon-drahona toy ny inona aza ny oram-baratra ary na hirotsaka toy ny inona aza ny orana, ny fahalalantsika ny filazantsara sy ny fitiavantsika ny Raintsika any An-danitra sy ny Mpamonjy antsika dia hankahery antsika sy hitondra fifaliana ao ampontsika rehefa mandeha amin'ny fahitsiana sy mitandrina ny didy isika. Tsy hisy zavatra izay afaka handresy antsika eto amin'izao tontolo izao."[7]

## Araho ny Mpamonjy

"Iza moa izany lehilahy ory, . . . sy zatra fahoriana izany? Iza moa ity Mpanjakan'ny voninahitra izay Jehovah Tompon'ny maro ity? Izy no Tompontsika. Izy no Mpamonjintsika. Zanak' Andriamanitra Izy. Izy no mpanantanteraka ny Famonjena antsika. Miantso Izy hoe 'Manaraha Ahy.' Mitaraka Izy hoe 'Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa.' Mitalaho Izy hoe 'Tandremo ny didiko.'

"Tokony hanaraka Azy isika. Handeha isika haka tahaka ny ohatra nataony. Ndeha isika hankatò ny teniny. Amin'ny fanaovana izany no hanehoantsika Aminy ny fanomezana masin'ny fankasitrahana."[8] ■


**FANAMARIHANA**

1. "They Marked the Path to Follow," *Liahona,* ôkt. 2007, 5.
2. "Tandremo ny didy," *Liahona,* nôv. 2015, 83.
3. "Tandremo ny didy," 83.
4. "Mitondra fitahiana ny fankatoavana," *Liahona,* mey 2013, 90, 92.
5. "Minoa, mankatoava, ary mahareta," *Liahona,* mey 2012, 129.
6. "Mitsangàna eo amin'ny toerana masina," *Liahona,* nôv. 2011, 83.
7. "Matokia, mamiratra toy ny finoanao ny ho avy," *Liahona,* mey 2009, 92.
8. "Mahita fifaliana ao anatin'ilay dia," *Liahona,* nôv. 2008, 88.


### FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Mampianatra antsika momba ireo fitahiana maro afaka ho azontsika rehefa mankatò ny Filoha Monson, ka anisan'izany ny tanjaka, ny fahalalana, ny fifaliana, ary ny fiadanana. Anontanio an'ireo izay ampianarinao ny fomba nitahiana azy ireo rehefa nitandrina ny didy. Azonao atao ny mamporisika azy ireo hanohy hieritreritra ireo fitahiana azony dia hanoratra ny eritreriny sy ny zavatra iainany ao anatin'ny diary iray. Azonao atao ihany koa ny mamporisika azy ireo haneho fankasitrahana an' Andriamanitra noho ireo fitahiana azon'izy ireo amin'ny alalan'ny fanohizana ny fankatoavana.

SARY NATAON'I JIM MADSEN.

HO AN’NY ZATOVO

## Afo sy lesona momba ny fankatoavana

Indray mandeha ny Filoha Thomas S. Monson dia nitantara mikasika ny fotoana iray nianarany ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana. Fony izy valo taona dia nandeha tany amin’ny tranon’izy ireo tany an-tendrombohitra ny fianakaviany. Te hanadio faritra iray feno bozaka mba hanaovana afondasy izy sy ny namany. Niezaka nanala ny bozaka tamin’ny tanana izy ireo, nanongotra sy nisintona mafy araka izay azony natao, saingy tsy nahazo afa-tsy ahitra eran’ny tanana izy ireo. Nanazava ny Filoha Monson hoe: “Ary avy eo dia tonga tao amin’ilay sain-jaza valo taona nananako ilay noheveriko fa ho vahaolana tonga lafatra. Hoy aho tamin’i Danny hoe: ‘Ny hany ilaintsika dia ny mandoro ireo ahi-dratsy ireo. Faribolana iray fotsiny no *hodorantsika* ao anatin’ireo ahi-dratsy!’ ”

Na dia fantany aza fa tsy nahazo nampiasa afokasoka izy dia nandeha nihazakazaka tany amin’ilay trano haka afokasoka vitsivitsy, dia nandrehitra afo kely tao anatin’izany faritra feno bozaka izany izy sy i Danny. Nanantena izy ireo fa ho faty ho azy ilay afo, saingy lasa afo lehibe sy nampidi-doza anefa izany. Nihazakazaka nitady fanampiana izy sy i Danny, ka vetivety dia nisy olon-dehibe tonga haingana hamono ilay afo mialoha ny hitaran’izany teny amin’ireo hazo.

Hoy ny Filoha Monson nanohy izany hoe: “Nianatra lesona sarotra maro kanefa manan-danja izaho sy i Danny tamin’izay andro izay—ampahany lehibe tamin’izany ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana.” (Jereo ny “Mitondra fitahiana ny fankatoavana,”*Liahona,* mey 2013, 89–90.)

Efa nianatra lesona momba ny fankatoavana tamin’ny fomba henjana tahaka ny Filoha Monson ve ianao? Inona avy ireo tanjona azonao apetraka mba hiarovana ny tenanao amin’ny alalan’ny fankatoavana amin’ny ho avy?

HO AN’NY ANKIZY

## Fidio ny tsara

Ny fisafidianana ny tsara dia mitondra antsika hanakaiky kokoa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Izany koa dia manampy antsika ho faly sy ho voaro. Ataovy anaty faribolana ireo fomba ahafahanao misafidy ny tsara.



Miangona



Mangala-tahaka any am-pianarana



Mamaky ny soratra masina



Manompo ny hafa



Manao kilalao tsara



Miady amin’ny iray tampo aminao

SARY NATAON’I KATIE MCDEE

*Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantatra izay tokony hozaraina. Nahoana no hampitombo ny finoanao an' Andriamanitra sy hitahy ireo izay iandraiketanao amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano ny fahatakarana ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao"? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny **reliefsociety.lds.org**.*

# Ny fianakaviana dia tendrin' Andriamanitra

"Ao amin'ny tononkiran'ny [hiran'ny kilonga iray]: 'Avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana,' . . . dia ampahatsiahivina fotopampianarana madio isika," hoy i Carole M. Stephens, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany. "Tsy mianatra fotsiny isika fa avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana fa fantatsika koa fa ampahany amin'ny fianakavian' Andriamanitra ny tsirairay amintsika. . . .

". . . Ny drafitr' Andriamanitra Ray ho an'ny zanany dia drafitra feno fitiavana. Izany dia drafitra mba hampiray hina ny zanany—ny fianakaviany—miaraka Aminy."[1]

Ny Loholona L. Tom Perry (1922–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza hoe: "Isika koa dia mino fa ny fianakaviana nentin-drazana matanjaka dia tsy vitan'ny hoe singa fototry ny fiarahamonina mafy orina, toekarena mafy orina ary kolontsain'ny soatoavina mafy orina fotsiny—fa singa fototry ny mandrakizay sy ny fanjakana ary ny governemantan' Andriamanitra koa.



"Isika dia mino fa ny firafitry ny lanitra sy ny governemantany dia mifototra amin'ny fianakaviana sy ny havana."[2]

"Ny olona tsirairay, na manambady na tsy manambady, na manan-janaka na tsia, dia afaka ny ho tonga mpiaro ny drafitry ny Tompo izay voafaritra ao anatin'ny fanambarana momba ny fianakaviana," hoy i Bonnie L. Oscarson, Filohan'ny zatovovavy maneran-tany. "Raha io no drafitry ny Tompo dia io ihany koa no tokony ho drafitsika!"[3]

### *Soratra masina fanampiny*

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:1–3; 132:19

### *Eritrereto Ity*

Nahoana ny fianakaviana no rafitra manan-danja indrindra amin'izao fotoana izao ary mandrakizay?

**FANAMARIHANA**

1. Carole M.Stephens, "Avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana," *Liahona,* mey 2015, 11, 13.
2. L. Tom Perry, "Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2015, 41.
3. Bonnie L. Oscarson, "Mpiaro ilay fanambarana momba ny fianakaviana," *Liahona,* mey 2015, 15.
4. Julie B. Beck, "Teaching the Doctrine of the Family," *Liahona,* mar. 2011, 32, 34.

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

### *Fotopampianarana momba ny fianakaviana*

Ny Rahavavy Julie B. Beck, izay efa filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo aloha, dia nampianatra fa ny teôlôjia mikasika ny fianakaviana dia mifototra amin'ny Fahariana sy ny Fahalavoana ary ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy:

"Ny Fahariana ny tany dia nanome toerana izay ahafahan'ny fianakaviana miaina. Nahary lehilahy iray sy vehivavy iray Andriamanitra dia ireo izay silany roa ilaina ao anatin'ny fianakaviana. Efa tao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra fa i Adama sy i Eva dia hofehezina ary ho lasa fianakaviana mandrakizay.

". . . Ny Fahalavoana no nahafahan'izy ireo nanana zanakalahy sy zanakavavy.

"Ny Sorompanavotan['i Kristy] no ahafahan'ny fianakaviana ho voafehy miaraka mandrakizay. Io no ahafahan'ny fianakaviana manana fivoarana sy fahatanterahana mandrakizay. Ny drafitry ny fahasambarana izay antsoina ihany koa hoe ny drafitry ny famonjena, dia drafitra iray noforonina ho an'ny fianakaviana. . . .

". . . Izany no fotopampianaran'i Kristy. . . . Raha tsy misy fianakaviana dia tsy misy drafitra; tsy misy antony ny hisian'ny fiainana an-tany."[4]

SARY MANOLOANA NY TEMPOLIN'I BUENOS AIRES ARGENTINE

# IREO ALAHADIKO FENO ASA FANOMPOANA

Nosoratan'i Jeffery A. Hogge

*Feno be ireo alahadiko, saingy feno fankasitrahana aho fa afaka manompo kanefa tsy mila mandia zava-tsarotra tahaka ireo mpitarika ny Fiangonana tany am-piandohana toa ny Loholona Parley P. Pratt.*

Tonga ity ny alahady maraina. Miandry ahy ny fandaharam-potoana maharitra adiny 12 ahitana fivoriana, dinidinika, fandraisana ho mpikambana ary fanendrena. Hanomboka any amin'ny ivontoeran'ny tsatòka iray aho ary hamarana any amin'ny trano fivoriana iray hafa any amin'ny ilan'ny tanàna—izany rehetra izany mandritra ny andro tena mafana be.

Miandrandra ny fivoriana sy ny dinidinika sy ny fandraisana ho mpikambana ary ny fanendrena tsirairay aho. Kanefa omaly, rehefa nieritreritra aho hoe ho feno be ny fotoako, dia tena ontsa ny tenako aho—mandrapanokafako ny *Autobiography of Parley P. Pratt (Tantaram-piainan'i Parley P. Pratt)* ka nanombohako namaky teo amin'ny toerana izay nijanonako. Nosamborina ka nogadraina niaraka tamin'i Joseph sy i Hyrum Smith ary ireo hafa ny Loholona Pratt nandritra ireo andro sarotra tany Missouri. Rehefa avy nentina tany Independence ireo Rahalahy dia nogadraina tao amin'ny trano fampiantranoam-bahiny iray izy ireo ka natory teo amin'ny tany niaraka tamin'ny vongan-kazo natao ondana.

Indray maraina mamirifiry sy nisy ranomandry dia nitsangana ny Loholona Pratt ary niporitsaka nitsaoka ilay trano fampiantranoam-bahiny ka tsy nisy nahatsikaritra. Nandeha niantsinanana nandalo ny tanàna izy ary niditra tamin'ireo saha teo akaiky teo. Rehefa avy nandeha 1.6 kilaometatra ny Loholona Pratt dia niditra tao anaty ala iray, ka nanarona ny diantongony ny ranomandry nilatsaka ary nanafina azy ireo hazo.

Nieritreritra ny toe-javatra sarotra niainany izy. Raha nanohy ny diany niantsinanana izy dia ho afaka hitsoaka any amin'ny faritany hafa, izay toerana ahafahany manafatra ny fianakaviany. Raha niverina tany amin'ilay trano fiantranoam-bahiny izy dia tsy maintsy nogadraina sy nomelohina ho nanao heloka bevava. Raha nalaimpanahy hitsoaka ny Loholona Pratt dia nieritreritra momba ny "olana goavana, na ny fahafatesana mihitsy aza" izay haterany amin'ireo gadra hafa izy raha toa ka mandeha mitsoaka.

Raha mbola tsy fantany izay tokony hataony dia tadidiny ny andinintsoratra masina iray: "Fa na iza na iza ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na zovy na zovy no manolotra ny ainy noho ny foto-kevitro, dia hahazo izany indray, dia ny fiainana mandrakizay" (jereo ny Marka 8:35; F&F 98:13).

Niverina tany amin'ilay trano fampiantranoam-bahiny ny Loholona Pratt. Tsy maintsy hitranga aorian'izany ny fanagadrana amin'ny fomba henjana mandritra ny volana maro—tsy misy fianakaviana, na finamanana amin'ny Olomasina, na ny fahafahana manompo ao amin'ny antsony amin'ny maha-apôstôly azy.[1]



Rehefa avy nanakatona ilay boky aho dia nisaintsaina ny fahasarinan'ireo Olomasina tany am-piandohana—razambeko ny sasany tamin'izy ireo. Nizaka habibiana sy fanenjehana izy ireo noho ny fijoroana ho vavolombelona nananany momba ny filazantsara sy ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy. Afaka manompo sy mitsaoka aminkalalahana aho ankehitriny, sady mifamatotra amin'izy ireo amin'ny finoana sy fijoroana ho vavolombelona noho ny zavatra niaretan'izy ireo.

Eto am-piomanako ho amin'ity Sabata ity dia voaro tsara ny fianakaviako ary miandrandra androm-pitsaohana ao anatin'ny trano fivoriana mampahazo aina tsara. Hampamirapiratra ny andronay ny finamanana atolotry ny Olomasina. Hifaly miaraka amin'izy ireo izahay rehefa tanterahina ny fandraisana ho mpikambana sy ireo fanendrena, rehefa tontosa ireo andraikitra, ary nampatanjahina ny finoana. Handray ny fanasan'ny Tompo izahay ary hahatsiaro ny Mpamonjintsika sy ny Sorompanavotany. Ary anio hariva izahay dia hiara-hivory ao an-tokantranonay hamaky ny Bokin'i Môrmôna sy hiarahivavaka mialoha ny hatorianay ao amin'ireo fandrianay mampahazo aina tsara sy hampandrianay ny lohanay eo ambony ondana malemilemy.

Feno be ireo alahadiko. Feno fankasitrahana sy voatahy aho noho izany. ■

*Mipetraka any Californie, Etazonia ny mpanoratra.*

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Parley P. Pratt, *Autobiography of Parley P. Pratt,* ed. Parley P. Pratt Jr. (1979), 194–97.

SARY NATAON'I CHIDY WAYNE

# NY FANASANA FARANY NORAISIN'I MELVA

**Nosoratan'i Cheryl Harward Wilcox**

*"Te hiezaka handray ny fanasan'ny Tompo ve ianao?" Hoy aho nanontany ilay reniko efa niala aina.*

Niaina nandritra ny 92 taona ny reniko ary vao haingana izy no nodimandry. Tany amin'ny hôpitaly izy tamin'ny fotoana nanapahan'ny mpitsabo hevitra fa tsy misy zavatra hafa azo atao intsony afa-tsy ny manao izay hahazoany aina araka izay azo atao mandrapahafatiny.

Rehefa natao ireo fiomanana mba hitondrana azy mody dia tonga tao amin'ilay efitrano ny rahalahy roa avy ao amin'ny paroasy iray teo antoerana dia nanontany ahy raha toa ka te handray ny fanasan'ny Tompo ny reniko. Tamin'ny voalohany dia hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Tsia, fa misaotra betsaka." Zara raha afaka nitelin-kanina i Neny. Dia hoy aho hoe: "Rehefa nieritreritra indray aho anefa dia aleo aloha aho hanontany azy." Nitongilana nanakaiky ny sofiny aho dia niteny hoe: "Misy mpihazona fisoronana miisa roa ato. Te hiezaka handray ny fanasan'ny Tompo ve ianao?" Namaly tamin'ny feo reraka kanefa mazava izy hoe: "Eny."

Taorian'ny fanamasinana dia naka sombi-mofo avy teo amin'ilay lovia aho, nanapaka potiny kely, dia nametraka izany tsimoramora tao ambavany. Niezaka nitsako izany elaela izy dia niala tsiny moramora tamin'ireo lehilahy noho ny naha-elaela izany. Nilaza tamiko izy ireo fa tsy nampaninona izany. Taorian'ilay vavaka faharoa dia naka kaopy kely plastika nisy rano aho dia nampitohoka izany teo amin'ny molony. Nisotro kely fotsiny izy, kanefa nahagaga ahy fa voateliny tsara ilay izy.

Nisaotra ireo rahalahy aho dia nandeha nankao amin'ny efitrano manaraka izy ireo. Nodimandry tamim-piadanana i Neny tokony ho adiny iray taorian'izany.

Tao anatin'ireo andro maromaro taorian'izay dia tsapako fa navela hifampizara fotoana tena sarobidy tamin'ny reniko aho. Ny zavatra farany nataony teto amin'ity fiainana ity dia ny nandray ny fanasan'ny Tompo. Ny teny farany nolazainy dia hoe "Eny"—eny mba handray ny fanasan'ny Tompo, eny mba hanolorany ho sorona "fo torotoro sy fanahy manenina" (3 Nefia 9:20), eny mba hitondra eo aminy ny anaran'i Jesoa Kristy sy hampanantenany ny hahatsiaro Azy mandrakariva, eny mba handray ny Fanahiny. Ny zavatra farany nandalo ny molony dia ireo tandindon'ny fanasan'ny Tompo.



Tsy maintsy hoe tena mamy ho azy izao ny fanasana farany noraisiny! Na dia reraka mafy aza izy ka tsy afaka nihetsika na niteny dia tsy maintsy ho nahatsapa hoe velona tao amin'i Kristy izy! Tsy maintsy hoe feno fankasitrahana noho ny hery manavotra sy mampivoatra avy Aminy izy, izay nitondra azy tao anatin'ireo fotoana farany teo amin'ny fiainany teto an-tany ireo ka nanome azy ny fanantenana hahazo ny fiainana mandrakizay.

Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro isika, dia enga anie isika rehetra ho feno fankasitrahana noho ny fahafahana ananantsika mba hanavao ireo fanekempihavanana nataontsika sy hahatsapa famelankeloka ary famindram-po rehefa miezaka ny ho tonga bebe kokoa tahaka ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany. Ny mofo sy ny rano noho izany dia afaka ny ho "mamy manoatra noho ny rehetra izay mamy, . . . ary madio manoatra noho ny rehetra izay madio" (Almà 32:42) ho antsika, tahaka ny naha-toy izany azy ho an'ny reniko. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I CHRISTOPHER THORNOCK

MAMPIANATRA ARAKA NY FOMBAN'NY MPAMONJY



**Nosoratan'i Tad R. Callister**
Filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany

# NY fifaliana AVY AMIN'NY fianarana

*Rehefa lasa mpianatra manolo-tena kokoa isika dia hahatsapa ilay fifaliana masina izay azo avy amin'ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.*



Misy tantara iray momba ny lehilahy iray izay nanjary nalaza ho ilay lehilahy kamo indrindra teo an-tanàna. Tsy te hiasa izy ary tsy te hitady asa. Nivelona tamin'ny hatsembohan'ny hafa fotsiny izy. Nony farany dia leo nanampy azy ny olona teo an-tanàna. Nanapa-kevitra ny hitondra azy tany amin'ny faritra ivelan'ilay tanàna izy ireo ary handefa azy ho sesitany. Raha niaraka taminy tao anaty voatiry ho eny amin'ny sisin-tanin'ilay tanàna ny iray tamin'ireo mponina tao dia nahatsapa fangorahana lehibe ilay mpitondra voatiry. Tokony homena fahafahana hanova ny toe-tsainy angamba ilay lehilahy voaroaka. Noho izany dia nanontany izy hoe: "Tianao ve raha omeko katsaka iray harona ianao mba hoentinao manarina indray ny fiainanao?"

Dia namaly ilay lehilahy voaroaka hoe: "Efa voavaofy ve?"[1]

## Mpampianatra sy mpianatra: manana andraikitra mitovy mba hitondra anjara biriky

Indraindray ny olona dia te hahatakatra ny soratra masina kanefa tsy manao ezaka akory—tian'izy ireo hazavaina aminy mialoha ny hamakiany izany ny soratra masina. Tian'izy ireo ianarana amin'ny alalan'ny fitanisana andiana teny nindramina fohy sy mampiala voly na horonantsary fohy sy mampiala voly ny filazantsara. Tian'izy ireo hanomana sy hanao ny zavatra rehetra hahatakaran'izy ireo ny lesona ny mpampianatra Sekoly Alahady kanefa izy ireo tsy te hanomana na handray anjara.

Mifanohitra amin'izay, indray mandeha dia nanasa ireo mpianany handeha hody ny Mpamonjy satria tsy nahatakatra ny teniny izy ireo Nandidy azy ireo Izy ny hivavaka, hisaintsaina, ary "[hanomana ny sain'izy ireo] ho amin'ny ampitso," rehefa "[hankany amin'izy ireo indray Izy]" (jereo ny 3 Nefia 17:2–3).

Izao no lesona nampitainy: tsy andraikitry ny mpampianatra irery ihany ny tonga ao an-dakilasy sady efa niomana tsara fa andraikitry ny mpianatra ihany koa. Tahaka ny hananan'ny mpampianatra andraikitra hampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy no hananan'ny mpianatra andraikitra hianatra amin'ny alalan'ny Fanahy ihany koa (jereo ny F&F 50:13–21).



Voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa: "ny mpitory dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpihaino, *ary ny mpampianatra dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpianatra; ary dia toy izany no nitovian'izy rehetra*" (Almà 1:26; nampiana fanamafisana).

Ireto manaraka ireto misy sosokevitra mikasika ny zavatra azontsika atao mba hahatsapa ny fifaliana azo rehefa manao ny anjarantsika isika amin'ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsara.

**Fianarana ao an-tokantrano**
***Mandalina ny soratra masina***

Tompon'andraikitra amin'ny fianarany ny filazantsara manokana ny mpikambana rehetra. Tsy afaka mamindra izany andraikitra izany isika. Ny ankamaroan'izany fianarana izany dia azo avy amin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina tsy tapaka. Nanambara ny Filoha Harold B. Lee (1899–1973) hoe: "Raha tsy mamaky ny soratra masina isan'andro isika dia mihamihena ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika."[2] I Paoly Apôstôly dia nilaza fa ny Jiosy tao Beria dia "tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo," ary avy eo izy dia nizara ny antony nahatonga azy ireo nandray tsara toy izany: "[Izy ireo dia] *nandinika ny soratra masina [isan'andro]*" (Asan'ny Apostoly 17:11; nampiana fanamafisana).

Ny fandalinana soratra masina isan'andro dia ampahany manan-danja amin'ny fampitomboana ny fiainampanahintsika. Tsy misy zavatra hafa mahasolo tanteraka ny famakiana soratra masina raha tsy manao izany isika ao anatin'ny zavatra fanaontsika andavanandro. Noho io antony io dia tokony hatao mandritra ny fotoana natokana ho an'izany ny fandalinana soratra masina fa tsy amin'ny fotoana sisa tavela.

Mety hilaza ny olona sasany hoe: "Ka tsy manana fotoana handalinana soratra masina anie aho noho ireo adidy maro hafa ananako eo amin'ny fiainana e!" Io fomba fiteny io dia mampahatsiahy ahy ilay tantara momba ny lehilahy roa mpanapaka hazo tamin'ny famaky izay nifaninana ny hamantatra hoe iza no afaka manapaka hazo betsaka kokoa ao anatin'ny iray andro. Nanomboka tamin'ny fiposahan'ny masoandro ilay fifaninanana. Isaky ny adiny iray dia nandeha niditra tany anaty ala tany nandritra ny 10 minitra na manodidina an'izany ilay lehilahy kelikely kokoa. Isaky ny nanao izany izy dia nitsiky ilay mpifaninana taminy sady nahatsapa ho natoky tena fa izy no handresy amin'ilay fifaninanana. Tsy niala teo amin'ny toerany mihitsy ilay lehilahy ranjanana kokoa, tsy nitsahatra nanapaka, tsy naka aina mihitsy.

Rehefa hariva ny andro dia tohina ilay lehilahy ranjanana kokoa rehefa nahafantatra fa ilay mpifaninana taminy, izay toa nandanindany fotoana be tokoa, dia nahatapaka hazo betsaka kokoa noho izy. "Ahoana no nahavitanao izany kanefa ianao niato imbetsaka?" hoy izy nanontany.

Namaly ilay mpandresy hoe: "Hay! nandranitra ny famakiko aho."

Isaky ny mandalina ny soratra masina isika dia mandranitra ny famakintsika ara-panahy. Ary ny ampahany mahagaga indrindra dia hoe rehefa manao izany isika dia afaka mampiasa ny fotoanantsika sisa amimpahendrena kokoa.

***Miomanà mialoha***

Maro ireo fanadihadiana naneho fa vitsy dia vitsy amin'ny mpikamban'ny Fiangonana no mamaky mialoha

MANDALINA
ny soratra masina

MIOMANA
amin'ny fotoam-pianarana









ny soratra masina izay horesahina ao amin'ireo kilasy rehefa alahady. Afaka manova izany toe-javatra izany ny tsirairay amintsika. Afaka manatontosa ny andraikitsika momba ny fianarana isika amin'ny alalan'ny fahatongavana ao an-dakilasy sady efa niomana tsara, no efa namaky ny soratra masina sy vonona ny hizara hevitra. Ny fiomanantsika dia afaka ny ho fanomezana ara-panahy atolotsika ireo olona rehetra ao an-dakilasy.

## Mianatra ao an-dakilasy

***Mandray anjara ao an-dakilasy***

Ny didy mba hanokafantsika ny vavantsika (jereo ny F&F 60:2–3) dia tsy eo amin'ny sehatry ny asa fitoriana ihany no mihatra fa ao an-dakilasy ihany koa. Rehefa mandray anjara isika dia manasa ny Fanahy, izay afaka mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny fanamarihana ataontsika avy eo ary manazava ny saintsika amin'ny hevi-baovao fanampiny. Ankoatra izay, ny fandraisantsika anjara dia mety hitaona ny eritreritry ny hafa ka hamporisika azy handray anjara. Amin'izay isika dia manaraka




fitsipi-pampianarana iray nampianarin'ny Tompo manao hoe: "Aoka hiteny tsirairay ary hihaino izay lazaina ny rehetra, ka rehefa avy miteny ny rehetra, *dia ho azo aorina ny rehetra amin'ny alalan'ny rehetra*" (F&F 88:122; nampiana fanamafisana). Indraindray ny fandraisana anjara ao an-dakilasy dia tsy mora. Mitaky ny hanaovantsika zavatra tsy dia hahazoantsika aina izany. Ny fanaovana izany anefa dia manampy ny rehetra ao an-dakilasy hitombo ara-panahy.

***Raketo an-tsoratra ireo zavatra tsapa***

Tao anatin'ny fotoana naharitraritra dia nitondra karatra fandraisana an-tsoratra tsy nisy na inona na inona tany am-piangonana aho dia nitady ireo hevitra ara-potopampianarana na fahatsapana ara-panahy izay azoko soratana. Azoko lazaina amin-kitsimpo fa nahazo fitahiam-be aho. Nanova ny fomba fijeriko izany fomba hoenti-mianatra izany. Nampifantoka sy nanafaingana ny fianarako izany. Nampitombo ny fieritreretako mialoha ny any am-piangonana izany.

Nahoana no zava-dehibe tokoa ny mirakitra an-tsoratra ireo traikefa ara-panahy azontsika any am-piangonana sy any amin'ny toeran-kafa? Eritrereto vetivety hoe misy renim-pianakaviana miresaka amin'ilay zatovolahy zanany ka ao anatin'izany izy dia miteny hoe: "Neny a! torohevitra tena tsara izany." Dia mandray kahie izy avy eo dia manomboka manoratra ireo fahatsapana voarainy avy amin'ny resaka nifanaovan'izy ireo. Rehefa nisinda ny fahatairan'ilay renim-pianakaviana, moa ve tsy haniry ny hanome azy torohevitra bebe kokoa izy?

Azo antoka fa mihatra amin'ny torohevitra avy amin'ny Raintsika any An-danitra izany fitsipika izany. Rehefa mirakitra an-tsoratra ny fahatsapana omeny antsika isika dia azo antoka kokoa fa hanome antsika fanambarana fanampiny Izy. Ankoatra izay dia maro amin'ireo fahatsapana voaraintsika no mety ho toy ny kely amin'ny voalohany, saingy rehefa mikolokolo sy misaintsaina azy ireny isika dia mety ho lasa fahatakarana ara-panahy lehibe izany.

Ny Mpaminany Joseph Smith dia niresaka mikasika ny maha-zava-dehibe ny fanoratana ireo hevi-baovao sy fahatsapana: "Raha toa ianao . . . ka manao drafitra ny hiresaka ireo zavatra manan-danja . . . kanefa tsy manoratra izany, . . . angamba, noho ny tsy firaharahiana ny hanoratra ireo zavatra ireo rehefa nambaran' Andriamanitra izany, sy ny tsy fieritreretana azy ireo ho manan-danja firy, dia mety hisintona ny Fanahy . . . ary misy, na nisy, fahalalana lehibe, izay tsy manam-petra ny lanjany, izay very."[3]




### Ny fifaliana avy amin'ny fianarana

Mihoatra lavitra noho ny andraikitra masina ny fianarana. Natao mba ho

fifaliana lehibe ihany koa izany.

Indray mandeha ny matematisiana fahiny iray nantsoina ho Archimède dia nangatahan'ny mpanjakany hamantatra raha toa ilay satroboninahitra vaovaon'ny mpanjaka ka tena volamena tsy mifangaro na nangalatra nampiasa volafotsy ho solon'ny volamena ilay mpanefy. Nosaintsainin'i Archimède ny fomba hitadiavana vahaolana, ka nony farany dia nahita valiny ihany izy. Diboky ny hafaliana izy noho izany zavatra hitany izany ka, araka ny lovantsofina, dia nihazakazaka manerana ny tanàna izy sady nihiakiaka hoe: "Eureka! Eureka!"—izay midika hoe "Hitako ilay izy! Hitako ilay izy!"


Na dia nahatsapa fifaliana lehibe aza izy tamin'ny fahitana fitsipika ara-pahalalana iray dia misy fifaliana lehibe lavitra noho izany amin'ny fahalalana ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy: ireo fahamarinana izay tsy manome fampahalalana ho antsika fotsiny fa mamonjy antsika ihany koa. Noho izany antony izany no nilazan'ny Mpamonjy hoe: "Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo . . . , ka ho tanteraka ny fifalianareo" (Jaona 15:11). Ary noho io antony io dia "nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra" (Joba 38:7) rehefa nahafantatra ny drafitry ny famonjena izy ireo. Tahaka ny hananan'ny voa hery ara-boajanahary haniry no hananan'ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara ny hery ara-boajanahary hitondra fifaliana.

Tsy didy masina "[hikatsaka] ny fianarana" fotsiny izany (F&F 88:118), fa asa masina atao ihany koa. Isaky ny mandalina ny soratra masina isika, mandeha mianatra sady efa niomana tsara kokoa, mandray anjara amin'ireo fifanakalozankevitra ao an-dakilasy, ary manoratra ireo fahatsapana masina azontsika, dia lasa mitovy bebe kokoa tahaka an' Andriamanitra isika, ka noho izany dia mampitombo ny fahafahantsika mahatsapa ny fifaliana izay tsapany.

Enga anie isika rehetra hiezaka ny ho lasa mpianatra manolo-tena kokoa, mpianatra masina kokoa—any an-trano, any an-dakilasy, ary na aiza na aiza misy antsika. Rehefa manao izany isika dia hahatsapa ilay fifaliana masina izay azo avy amin'ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. ■

**FANAMARIHANA**

1. Misy tantara mitovy amin'io notantarain'ny Loholona D. Todd Christofferson io ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ôktôbra 2014.
2. Harold B. Lee, semineran'ny tompon'andraikitra isam-paritra, 12 des. 1970.
3. Joseph Smith, ao amin' ny *History of the Church,* 2:199.



## ASA masina atao





## hikatsahana NY fianarana




Isaky ny mandalina ny soratra masina isika, mandeha mianatra sady efa niomana tsara kokoa, mandray anjara amin'ireo fifanakalozan-kevitra ao an-dakilasy, ary manoratra ireo fahatsapana masina azontsika, dia lasa mitovy bebe kokoa tahaka an' Andriamanitra isika, ka noho izany dia mampitombo ny fahafahantsika mahatsapa ny fifaliana izay tsapany.

# Ny ankizy madinika SY NY Fanasan'ny Tompo

*Tsapan'ireo zanakay mbola kely fa nanan-danja taminay ny fanasan'ny Tompo. Afaka nanao zavatra bebe kokoa izahay mba hanampiana azy ireo hahafantatra fa nanan-danja ihany koa izany ho azy ireo.*

**Nosoratan'i Aaron L. West**

Efa nanontany tena ve ianao hoe nahoana isika no mamela ireo ankizy tsy mbola vita batisa handray ny fanasan'ny Tompo? Moa ve isika manao izany fotsiny mba tsy hiadivan'izy ireo sy hitabatabany rehefa te hahazo sombi-mofo izy ireo? Moa ve isika manao izany fotsiny mba hanamorana ny fanatanterahana ilay ôrdônansy, mba hitandrovana fotsiny ny filaminana?

Tsy izay raha ny fiheverako azy. Mino aho fa misy antony lalina kokoa. Mino izany aho satria inoako fa rehefa niteny i Jesoa Kristy hoe "rehetra" dia ny olona rehetra no tiany holazaina. Ary rehefa niresaka tamin'ny vahoaka maro Izy dia tsy nisy olona navahany.

Rehefa nampahafantatra ny fanasan'ny Tompo tamin'ireo vahoakany tao Amerika fahiny ny Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty dia nohamafisiny fa nanana lanja manokana ho an'ireo izay efa natao batisa ilay ôrdônansy.[1] Nodidiany niaraka tamin'izany koa ireo mpianany mba "[hanome] [ny fanasan'ny Tompo] ny *valalabemandry*."[2] Izany valalabemandry izany dia nahitana ireo "ankizy madinika."[3]

Rehefa manonona ny vavaky ny fanasan'ny Tompo ireo mpihazona ny fisoronana amin'izao fotoana izao dia mangataka ny Ray any An-danitra izy ireo mba hitahy sy hanamasina ny mofo sy ny rano "ho an'ny fanahin'ireo *rehetra*" izay mandray amin'izany.[4] Rehetra. Ny olona tsirairay izay mandray—ka anisan'izany ny ankizy madinika tsirairay.

Raha mandray ireo tandindona ireo ho toy ny fitahiana ny fanahy madiony ireo ankizy amin'ny alalan'ny fandraisany ny mofo sy ny rano dia tsy maintsy misy fomba hanampiana azy ireo hahatsapa ny lanjan'ilay ôrdônansy.



Noho izany fahatakarana ananako izany dia manao jery todika ireo fotoana naha-kely ny zanako aho. Nahita fahombiazana tokoa izaho sy ny vadiko tamin'ny fampanginana azy ireo nandritra ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo. Tsapan'izy ireo raha ny fiheverako azy fa nanandanja taminay ilay ôrdônansy. Kanefa afaka nanao zavatra bebe kokoa izahay mba hanampiana azy ireo hahafantatra fa nanan-danja ho *azy ireo* izany.

Inona no mety ho azonay natao? Tokony ho nahatsiaro izahay fa ny ankizy madinika dia afaka manaja ireo fampanantenana ao anatin'ilay vavaky ny fanasan'ny Tompo. Afaka mahatakatra amin'ny fombany voafetra kanefa mahery vaika ny dikan'ny hoe "mahatsiaro mandrakariva" an'i Jesoa izy ireo. Afaka mampanantena ny "hitandrina ny didiny" izy ireo. Afaka maneho ihany koa aza izy ireo fa "vonona . . . ny hitondra ny anaran'" i Kristy sady mahafantatra fa hanana izany tombontsoa lehibe izany izy ireo afaka fotoana fohy rehefa atao batisa sy raisina ho mpikambana.[5]

Ary ahoana kosa ny amin'ny fanavaozana ireo fanekempihavanana? Nampianatra ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana fa rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika, dia manavao ireo fanekempihavanana nataontsika tamin'ny Tompo.[6] Tsy manana fanekempihavanana havaozina ny ankizy madinika.

Mieritreritra indray ny fotoana naha-kely ny zanakay aho. Tsy ho afaka nanampy azy ireo hieritreritra ireo fanekempihavanana nataon'izy ireo izahay fa tokony ho afaka kosa nanampy azy ireo hieritreritra ny hanao izany amin'ny ho avy. Maka sary an-tsaina ny tenako miaraka amin'ny zanakalahy na zanakavavy kely rehefa alahady maraina aho:



"Rehefa feno valo taona ianao," hoy aho, "dia hatao batisa ary handray ny fanomezana ny Fanahy Masina. Hanao fanekempihavanana ianao. Ny fanekempihavanana hataonao *amin'izany* dia ho toy ny fampanantenana ataonao *amin'izao fotoana izao* rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo ianao.

"Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo aho amin'izao dia havaoziko ny fanekempihavanan'ny batisa izay nataoko, toy ny hoe manao ireo fampanantenana ireo indray aho. Hiaraka amiko any ianao, saingy tsy hanavao fanekempihavanana. Tsy mbola nanao ianao. Ho solon'izany dia afaka *mizatra* manao fanekempihavanana ianao. Isaky ny mandray ny fanasan'ny Tompo ianao dia afaka miomana ny hatao batisa sy horasina ho mpikambana. Amin'izay ianao dia ho vonona rehefa feno valo taona."

Raha toa ka toy ny tsy mahazatra ny mampiasa ny teny hoe *mizatra* amin'izany fomba izany dia ataovy ity: afaka manampy ny zanany hiomana amin'ny ôrdônansin'ny batisa ao amin'ny toerana mangina tsara iray ny raim-pianakaviana iray amin'ny alalan'ny fanehoana amin'izy ireo ny fomba hiarahan'izy ireo mijoro ao anaty rano sy amin'ny alalan'ny fanononana amin'izy ireo ireo tonon'ny vavaka amin'ny batisa. Tsy manatanteraka ilay ôrdônansy ao amin'izany toerana izany izy. Amin'ny lafiny iray dia manampy ny zanany hizatra izy. Amin'izay izy ireo dia tsy hanahy ny amin'izay zavatra hitranga rehefa miditra ny ranon'ny batisa. Mino aho fa ny renim-pianakaviana sy ny raim-pianakaviana dia afaka manampy ihany koa ireo zanany hizatra hanao sy hanaja ny fanekempihavanan'ny batisa. Afaka ny ho fotoam-pizarana masina ho an'ny ankizy madinika ny fivoriana fanasan'ny Tompo tsirairay rehefa mandray ireo tandindon'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy izy ireo.

Ka noho izany dia hiverenako indray ilay fanontaniako tany am-piandohana. Nahoana isika no mamela ny ankizy madinika handray ny fanasan'ny Tompo? Moa ve isika manao izany mba hitandrovana fotsiny ihany ny filaminana? Mazava ho azy fa tsia. Manampy ireo ankizy madinika isika handray ny fanasan'ny Tompo mba hahafahan'izy ireo mahatsiaro ny Mpamonjy azy sy hihazona ny fiadanany—fiadanana izay tsy mitovy velively amin'izay azon'izao tontolo izao omena.[7] Ampiantsika izy ireo hiomana handray be dia be amin'izany fiadanana izany amin'ny ho avy, rehefa hanao fanekempihavanana Aminy sy hanaja izany izy ireo. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 3 Nefia 18:5, 11.
2. 3 Nefia 18:4; nampiana fanamafisana.
3. Jereo ny 3 Nefia 17:21–25; 18:1–4.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79; nampiana fanamafisana.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
6. Jereo ny L. Tom Perry, "As Now We Take the Sacrament," *Liahona,* mey 2006, 41.
7. Jereo ny Jaona 14:27.



# MAHATAKATRA NY ANTON'NY famonoan-tena

## IREO FAMANTARANA MAMPITANDRINA SY NY FISOROHANA

**Nosoratan'i Kenichi Shimokawa, Dr en philosophie**
Sampan-draharaha misahana ny Fianakaviana OAF (LDS Family Services), birao any Japon

Nisara-panambadiana ny ray aman-drenin'i Kevin fony izy 16 taona. Tokotokony ho tamin'izany fotoana izany ihany dia nijanona tsy nampiasa ireo fanafody fanefitry ny fanintona izy, izay nanampy tamin'ny fampitoniana ny fihetsiny. Noho ny tsy fahafantarany hoe nanana aretin-tsaina izay nahatonga azy ho rera-tsaina be indraindray na mientanentana be loatra dia nanomboka niaina fanondranondranana sy fahaosaosana ary harerahan-tsaina goavana izy. Toa tsy nanampy ireo fanafody. Tonga hatrany amin'ny fahatsapany ho leo ny zava-drehetra izany, ka dia nanapakevitra ny hanapitra ny ainy izy ary tsy hamela ny hafa hahafantatra ny fikasany.

Nitantara ilay andro saika hamonoany tena i Kevin: "Nitomany aho. Tena reraka be fotsiny aho, ketraka ara-pihetseham-po. Nijery an'ireo olona fotsiny aho, nitady olona, na iza na iza, hilaza hoe: 'Ao tsara ve ianao?' Arakaraka ny naniriako izany no nandrenesako ireto feo ireto tato [an-dohako]: 'Tokony ho faty ianao.' . . . Nitalaho tamin'ny tenako foana aho mba [tsy hamono tena], saingy nahery vaika loatra ireo feo ka tsy voatohitro tsotra izao."[1]

Mampalahelo fa tsy nisy nahatsikaritra ny fijaliany. Resy lahatra izy fa tsy nisy niraharaha azy ka dia nanandrana namono tena izy—saingy tsy maty tamin'ny fomba mahagaga.

Moa ve isika afaka mahatsapa na dia kely fotsiny aza ny sasany amin'ireo fijaliany nandifotra azy sy ny fitalahoany mangina tao anatin'ny fahakiviana hahazo fanampiana??

Ny famonoan-tena dia iray amin'ireo fisedrana mafy indrindra eto amin'ny fiainana an-tany, na ho an'ireo izay mijaly noho ny eritreritra te-hamono tena na ho an'ireo fianakaviana manana havana namono tena. Hoy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Mino aho fa tsy misy fotoana sarotra kokoa ho an'ny fianakaviana iray noho ny fotoana izay hamonoan'ny olon-tiana iray ny tenany. Zavatra iainana tena mampahory tanteraka ny fianakaviana ny famonoan-tena."[2] Satria tena goavana tokoa izany fisedrana izany

SARY © ISTOCK/THINKSTOCK

dia horesahiko ny momba (1) ny zavatra fantatsika momba ny famonoan-tena, ka anisan'izany ireo famantarana mampitandrina izany sy ireo zavatra azontsika atao mba hanampiana hisorohana izany; (2) ny zavatra azon'ny fianakaviana na ny fiarahamonina namoy havana atao; ary (3) ny zavatra tokony hataontsika rehetra mba hampatanjahana ny fanantenantsika sy ny finoantsika an'i Kristy ka tsy hamoy fo isika.

### Mahatakatra ny anton'ny famonoan-tena

Olona 800.000 mahery no mamono tena isan-taona maneran-tany.[3] Izany dia midika fa misy olona iray mamono tena eto ambonin'ny tany isaky ny 40 segaondra. Ny isa tena marina dia mety ho ambony kokoa satria ny famonoan-tena dia zavatra tena ilàna fitandremana ary tsy ara-dalàna any amin'ny firenena sasany ka tsy atao tatitra noho izany. Ny famonoan-tena mazàna no antony faharoa mahatonga ny fahafatesan'ireo olona eo anelanelan'ny 15 sy 29 taona. Any amin'ny ankamaroan'ny firenena dia eo anivon'ireo olona mihoatra ny 70 taona no avo indrindra ny tahan'ny famonoan-tena. Misy fiantraikany eo amin'ny ampahany lehibe eo amin'ny fiarahamonina misy antsika ny famonoan-tena na mivantana izany na tsy mivantana.

### Ireo famantarana mampitandrina

Rehefa tsapa fa tsy vitantsika ny mizaka ireo olana eo amin'ny fiainana dia mety hiaina fahasahiranan-tsaina mihoa-pampana isika. Rehefa tsapa fa tsy hay zakaina ny fijaliana ara-pihetseham-po dia mety ho lasa manjavozavo ny eritreritry ny olona iray ary mety hitarika azy hahatsapa fa toa ny fahafatesana no hany safidy azo atao. Mety hahatsapa izy ireo fa tsy misy olona afaka manampy, izay mety hitarika amin'ny fitokana-monina ary hanampy trotraka ny fijaliana sy ny fahatsapana ho mikatso sy tsy misy fanantenana, ary aty aoriana dia hitarika amin'ny fieritreretana fa ny famonoan-tena no hany safidy azo atao.

*Nampianatra i Almà fa tsy maintsy "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany isika; . . . hiara-malahelo amin'izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana."*

Rehefa mampiseho ireto famantarana lehibe mampitandrina manaraka ireto ny olona iray, *na inona na inona izany,*[4] dia tokony hitady fanampiana avy amin'ny mpitsabo saina avy hatrany isika na koa ny sampan-draharaha misahana ny vonjy taitra toy ny mpitandro filaminana:

- Mandrahona ny handratra na hamono ny tenany
- Mitady fomba hamonoana ny tenany
- Miresaka na manoratra momba ny fahafatesana, na ny ho faty, na ny famonoan-tena.

Ireto famantarana manaraka ireto dia mety haneho toe-javatra mitranga tsy dia mahataitra eo no ho eo, kanefa tsy tokony hisalasala ny hanolo-tanana sy hitady fanampiana ho an'ilay olona mampiseho na inona na inona amin'ireto manaraka ireto isika:

- Maneho tsy fananana fanantenana na tsy fananana tanjona hiainana intsony
- Mampiseho fahasiahana na fahatezarana na mikatsaka valifaty
- Tsy mitandrina mihitsy
- Mahatsapa ho voafandrika
- Mihamisotro toaka sy mampiasa zava-mahadomelina bebe kokoa
- Misintaka amin'ny namana, na ny fianakaviana, na ny fiaraha-monina
- Mahatsapa tebiteby na fisafoahana na miova fihetseham-po be tampoka
- Tsy mahita tory na matory foana
- Mahatsapa ho enta-mavesatra ho an'ny hafa izy ireo

Tsy ny olona rehetra manandrana mamono tena no mampahafantatra ny fikasany amin'ny hafa, kanefa mampiseho famantarana mampitandrina toy ireo ny ankamaroany. Koa aza tsinontsinoavina ireo famantarana ireo!

Na dia tsy tonga dia misy avy hatrany aza ny fanampiana avy amin'ny matihanina dia mety ho tena mahery vaika ny hery entin'ireo namana sy fianakaviana tena miraharaha tokoa.

### Fisorohana

Rehefa te hamono tena ny olona iray dia manana anjara asa tena manan-danja ny fianakaviana sy ny namana. Nampianatra i Almà hoe isika dia tsy maintsy "mitondra ny enta-mavesatry ny hafa mba hanamaivana izany, hiara-malahelo amin'ireo izay malahelo ary hampionona ireo izay mila fampiononana" (Môsià 18:8, 9).



Ireto misy zavatra manampy vitsivitsy izay azon'ny fianakaviana sy ny namana atao:

*Manolora tanana sy mihainoa amim-pitiavana.* Ny torohevitra nomen'ny Loholona Ballard dia hoe: "Tsy misy zavatra mahery vaika kokoa noho ny sandrim-pitiavana izay azo isakambinana ireo izay manana olana."[5] "Mila mijery azy ireo . . . amin'ny fijerin'ny Ray any An-danitra [isika]," hoy ny nampianarin'ny Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Amin'izany ihany isika vao afaka mahatsapa ny fanirian'ny Mpamonjy hikarakara azy ireny. . . . Izany fomba fijery mivelatra izany dia hanokatra ny fontsika amin'ny fahadisoampanantenana sy ny tahotra ary ny ratrampon'ny hafa."[6]

*Manampia amin'ny zavatra azo tsapain-tanana.* Raha toa ka mandalo fikorontanantsaina izay misy fiantraikany eo amin'ny fiarovana ny ainy na ireo zavatra fototra ilainy ilay olona dia manolora tena hanome fanampiana azo tsapain-tanana, kanefa avelao hisafidy hanaiky izany na tsia ilay olona. Ohatra, raha toa ka te hamono tena noho ny fahaverezan'asa ny olona iray dia manome fahafahana azony hisafidianana ny fanampiana azy hitady tolotr'asa ary manampy azy ho afaka amin'ny fahatsapana ho mikatso.

*Anontanio raha toa ka mieritreritra ny hamono tena izy ireo.* Rehefa matahotra ianareo hoe mahatsiaro mijaly sy mampiseho ireo famantarana mampitandrina mifandray amin'ny famonoan-tena ny olona iray dia anontanio izy raha toa ka mieritreritra ny hamono tena. Mety ho mahasadaikatra ny fanaovana izany saingy tsara indrindra ny mahafantatra izany amin'ny alalan'ny fanontaniana mivantana raha toa ka mieritreritra ny hamono tena izy ireo. Mety hanome fomba iray hiresahan'ilay olona momba ny zava-manahirana sy ny olana ananan'izy ireo izany.

Ny ohatra amin'ireo fanontaniana ireo dia mety hoe: "Toa betsaka loatra izany raha hozakain'ny olona iray. Mieritreritra ny hamono tena ve ianao?" na "Noho ireo fanaintainana rehetra izay iainanao ireo dia manontany tena aho raha toa ka mieritreritra ny hamono tena ianao." Hampahafantatra anao izy ireo raha toa ka tsy te hamono tena.



Raha toa ka tsapanareo fa tsy te hiresaka aminareo momba ireo eritreritra te hamono tena izy ireo dia henoy tsara ny bitsiky ny Fanahy mba hamantarana izay tokony hatao. Mety hotaomim-panahy hijanona hiaraka amin'izy ireo fotsiny ianareo mandrapahafahan'izy ireo miresaka aminareo.

*Mijanona miaraka amin'ilay olona dia mitadiava fanampiana*. Raha toa ka ampahafantarin'ny olona iray ianareo fa te hamono tena izy dia mijanona miaraka amin'ilay olona ary asaivo miresaka aminareo momba izay manahiran-tsaina azy izy. Raha toa ka miresaka mikasika ny fomba sy fotoana voafaritra tsara hamonoana tena izy dia ampio ilay olona mba hiantso ny laharan-tariby hiantsoana ireo olona mila fanampiana maika eo amin'ny fahasalamana ara-tsaina, na hiantso ny departemantan'ny vonjy taitra ho an'ny fahasalamana ara-tsaina eo an-toerana.

### Ireo fihetsika aseho manoloana ny famonoan-tena

Mamono tena ny olona sasany na mampiseho ireo famantarana mampitandrina ireo izy ireo na tsia. Rehefa sendra ny famonoantena nataon'ny olon-tiana iray izay mampahory tokoa ny fianakaviana sy ireo namana dia matetika izy ireo no mahatsapa alahelo lalina sy goavana ary manahiran-tsaina. Mety ahitana izao manaraka izao ny sasany amin'ireo fihetsika aseho ireo:

- Henatra sy fahatsapana fa nisy fiantraikany ratsy teo amin'ny lazan'ny tena izany
- Hatairana sy tsy finoana
- Hatezerana, na fahatsapana ho maivamaivana, na fahatsapana ho meloka
- Fanafenana ny anton'ny fahafatesana
- Fisintahana amin'ny fiarahamonina ary fahatapahan'ny fifandraisan'ny fianakaviana
- Fandraisana anjara mavitrika na be loatra amin'ireo ezaka fisorohana ny famonoan-tena
- Faniriana sesehena ny hahatakatra ny anton'ilay famonoan-tena
- Fahatsapana ho navela irery na tsy tiana

- Fanomezan-tsiny an'ilay nodimandry, ny tena, ny hafa, ary Andriamanitra
- Fitomboan'ny eritreritra te hamono tena na fahatsapana te hanimba ny tena
- Fitomboan'ny fahasahiranan-tsaina mandritra ireo fotoana isian'ny fety na ny tsingerintaonan'ilay fahafatesana[7]

### Ny zavatra azon'ireo fianakaviana namoy havana na ny fiarahamonina atao

*Tsy mitsara.* Satria resaka tsy azo hivazivaziana ny famonoan-tena dia nampahatsiahy antsika ihany koa ny Loholona Ballard hoe: "Mazava ho azy fa tsy fantatsika ny tena zava-nitranga rehetra mahakasika ny famonoan-tena rehetra. Ny Tompo ihany no mahalala ny antsipirian-javatra rehetra, ary izy no hitsara ny asantsika teto ambonin'ny tany. Rehefa mitsara antsika [ny Tompo] dia tsapako fa hoeritreretiny avokoa ny zavatra rehetra: ny fototarazontsika sy ny toetrantsika ara-boajanahary, ny toetoetry ny saintsika, ny faharanitan-tsaintsika, ireo fampianarana noraisintsika, ireo fomba amam-panaon'ireo razambetsika, ny fahasalamantsika, sy ny sisa."[8]

*Avelao hisy sy hajao ny dingan'ny fisaonana ho an'ny olona tsirairay.* Hisaona amin'ny fomba samihafa ny olona, satria tsy mitovy amin'ny an'ny hafa ny fifandraisan'izy ireo tamin'ilay nodimandry. Koa ekeo sy hajao ny fomba hanehoan'ny tsirairay ny alahelo tsapany.

Rehefa mandao antsika ny olon-tiana iray dia mety hanenika antsika ireo fihetseham-po manototra. Tsy midika hoe tsy fahampiam-pinoana anefa ny fahatsapana alahelo. Hoy ny Mpamonjy: "Ianareo dia hiara-honina amim-pitiavana, ka hitomany ny famoizana an'izay maty" (F&F 42:45). Mariky ny fitiavantsika ireo olon-tiantsika nodimandry sy ny mahamanan-danja ny fifandraisantsika taminy ny alahelo.

*Mangataha fanampiana.* Mety ho tsapa toa manototra ny zavatra maro rehefa malahelo ianareo. Afaka manolotra fahafahana masina ho an'ny hafa mba hitia sy hanompo anareo ny fangatahana fanampiana. Ny famelana azy ireo hanampy dia tsy hoe afaka hanasitrana sy hampatanjaka anareo irery ihany fa afaka hanasitrana sy hampatanjaka azy ireo ihany koa.

*Mifandraisa foana amin'ny olona.* Misaona irery ary indraindray dia mety ho lasa mitoka-monina ny olona sasany, koa mifandraisa foana amin'ny fianakavianareo sy ny namanareo. Miresaha tsy tapaka amin'ireo olona ao amin'ny fianakavianareo sy ny havanareo ary ireo namanareo izay malahelo ary manolora tena hanampy satria mety tsy hanatona anareo izy ireo.

*Miantehera amin'ny Mpamonjy.* Ny Mpamonjy no loharano lehibe indrindra hahazoana ny fanasitranana sy ny fiadanana. "Ny Sorompanavotany . . . no manome antsika fahafahana hiantso Azy, Izy izay niaritra ny rofintsika rehetra, mba hanasitranany antsika sy hanomezany antsika ny hery hizakana ireo enta-mavesatry ny fiainana an-tany. Mahafantatra ny fahoriantsika Izy ary afaka manampy antsika Izy. Tahaka ilay Samaritana tsara fanahy dia hamehy ny ferintsika Izy ary hikarakara antsika rehefa mahita antsika maratra eo an-tsisin-dalana (jereo ny Lioka 10:34)."[9]

Aoka ho fantatsika fa isika rehetra dia mila miantehitra tanteraka amin'ny Tompo Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany rehefa mikatsaka ny hanao ny anjara andraikitsika isika. Rehefa miaiky izany amim-panetrentena dia aoka isika hikatsaka ny hahatakatra izay mahazo ireo fianakaviantsika sy namantsika izay mijaly, hanolo-tanana azy ireo amim-pitiavana, ary hiaraka hikolokolo finoana sy fahatokiana bebe kokoa ny Mpamonjy, izay hiverina ary "hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana" (Apokalypsy 21:4). ■


#### FANAMARIHANA

1. Kevin Hines, tao amin'ny Amanda Bower, "A Survivor Talks About His Leap," *Time,* 24 mey 2006, Time.com.
2. M. Russell Ballard, tao amin'ny Jason Swenson, "Elder Ballard Offers Comfort and Counsel to Those Affected by Suicide," *Church News,* 19 des. 2014, news.lds.org.
3. Jereo ny World Health Organization (Organisation Mondiale de la Santé), *Preventing Suicide: A Global Imperative* (2014), 2.
4. Jereo ny M. David Rudd and others, "Warning Signs for Suicide: Theory, Research, and Clinical Applications," *Suicide and Life-Threatening Behavior,* boky faha-36, lah. 3 (2006), 255–62.
5. M. Russell Ballard, tao amin'ny "Sitting on the Bench: Thoughts on Suicide Prevention" (video), lds.org/media-library.
6. Dale G. Renlund, "Amin'ny fijerin' Andriamanitra," *Liahona,* nôv. 2015, 93.
7. Jereo ny John R. Jordan, "Is Suicide Bereavement Different? A Reassessment of the Literature," *Suicide and Life-Threatening Behavior,* boky faha-31, lah. 1 (2001), 91–102.
8. M. Russell Ballard, "Suicide: Some Things We Know, and Some We Do Not," *Ensign,* ôkt. 1987, 8.
9. Dallin H. Oaks, "Ankaherezin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," *Liahona,* nôv. 2015, 64.


#### VAKITENY AROSO

Jeffrey R. Holland, "Tahaka ny vilany ariana," *Liahona,* nôv. 2013, 40–42.

Dieter F. Uchtdorf, "Ny Fanantenana ny Fahazavan' Andriamanitra," *Liahona,* mey 2013, 70, 75–77.

Shayne M. Bowen, ("Satria Velona Aho, dia ho Velona Koa Ianareo," *Liahona,* nôv. 2012, 15).

# Tenin'ny mpaminany TANY AMIN'NY toerana tsy nampoizina

*Hanova ny fiainan'i Oscar Castro mandrakizay ny gazetiboky iray navelan'olona.*

**Nosoratan'i Colette Lindahl**

Ny andro nandaozan'ny vadin'i Oscar azy sy ireo zanany kely anankiroa no iray tamin'ireo andro sarotra indrindra teo amin'ny fiainany. Fanapahan-kevitra maro no tsy maintsy noraisina. Nitady asa efa ela izy, ary tamin'izay fotoana izay izy dia nila toerana vaovao nipetrahana. Toy ny nikorontana tanteraka ny fahitany ny fiainany. Nieritreritra ny hilavo lefona tsotra izao izy, ary mety efa nilavo lefona raha tsy nanana ireo zanany roa tsara tarehy.

Tsy betsaka ny trano azo nofaina tamin'ny sarany izay zakan'i Oscar tao San Juan Argentine. Kanefa nisy trano kely iray teo amin'ny toerana azo antoka vao nialan'ny andian-jatovolahy iray, ka dia nofain'i Oscar izany ary niomana ny hanorim-piainana vaovao niaraka tamin'ireo zanany izy.

Nisy gazetiboky sy boky tavela teo amin'ny tany tao amin'ny tranon'izy ireo vaovao, ka rehefa avy niasa nandritra ny tontolo andro nanadio sy nanary zavatra maromaro i Oscar dia nipetraka ary nijery ny iray tamin'ireo gazetiboky. Nahalasa eritreritra azy noho ny antony manokana ilay fonony. Teo ambanin'ilay lohateny hoe *Liahona,* dia nisy sarina lehilahy antitra nijoro teo ambony tilikambo niresaka tamin'ny vahoaka. Nampahatsiahy azy ireo sarin'ny mpaminany ao amin'ny Baiboly ilay lehilahy.

Nosokafan'i Oscar ilay gazetiboky dia nanomboka namaky izy: "Isika tsirairay dia mahafantatra fa tokony hiteny amin'ireo olona tiantsika hoe tiantsika izy ireo. Saingy ny zavatra fantatsika matetika dia tsy hita taratra eny amin'ny zavatra ataontsika."[1] Nieritreritra ireo teny henjana izay nifanaovan'izy sy ny vadiny matetika i Oscar. Naniry ny hampianatra ny zanany mba ho tsara kokoa noho izany izy. Nanohy namaky ilay gazetiboky i Oscar, dia nanomboka nahatsapa fanantenana nitsiry tao anatiny. Talohan'ny nifaranan'ilay herinandro dia efa voavakiny ny lahatsoratra rehetra ka naniry ny hahalala bebe kokoa izy.

Iray volana taty aoriana dia nisy misiônera roa nandeha an-tongotra teny amin'ny faritra nisy an'i Oscar. Nanatona azy ireo i Oscar dia nanontany raha toa izy ireo ka misiônera Olomasin'ny Andro Farany ary tokony ho ohatrinona no mahazo bebe kokoa amin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana ireo? Nilaza taminy ireo elder fa 20 minitra amin'ny fotoany fotsiny no hotakiana aminy.

Ny ampitson'io dia namangy ny tokantranon'i Oscar ireo misiônera roa. Notantarain'i Oscar tamin'izy ireo ny fifindrany tao ka nahitany boky tonta, gazetiboky, ary kiboky izay nanome fahafahana azy hahafantatra zavatra momba ny Fiangonana. Nohazavainy fa ny lahatsoratra voalohany novakiny dia nifandray mivantana tamin'ny zavatra niseho teo amin'ny fiainany tamin'izany fotoana izany. Efa fantany ny lanjan'ny fianakaviana ary naniry ny hahalala bebe kokoa momba ny takarivan'ny mpianakavy sy ny vavaky ny mpianakavy izy. Nolazainy an'ireo elder ny zavatra hafa nianarany momba ny Fiangonana, ka anisan'izany ny momba an'i Joseph Smith sy ny Famerenana ny filazantsara tamin'ny laoniny.

Nibanjina ny mason'ireo elder izy dia nilaza ny teny izay irian'ny misiônera rehetra ho heno: "Mino aho fa

SARY NATAON'I DAN BURR; SARY NOMEN'NY MPANORATRA

mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith." Nanasa azy hatao batisa ireo elder dia nanaiky i Oscar sady nangano-hano ny masony. Herinandro vitsy taty aoriana dia natao batisa i Oscar Castro ary noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana.

Nanomana an'i Oscar ny Tompo, ary ny fanahiny dia nanenina sy vonona ny hianatra ary hivoatra. Tamin'io andro tsy hay hadinoina sady nampihetsi-po io dia nikasika ny fon'i Oscar ny fanahin'ireo hafatra tao amin'ny *Liahona* momba ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Ireo olona nipetraka tao amin'ilay trano teo aloha dia tsy nahalala izay mety ho fiantraikan'ny famelana gazetibokin'ny Fiangonana vitsivitsy, nefa ireo hafatry ny filazantsara tao anatin'ireo gazetiboky ireo dia lasa fitaovana fitoriana manan-danja. Nanova mandrakizay ny fiainan'i Oscar izy ireo tamin'ny fitarihana azy ho amin'ny fahamarinana izay nokatsahiny. ■

*Nipetraka tany Argentine ilay mpanoratra tamin'ny vadiny filohan'ny misiôna.*






***Natao batisa sy noraisina ho mpikambana i Oscar Castro rehefa avy nahita* Liahona *momba ny Fihaonamben'ny Fiangonana tao amin'ny trano nifindrany.***

**FANAMARIHANA**

1. David A. Bednar, "Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano," *Liahona,* nôv. 2009, 17.



**Nosoratan'ny Loholona Bradley D. Foster**
Ao amin'ny Fitopololahy



# TANTARAM-PIANAKAVIANA:
## FIADANANA, FIAROVANA, ARY FAMPANANTENANA



SARY NATAON'I CAROLYN VIBBERT

*Rehefa mandray anjara amin'ny fanangonana firaketana momba ny fianakaviana sy ny fanasitranana ny fo ary ny famehezana ireo olona ao amin'ny fianakaviana ny fianakavianao dia hotahiana mandrakizay ianao sy ny taranakao.*

Ny tantaran'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tantara momba ny fianakaviana. Rehefa miteny aho hoe *fianakaviana,* dia tsy ilay fomba fiheverantsika amin'ny fomba maoderina ny atao hoe Neny sy Dada ary zanaka no tiako holazaina.

Ampiasaiko amin'ny fomba ampiasan'ny Tompo azy ilay teny, izay teny mitovy hevitra amin'ny hoe *havana* na *fianakaviana ao anaty taranaka maro mifandimby,* satria manana fianakaviana daholo ny tsirairay. Ny drafitry ny Raintsika any An-danitra dia mifantoka amin'io karazana fianakaviana io—izay ahitana zanaka mandray hery avy amin'ireo razambe tao anatin'ny taranaka taloha be tany ary ahitana ray aman-dreny mikatsaka ny hitahy ireo taranany ao anatin'ireo taranaka maro ho avy.

Raha raisina amin'izay heviny izay dia mitantara tantarana fianakaviana ihany koa ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa mamaky ireo tantara ireo isika dia mahita fa tsy dia niova firy akory ny fianakaviana tao anatin'ireo taonjato maro. Na ireo izay niaina tamin'ny fotoana hafa sy tany amin'ny toerana hafa aza dia misy itovizana be amintsika—ary ny fanirian' Andriamanitra mba hiainan'ireo zanany ao anaty fianakaviana sambatra sy mandrakizay dia tsy niova.

Nahoana ny Tompo no nitahiry ny rakitsoratra misy ireo tantara ireo? Inona no tiany hianarantsika avy amin'izy ireo? Mirakitra lesona afaka manampy antsika amin'ny ezaka ataontsika mba hanangona sy hanasitrana ary hamehy ny fianakaviantsika ve izy ireo?

### Lesona avy amin'i Lehia

Mino aho fa ny fianakaviana voalohany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna—ny fianakavian'i Lehia—dia manana lesona mafonja ho antsika izay mety tsy ho tsikaritsika. Ny fianakavian'i Lehia dia afaka mampianatra antsika zavatra maro momba ny firaketana momba ny fianakaviana—ny antony maha-manan-danja azy ireo amin'ny Tompo ary ny antony tokony hampanan-danja azy ireo amintsika.

Rehefa manomboka ilay tantara dia nitaiza ny zanak'izy ireo vavy sy ireo zanany lahy efatra ao Jerosalema Lehia sy i Sarià, izay nanana fiainana azo lazaina ho niadana tao amin'izany tanàna lehibe izany. Niova

tanteraka ny fiainan'izy ireo rehefa nandidy an'i Lehia hitondra ny ankohonany tany antany foana ny Tompo.

Nankatò i Lehia ka nandao ny fananany izy sy ny fianakaviany. Rehefa avy nandeha elaela izy ireo dia hoy i Lehia tamin'i Nefia zanany lahy:

"Indro nahazo nofy aho, ka tamin'izany no efa nandidian'ny Tompo ahy ny *hiverenanao* sy ny rahalahinao any Jerosalema.

"Fa indro, i Labàna no manana ny rakitsoratry ny Jiosy ary koa ny tetiaran'ny razambeko, ary voasokitra eo amin'ny takela-barahina izany" (1 Nefia 3:2–3; nampiana fanamafisana).

Noho io didy io dia voatahy noho ity fanambarana lehibe momba ny finoana sy ny fankatoavana avy amin'i Nefia ity ny fianakaviantsika: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo, satria fantatro fa tsy manome didy ho an'ny zanak'olombelona ny Tompo raha tsy efa nanomana lalana ho azy mba hahazoany manatontosa ny zavatra izay andidiany azy" (1 Nefia 3:7).

Rakitsoratra ireo takela-barahina. Nirakitra ny soratra masina izy ireo, kanefa nirakitra ihany koa ny tantaran'ny fianakavian'i Lehia. Ny Tompo dia nahafantatra ny naha-zava-dehibe ny hitehirizana izany rakitsoratra izany ho an'ireo taranaka maro ho avy.

Mba efa nanontany tena ve ianao hoe nahoana ny Tompo no tsy nandidy an'i Lehia, fa ireo zanany lahy, mba handeha hiverina haka ilay rakitsoratra? Izy no patriarikan'ilay fianakaviana. Nomen'ny Tompo *azy* ilay fahitana. Tsy tokony ho i Lehia ve no afaka nanentana bebe kokoa an'i Labàna toy izay ireo zanany?

Tsy fantatsika ny antony nandidian'ny Tompo an'ireo zanakalahin'i Lehia hiverina tany Jerosalema, kanefa fantatsika fa niady mafy izy ireo mba hanatanteraka ny zavatra nasain'ny Tompo nataon'izy ireo. Sarotra ilay asa ary nisedra ny finoan'izy ireo izany. Nianatra lesona manan-danja izay hitondra tombontsoa ho azy ireo nandritra ny diany tany an-tany foana izy ireo. Ary angamba ny tena manandanja indrindra dia ny hoe izy ireo dia nianatra fa rehefa manome didy ny Tompo dia tena manome lalana izy.

Mety manontany tena isika hoe inona no tian'ny Tompo ianaran'ireo zanakalahintsika sy zanakavavintsika rehefa "miverina" mba haka ny firaketana momba ny fianakaviantsika izy ireo? Ahoana no hanomezany lalana ho azy ireo? Moa ve misy traikefa tiany hananan'izy ireo? Moa ve isika manasa azy ireo hanana ireo traikefa ireo? Inona avy ireo fitahiana antenainy mba homena ireo zanakalahiny sy zanakavaviny amin'ny alalan'ny fanaovana asa any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana?



*Tian'ny Tompo hanana ireo rakitsoratra ireo ny fianakavian'i Lehia. Ireo rakitsoratra ireo dia nanome fahafahana an'ireo taranany mba hahalala hoe iza izy ireo.*

Rehefa niverina tany amin'ny lain-drainy i Nefia sy ireo rahalahiny dia "nalain' i Lehia . . . ny rakitsoratra izay vita sokitra tamin'ny takela-barahina ka nodinihiny hatrany am-boalohany izany." Hitany tao "ny boky dimin'i Mosesy" sy "ny faminanian'ireo mpaminany masina" ary "ny tetiaran'ny razambeny; koa fantany fa tamingan'i Josefa izy . . . izay namidy tany Egypta." Ary "nony nahita ireo zavatra rehetra ireo [i Lehia], dia heniky ny Fanahy izy" (1 Nefia 5:10, 11, 13, 14, 17).

Dia nampianatra ny fianakaviany ny zavatra nianarany avy amin'ireo takelaka i Lehia avy eo. Mety hilaza ianao hoe lasa ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana sy ny fianarana ny lainy—ary tokony ho toy izany koa ny tokantranontsika.

Mora ny mahatakatra ny antony nitiavan'ny Tompo hananan'ny fianakavian'i Lehia ireo rakitsoratra ireo. Ireo rakitsoratra ireo dia nanome fahafahana an'ireo taranany mba hahalala hoe iza izy ireo, ary nampifandray azy ireo tamin'ireo patriarika mahatoky tany aloha tany sy namboly tao am-pon'izy ireo "ny fampanantenana natao tamin'ny ray" (F&F 2:2; Joseph Smith—Tantara 1:39). Tena nanan-danja tokoa ho an'ny finoan'ireo taranaka ho avy ireo rakitsoratra ireo ka dia nampitandrina an'i Nefia ny Fanahy fa raha tsy misy ireo rakitsoratra ireo dia ny "firenena [iray manontolo] no hihemotra ka ho faty ao amin'ny tsy finoana" (1 Nefia 4:13).

Ny zavatra niainan'ny vahoaka iray hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia maneho fa tena marina tokoa fa rehefa very ny rakitsoratra dia very ny fahamarinana, ary mety ho zava-doza ny vokatr'izany ho an'ireo taranaka ho avy.

Niala tao Jerosalema tokotokony ho tamin'ny fotoana nialan'ny fianakavian'i Lehia tao ny Miolekita. Saingy "tsy nitondra rakitsoratra niaraka taminy" tahaka ny fianakavian'i Lehia izy ireo. Tamin'ny fotoana nahitan'i Môsià azy ireo tokony ho 400 taona taty aoriana dia "efa nihasimba ny fiteniny; . . . ary nolaviny ny fisian'ny Mpahary azy" (Omnia 1:17). Nanjary tsy vahoakan'ny fanekempihavanana intsony izy ireo.

Nampianarin'i Môsià an'ireo Miolekita ny fiteniny mba hahafahan'izy ireo mianatra avy amin'ireo rakitsoratra nananany. Vokatr'izany dia novana avy tamin'ny fiarahamonina nikorontana sy tsy mino an' Andriamanitra ho lasa fiarahamonina nahatakatra ny drafitry ny fahasambaran' Andriamanitra ho azy ireo—sy ny fianakaviany ireo Miolekita.

**Miverena miaraka amin'ny fianakavianao**

Ny fahafantarana hoe iza isika raha ny rohim-pihavanana amin' Andriamanitra sy eo amintsika samy isika no jerena

dia manova ny fomba fisainantsika sy ny fihetsitsika ary ny fomba hitondrantsika ny hafa. Lafiny manan-danja amin'ny maha-isika antsika sy ny fomba fijerintsika ireo firaketana. Ny fanaovana jery todika dia manomana antsika handroso.

Ry ray aman-dreny, efa nanasa ny fianakavianareo "hiverina" ve ianareo? Efa nisy fahatapahana ve ny firaketana momba ny fianakavianareo—na efa nisy fisarahana ve teo amin'ny olona tao amin'ny fianakavianareo—na tamin'ny fomba ahoana na ahoana? Efa nisy fahatapahana ve ny rohy mampifandray ny fianakavianareo amin'izao fotoana izao sy tany amin'ny lasa? Inona no nitranga teo amin'ny fianakavianareo ka nahatonga io fisarahana io? Moa ve izany fifindra-monina, fifandirana teo amin'ny fianakaviana, fiovam-po ho an'ny filazantsara, na ny fandehanan'ny fotoana fotsiny? Moa ve ianao tatoato nanao ezaka mba hitady ireo razambenao tao amin'ny FamilySearch.org?

Naely patrana tamin'ny fomba maro ny mpianakavin'i Isiraely, ka tafiditra tao anatin'izany ny fampielezana ny fianakaviantsika sy ireo rakitsoratra momba azy ireo. Ny andraikitsika dia ny manangona azy ireo raha ilaina mba hanasitranana ny ratra avy amin'ny fisarahana. Rehefa mikatsaka amim-pahazotoana ny hampitodika ny fon'ireo zanatsika amin'ireo rainy isika dia hitodika any amin'ireo zanatsika ihany koa ny fontsika[1] ka hiara-hahita ny fiadanana sy ny fanasitranana aterak'io asa io isika (jereo ny F&F 98:16).

Tahaka ny nanirahan'i Lehia ireo zanany lahy hiverina tany Jerosalema haka ireo rakitsoratra masina no aoka hanirahantsika ihany koa ireo zanatsika hiverina hitady ireo firaketana momba ny fianakaviantsika. Tahaka ny nanomezan'ny Tompo lalana an'i Nefia no nanomezany antsika ny Internet sy ireo teknôlôjia hafa hanome fahafahana ireo zanatsika hanangona sy hanasitrana ny fianakaviantsika. Ary nanome tempoly Izy, izay toerana ahafahantsika mitondra ireo anarana hitantsika sy hanaovantsika izay hampaharitra ny fanangonana ataontsika amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny famehezana.

### Fifaliana tany an-tany foana

Tamin'izaho sy i Sharol vadiko nivady dia nanapa-kevitra izahay fa hiteraka efa-dahy. Nanana drafitra hafa ny Tompo. Nomeny efa-bavy izahay.

Niara-nandeha tany an-tany foana niaraka tamin'ireo zanakay vavy izahay. Ankehitriny izy ireo dia manambady aman-janaka ary mandeha any amin'ny tany foanany avy. Mora daholo ve ny zavatra rehetra teny an-dalana teny? Tsia, nisy fotoana nimonomononanay, ary maro be tokoa ireo fahasahiranana.

Mety ho sarotra ho an'ny fianakaviana ny tany foanan'ny fiainana. Rehefa manontany ny olona hoe: "Manahoana ianao sy ny fianakavianao?" Matetika aho no nilaza hoe: "Ao anatin'ny savorovoro izahay izao. Misaotra nanontany."

Kanefa ao ihany koa ireo fotoana hahatsapana fifaliana marina eny an-dalana eny. Amin'ny maha-ray sy reny manana andraikitra lehibe anay dia mandany fotoana betsaka izahay hampatanjahana ireo zanakay amin'ny zavatsarotra. Ireo mpaminany amin'izao androntsika izao dia nampanantena fa ny fanaovana tantaram-pianakaviana dia manome "fiarovana . . . eo anatrehan'ny fitarihan'ny fahavalo"[2] sy fiovam-po "lalina sy maharitra" ho an'ny Mpamonjy.[3] Fomba tena tsara hanangonana sy hanasitranana ary hamehezana ny fianakaviantsika izany.

Amin'ny maha-patriarika ahy ao amin'ny fianakavianay dia nangataka ireo zanako vavy aho "hiverina" *hitady* ireo firaketana, *hitondra* ireo anarana any amin'ny tempoly, ary *hampianatra* ireo zafikelinay. Nangataka azy ireo aho mba hamantatra hoe taranak'iza izy ireo amin'ny alalan'ny fandraisana anjara ao amin'ny tantaram-pianakavianay.

### Fampanantenana

Mampanantena aho fa rehefa manasa ny zanakareo ianareo "hiverina" mba hitady ny firaketana momba ny fianakavianareo, dia "[h]iravoravo fatratra" tahaka an'i Lehia sy i Sarià ianareo ka "[h]anolotra fisaorana ho an' Andriamanitry ny Isiraely." Rehefa manadihady ireo firaketana momba ny fianakavianareo ianareo dia ho "heniky ny Fanahy" satria ho hitanareo "fa mahaliana; eny, sarobidy mihitsy [izy ireo]." Ary ho fantatrareo fa "fahendrena tao amin'ny Tompo ny nitondra[nareo] izany niaraka tami[nareo]" rehefa mandeha "[any] an-tany foana [ianareo] hankany amin'ny tany nampanantenaina" (1 Nefia 5:9, 17, 21–22).

Eo ny Fiangonana mba hanohana sy hampahery ny fianakavianareo ao anatin'izany dia izany. Mampanantena aho fa rehefa mandray anjara amin'ny fanangonana firaketana momba ny fianakaviana sy ny fanasitranana ny fo ary ny famehezana ireo olona ao amin'ny fianakaviana ny fianakavianao dia hotahiana mandrakizay ianao sy ny taranakao—ny fianakavianao. ■

*Avy amin'ny lahateny mitondra ny lohateny hoe: "Gathering, Healing, and Sealing Families (Manangona, manasitrana, ary mamehy ny fianakaviana)," izay natao tao amin'ny Fihaonambe momba ny tantaram-pianakaviana tao amin'ny RootsTech any Salt Lake City, Utah, Etazonia, tamin'ny 14 febroary 2015.*

**FANAMARIHANA**

1. Mba hahitana ohatra mikasika ny fomba nitondran'ireo rakitsoratra hita tao anatin'ireo takela-barahina fanasitranana ho an'ny taranak'i Lehia dia jereo ny Almà 37:8–10.
2. Richard G. Scott, "Ny Fifaliana amin'ny fanavotana ny maty," *Liahona,* nôv. 2012, 94.
3. David A. Bednar, "Hitodika ny fon'ny zanaka," *Liahona,* nôv. 2011, 27.

### ZAVATRA MARO KOKOA MAHALIANA AO AMIN'NY INTERNET

Mampanantena fitahiana ho an'ireo zatovo mandray anjara amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly ny Apôstôly roa. Tarafo ity code QR ity na tsidiho ny lds.org/go/1016000 mba hijerena ilay horonantsary amin'ny teny Anglisy.



# Ny fitiavana OHARINA AMIN'NY FILAN-DRATSY

**Nosoratan'i Joshua J. Perkey**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Filan-dratsy.

Azo antoka fa teny tsy tsara izany. Tsy te hieritreritra momba izany ny ankamaroantsika, mainka fa hoe hamantatra momba izany. Ilay voambolana dia miteraka fahatsapana mifono fahalotoam-pitondrantena, zavatra maizina—manintona nefa tsy tokony hatao.

Misy antony tsara mahatonga izany. Raha toa ka "ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra" (1 Timoty 6:10), dia azo antoka fa namany miafina ny filan-dratsy. Tsy mendrika sy manambany izany. Ny filan-dratsy dia manova ny olona sy ny zavatra, eny fa na ny hevitra aza ho zavatra tokony hananana na halaina mba hanomezana fahafaham-po ilay filana maika dia maika. Kanefa raha efa fantatsika izany dia nahoana isika no mila mahafantatra bebe kokoa momba izany?

Satria raha toa ka afaka mahatakatra tsara kokoa ny tena atao hoe filan-dratsy isika dia afaka mianatra ny fomba hamolavolantsika ny eritreritsika sy ny fahatsapantsika ary ny asantsika mba hahafahantsika misoroka sy mandresy ireo fisehon'izany. Izany dia hitarika antsika ho amin'ny fifandraisana akaiky kokoa amin'ny Fanahy Masina, izay manadio ny eritreritsika sy ny fikasantsika ary mampatanjaka antsika. Ary izany dia hitarika antsika ho amin'ny fiainana sambatra sy feno fiadanana ary feno fifaliana bebe kokoa.

Raha toa ka afaka mahatakatra bebe kokoa ny tena atao hoe filan-dratsy isika dia afaka mianatra ny fomba hisorohana izany sy manao safidy izay hampanakaiky antsika amin'ny Fanahy Masina.





## Mamaritra ny filan-dratsy

Matetika ny eritreritsika voalohany momba ny atao hoe filan-dratsy dia fahatsapana herin-tsintona arabatana tsy mendrika sy mahery vaika amin'ny olona iray hafa, kanefa mety hisy ny filana mafy na ny fitsiriritana ny zavatra rehetra: vola, tany, zavatra, ary olona hafa mazava ho azy (jereo ny Torolalana ho an'ny soratra masina, "Fanaranana ny filan'ny nofo").

**MAMARITRA NY FITIAVANA SY NY FILAN-DRATSY**

Ny fitiavana dia manome voninahitra; ny filan-dratsy dia manangoly. Ny fitiavana dia tia ny fahamarinana; ny filan-dratsy dia tia ny lainga. Ny fitiavana dia manorina sy mampatanjaka; ny filàn-dratsy dia manimba sy mampalemy. Ny fitiavana dia mirindra tsara; ny filan-dratsy dia mampikorontana. Ny fitiavana dia mitondra fiadanana; ny filan-dratsy dia mitondra fifandirana. Ny fitiavana dia mitaona fanahy; ny filan-dratsy dia mampietry fanahy. Ny fitiavana dia manasitrana; ny filan-dratsy dia mampikorontana ny saina. Ny fitiavana dia manome hery; ny filan-dratsy dia manimba. Ny fitiavana dia manazava; ny filan-dratsy dia manamaizina. Ny fitiavana dia mameno sy manohana; ny filan-dratsy dia tsy mety ho afa-po. Ny fitiavana dia mifamatotra akaiky amin'ny fampanantenana; ny filan-dratsy dia miaina ao anatin'ny fieboeboana.



Ny filan-dratsy dia mitaona ny olona iray hikatsaka ny hahazo zavatra izay mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra. Izany dia ahitana izay mety ho fahatsapana na faniriana mahatonga ny olona iray hifantoka amin'ireo zavatr'izao tontolo izao na ireo fombafomba feno fitiavantena: ireo zava-mahaliana ny tena manokana, faniriana, firehetam-po ary hetaheta an'ny tena manokana, toy izay ny fitandremana ireo didin' Andriamanitra.

Raha lazaina amin'ny teny hafa, ny faniriana zavatra mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra na faniriana ny hanana zavatra amin'ny fomba izay mifanohitra amin'ny sitrapony dia filan-dratsy, ary mitarika ho amin'ny tsy fahasambarana izany.[1]

### Ny loza avy amin'ny filan-dratsy ara-nofo

Na dia nampitandremana aza isika fa ny filan-dratsy dia endriky ny fitsiriritana ankapobeny, dia mampidi-doza manokana ny filan-dratsy amin'ny sahan-keviny ara-nofo. Nampitandrindra ny Mpamonjy hoe: "Izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady" (Matio 5:28).

Nampitandrina mafy momba ny filan-dratsy amin'ity sahan-keviny iray ity ireo apôstôly taloha. Ohatra iray fotsiny momba izany ny nilazan'ny Apôstôly Jaona hoe: "Fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany" (1 Jaona 2:16; jereo ihany koa ny andininy 17; Romana 13:14; 1 Petera 2:11).

Ary mitohy ireo fampitandremana ankehitriny.[2] Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava hoe: "Nahoana ny filan-dratsy no fahotana mahafaty? Eny, ankoatra ny fiantraikany izay mandrava tanteraka ny fanahintsika dia mihevitra aho fa ota izany satria manimbazimba ny fifandraisana ambony sy masina indrindra izay omen' Andriamanitra antsika eto amin'ity fiainana an-tany ity—dia ny fitiavana izay misy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy sy ny faniriana ananan'ny mpivady mba hitondra zaza ao anaty fianakaviana iray izay antenaina ho mandrakizay."[3]

Ny famelana ny filan-dratsy hitombo no fototry ny fahotana maro. Ny zavatra izay niantomboka tamin'ny topi-maso toa tsy manan-tsiny iray dia afaka mitombo ho tsy fahatokiana feno fahalotoana miaraka amin'ireo voka-dratsy maharikoriko rehetra aterak'izany. Izany no izy satria ny filan-dratsy dia mampisintaka ny Fanahy Masina sy mamela antsika ho mora handairan'ny fakam-panahy hafa sy ireo faharatsiana ary ireo fandriky ny fahavalo.

Ireo safidy mampahonena natao-n'i Davida dia ohatra mampalahelo amin'ny hoe tena afaka ny ho mahery vaika sy mahafaty io fihetseham-po io. Sendra nahita an'i Batseba nandro i Davida dia nitsiriritra azy. Nitarika tany amin'ny fanaovan-javatra ilay filan-dratsy, ka dia nampaka azy izy ary niara-nandry taminy. Taorian'izay, dia nanome didy i Davida, noho ny fiezahany tsy tamim-piheverana ny hanafina ny fahotany, ny mba hametrahana ny vadin'i Batseba any amin'ny toerana iray ao anaty ady, izay azo antoka fa hahafaty azy (jereo ny 2 Samoela 11). Vokatr'izany dia namoy ny fisandratany i Davida (jereo ny F&F 132:38–39).

Mety ho toy ny tena henjana ny toe-javatra niainan'i Davida, kanefa izany dia manamarina ny hoe: fakam-panahy mahery vaika ny filan-dratsy. Ny firotsahana ao anatin'izany dia mety hahatonga antsika hanao ireo zavatra izay tsy ho ataon'ny olona mieritreritra tsara. Mahatonga izany ho mampidi-doza kokoa ny mahampamitaka izany sy ny maha-mora mampifoha izany ary ny fahaizan'izany maka fanahy antsika mba hanalavirantsika ny Fanahy Masina sy hampanoavantsika ny sitrapontsika



***Ny filan-dratsy dia ahitana izay mety ho fahatsapana na faniriana mahatonga ny olona iray hifantoka amin'ireo zavatr'izao tontolo izao na ireo fombafomba feno fitiavan-tena, toy izay ny fitandremana ireo didin' Andriamanitra.***

amin'ny zavatra voarara. Mety hanomboka amin'ny alalan'ny fijerena pôrnôgrafia izany, na fihainoana tononkira tsy maotina, na firotsahana amin'ny fifampikasoham-batana tsy mendrika. Etsy ankilany, ireo fahatsapana feno filan-dratsy dia mety hitaona ny olona tiray hijery pôrnôgrafia. Tena mahery vaika sy mampidi-doza izany fifandraisana miverimberina izany.[4]

Ny filan-dratsy ara-nofo dia manambany sy mampihendanja ny fifandraisana rehetra, anisan'ny manan-danja amin'izany ny fifandraisan'ny olona iray amin' Andriamanitra. "Ary lazaiko aminareo marina tokoa, toy ny efa voalazako teo aloha, fa ny lehilahy izay mijery vehivavy ka mitsiriritra azy, na raha misy manitsakitsa-bady ao am-pony, dia tsy hanana ny Fanahy izy fa handa ny finoana ary hatahotra" (F&F 63:16).

Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott (1928–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny fahalotoam-pitondrantena dia miteraka sakana manohitra ny fitaoman'ny Fanahy Masina sy ny fahafahany mankahery sy manazava ary manome hery rehetra. Miteraka fanaitairana ara-batana sy ara-pihetsehampo mahery vaika izany. Amin'ny farany dia miteraka faniriana mahery vaika izay mitaona ilay mpanota hanao fahotana goavana kokoa izay tsy hitsaha-mitombo izany."[5]

## Inona no tsy atao hoe filan-dratsy

Rehefa avy namariparitra ny *atao hoe* filan-dratsy dia zava-dehibe ihany koa ny mahatakatra ny *tsy* atao hoe filan-dratsy ka hitandrina tsara mba tsy hiantso ireo eritreritra sy fahatsapana ary faniriana tsara hoe filan-dratsy. *Karazana* faniriana iray ny filan-dratsy, kanefa misy ihany koa ireo faniriana tsara. Ohatra, afaka maniry zavatra tsara sy mendrika izay hanampy antsika hanatontosa ny asan'ny Tompo isika.

Eritrereto ny:

- **Faniriana hanam-bola.** Raha izay mihitsy no handraisana azy dia tsy ratsy ny faniriana hanam-bola. I Paoly dia tsy niteny hoe ny *vola* no fototry ny ratsy rehetra. Hoy izy: "ny *fitiavam-bola* no fototry ny ratsy rehetra" (1 Timoty 6:10, nampiana fanamafisana). Nanome fanazavana fanampiny ireo fampianaran'i Jakôba: "Nefa mialohan' ny hikatsahanareo harena, dia katsahonareo ny fanjakan' Andriamanitra. Ary rehefa avy nahazo ny fanantenana ao amin'i Kristy ianareo, dia hahazo harena raha hokatsahinareo izany; ary ianareo hikatsaka izany noho ny fikasana hanao soa—hampitafy ny mitanjaka sy hamahana ny noana sy hanafaka ny babo ary hitondra fanampiana ho an' ny marary sy ny ory" (Jakôba 2:18–19).
- **Fananana fahatsapana ara-nofo mendrika amin'ny vadinao.** Ireny fahatsapana nomen' Andriamanitra ireny dia mampatanjaka sy manamafy ny fanambadiana ary mampiray hina ny mpivady. Kanefa mety *hisy* ny fananana fahatsapana tsy mendrika amin'ny vady. Raha toa ka mikatsaka ny hanatontosa ny faniriantsika manokana isika, na hanome fahafaham-po fotsiny ny hetaheta sy ny fahatsapantsika, dia mety ho



***Satria nanome antsika ny fahafahana misafidy ny Ray any An-danitra dia manana hery hifehezana ny eritreritsika sy fahatsapantsika ary asantsika isika.***

tafalatsaka ao anatin'ny faniriana mifono filan-dratsy isika ary mety hanimba ny fifandraisan'ny mpivady izany. Ny fanalahidin'ny fikatsahana sy fihazonana fifandraisana ara-nofo mendrika ao anatin'ny fanambadiana dia ny fikasana madio sy feno fitiavana.

Ny fitsipika manan-danja dia ny mikatsaka zavatra noho ny tanjona marina—ny hanangana ny fanjakan' Andriamanitra sy hampitombo ny hatsarana eto amin'izao tontolo izao. Mifanohitra amin'izany, ny filan-dratsy dia mamporisika antsika hanao fitondrantena tsy mendrika, ka ireo faniriantsika dia mety hanao tsinontsinona an' Andriamanitra, handray ny olona ho toy ny zavatra, ary hamadika ny zavatra, ny harena, eny fa na ny fahefana aza ho lasa zavadoza izay manova ny fahatsapantsika ary manimba ireo fifandraisantsika.

## Ny antony maha-tafalatsaka antsika ao anatin'ny filan-dratsy matetika

Raha hita fa tena manimba sy mampidi-doza ny filan-dratsy, dia nahoana no tena maka fanahy sy tena mihanaka izany? Nahoana isika no mamela izany handresy tanteraka antsika? Ety ivelany dia toa ny fitiavan-tena sy ny tsy fananana fifehezan-tena no antony fototra mahatonga ny filan-dratsy. Ireo dia anisan'ny antony mitondra izany saingy ny tena fototry ny filan-dratsy matetika dia ny fahatsapana fahabangana. Mety ho tafalatsaka amin'ny filan-dratsy ny olona tsirairay noho ny fiezahana hameno tsy amim-pahombiazana ny fahabangana eo amin'ny fiainan'izy ireo.

Ny filan-dratsy dia fihetseham-po sandoka, zavatra ratsy asolo ny tena fitiavana sy ny soatoavina marina, ary ny maha-mpianatra maharitra.

Toetry ny fo ny fifehezana ny fihetseham-po araka ny tokony ho izy, amin'ny lafiny iray. "Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany" (Ohabolana 23:7). Na aiza na aiza hametrahantsika ny fifantohantsika ara-tsaina sy ara-panahy dia izay no ho tonga hery mitarika ny eritreritsika sy ny fahatsapantsika ary ny asantsika. Isaky ny mahatsapa ho alaim-panahy hanana filan-dratsy isika dia mila manolo izany fakam-panahy izany amin'ny zavatra mendrika kokoa.

Ny fidonanaham-poana koa dia afaka miteraka eritreritra feno filan-dratsy. Rehefa tsy misy zavatra mandeha firy eo amin'ny fiainantsika dia toa mora andairan'ireo fitaoman-dratsy isika. Rehefa mikatsaka amim-pahazotoana ny hirotsaka amin'ny fanaovan-tsoa isika (jereo ny F&F 58:27) ary miezaka ny mampiasa ny fotoantsika amim-pahombiazana dia tsy ho voasarika amin'ireo eritreritra feno filan-dratsy na ireo fitaoman-dratsy hafa isika.

Araka ny nohazavain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ireo faniriana safidiantsika hidirana dia misy fiantraikany, tsy amin'ny asantsika ihany fa amin'ny karazan'olona izay hahatongavantsika ihany koa: "Ny faniriana no milaza izay tokony ho laharam-pahamehantsika, ny laharam-pahamehana no mamolavola ny safidintsika ary ny safidy no mamaritra ny zavatra ataontsika. Ireo faniriana izay asehontsika amin'ny asa no mamaritra ireo fiovana misy eo amintsika, ireo tanjona tratrantsika ary ny hiafarantsika."[6]

Raha lazaina amin'ny teny hafa dia tsy hoe tokony ho malina amin'ireo fihetseham-po avelantsika hiditra ny tenantsika fotsiny isika fa tokony ho malina koa amin'ireo eritreritra manafaingana ireo fahatsapana ireo na aterak'ireo fahatsapana ireo. Nampianatra i Almà fa raha toa ka maloto ny eritreritsika dia "hanameloka antsika koa ny eritreritsika" (Almà 12:14).

**Ny fanefitra: fitiavana tahaka ny an'i Kristy**

Tsy hoe tsy azo ihodivirana ny filan-dratsy. Satria nanome antsika ny fahafahana misafidy ny Ray any An-danitra dia manana hery hifehezana ny eritreritsika sy fahatsapantsika ary asantsika isika. Tsy voatery hanaraka ireo eritreritra sy fahatsapana feno filan-dratsy isika. Rehefa tonga ny fakam-panahy dia afaka misafidy ny tsy hidina hanaraka ireo lalana ireo isika.

Ahoana no fomba handresentsika ny fakam-panahy hanarana filan-dratsy? Atombotsika amin'ny fikolokoloana fifandraisana araka ny tokony ho izy amin'ny Raintsika any An-danitra sy amin'ny fisafidianana ny hanompo ny hafa izany. Ary manolotena hanana fitondrantenan'ny mpivavaka isan'andro isika, ka ahitana ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina izany, izay manasa ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainantsika. Amin'ny farany dia ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy no tsiambaratelo—madio, matotra, fitiavana marina, miaraka amin'ny faniriana hanorina ny fanjakan' Andriamanitra sy hanana maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahiny. Tsy tanteraka izany fitiavana izany raha tsy rehefa manana ny Fanahy Masina ho namana ihany isika.

Ny fanesorana ny filan-dratsy dia mitaky vavaka avy amin'ny fo izay angatahantsika an' Andriamanitra mba hanaisotra ireo fahatsapana ireo sy hanome, ho solon'izany, fitiavana feno fiantrana (jereo ny Môrônia 7:48). Azo tanterahina izany, tahaka ny fibebahana amin'ny zavatra hafa rehetra, amin'ny alalan'ny fahasoavan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.[7] Noho Izy dia afaka mianatra mitia amin'ny fomba hitiavany antsika sy hitiavan'ny Ray any An-danitra antsika isika.

Rehefa mifantoka tsy tapaka amin'ny Raintsika any An-danitra isika, rehefa miaina araka ireo didy lehibe voalohany sy faharoa—ny hitia an' Andriamanitra sy ny namantsika tahaka ny tenantsika (jereo ny Matio 22:36–39)—ary rehefa manao izay rehetra azontsika atao mba hiaina araka ny nampianariny isika dia hisy fiantraikany mahery vaika tokoa eo amin'ny fiainantsika ireo fikasana madio sy marina. Rehefa mampiray ny sitrapontsika amin'ny sitrapon'ny Ray isika dia hihena ireo fakam-panahy sy ireo vokatry ny filan-dratsy ka hosoloina fitiavana madion'i Kristy izany. Dia hofenoina ny fitiavan' Andriamanitra isika avy eo izay manolo ireo faniriana ratsin'ity izao tontolo izao ity amin'ny hakanton'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra. ■


**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Joy and Mercy," *Ensign,* nôv. 1991, 75; sy Thomas S. Monson, "Finishers Wanted," *Ensign,* jolay 1972, 69.
2. Mba hahitana ohatra vitsivitsy monja, dia jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:121; Spencer W. Kimball, "President Kimball Speaks Out on Morality," *Ensign,* nôv. 1980, 94–98; Neal A. Maxwell, "The Seventh Commandment: A Shield," *Ensign,* nôv. 2001, 78–80; Russell M. Nelson, "Where Is Wisdom?" *Ensign,* nôv. 1992, 6–8. Mba hahitana fampitandremana bebe kokoa mikasika ny filan-dratsy ao amin'ny soratra masina dia avereno jerena ireto lohahevitra manaraka ireto ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina: Fijangajangana; Aranofo; Fahadiovam-pitondrantena; Mitsiriritra; Fanitsakitsaham-bady; Manarana ny filàn'ny nofo; Fitondrantena maloto.
3. Jeffrey R. Holland, "Aza manome toerana intsony ho an'ny fahavalon'ny Fanahiko," *Liahona,* mey 2010, 44–45.
4. Ho fanampim-panazavana momba ity lohahevitra ity dia jereo ny Dallin H. Oaks, "Recovering from the Trap of Pornography," *Liahona,* ôkt. 2015, 50.
5. Richard G. Scott, "Making the Right Choices," *Ensign,* nôv. 1994, 38.
6. Dallin H. Oaks, "Faniriana," *Liahona,* mey 2011, 42.
7. Jereo, ohatra, ny D. Todd Christofferson, "Ilay fanomezana masin'ny fibebahana," *Liahona,* nôv. 2011, 38–41.


**SOSO-KEVITRA DIMY HANANANA FIAINANA MADIO**

Ny Loholona Jeffrey R. Holland dia nanolotra sosokevitra dimy ny amin'ny fomba hahazoana indray sy hihazonana fiainana madio:

1. Misaraha amin'ny olona, na zavatra na toe-javatra izay handratra anao.
2. Mikatsaha fanampiana.
3. Mikolokoloa sy mampiasà fifehezan-tena mba hanaisorana ireo fitaoman-dratsy.
4. Soloy sary feno fanantenana sy fahatsiarovana feno fifaliana ireo eritreri-dratsy.
5. Amboleo ao aminao ny Fanahin'ny Tompo ary aoka ho any amin'izay misy azy no misy ianao.

**Avy ao amin'ny "Aza manome toerana intsony ho an'ny fahavalon'ny Fanahiko," *Liahona,* mey 2010, 44-46.**



# MANOMPO any an-dafin'i

*Na any amin'izay toerana hafa ilan'ny Tompo anareo.*

**Nosoratan'i R. Val Johnson sy Rachel Coleman**
Gazetibokin'ny Fiangonana sy Sampan-draharaha misahana ny famoahana

Tena goavana tokoa ny filàna.

Tamin'ny fiandohan'ny taona 2013 dia nahitana olona dimy voan'ny kitrotro tao amin'ny tobin'ny mpitsoa-ponenana tao Za'atari tany amin'ny firenen'i Jordanie any Moyent Orient. Mpitsoa-ponenana Siriana maherin'ny 100.000, izay niaina tao anatin'ny toerana rakotra olona no notandindomindoza hahazo ity otrik'aretina tena mora mifindra sy mampidi-doza be ity. Nanao drafitra ny hanatanteraka fanaovana vaksiny faobe ny governemanta jordaniana mba tsy hiparitahan'ilay aretina. Ny hanao vaksiny mpitsoa-ponenana Siriana enim-bolana ka hatramin'ny 30 taona miisa 90.000 farafahakeliny ao anatin'ny tapa-bolana no drafitra.

Saingy nisy olana. Nanana ilay vaksiny ny UNICEF. Nanana ireo tobim-pahasalamana ny Ministeran'ny fahasalamana jordaniana. Ny zavatra tsy nananan'izy ireo dia ireo fitaovana tsy maintsy atao mangatsiaka mandritra ny fizarana—fanindronana, fitoeran'ireo zavamaranitra, fampangatsiahana ilay vaksiny—ary niha-nandeha ny fotoana.[1]

Dia nanomboka niditra an-tsehatra i Ron sy i Sandi Hammond, misiônera mpivady zokiolona izay talen'ny LDS Charities an'ny firenena tao Jordanie. Satria efa niara-niasa tamin'ny UNICEF sy ny Ministeran'ny fahasalamana i Ron sy i Sandi dia nirotsaka faingana tao amin'ny fiaraha-miasan'ireo fikambanana roa ireo izy ireo mba hamantarana ny fomba ahafahan'ny LDS Charities manampy.

Hoy i Ron: "Nanontany momba ny vidin'ireo fitaovana tsy maintsy atao mangatsiaka mandritra ny fizarana izahay. Rehefa nolazain'izy ireo anay izany dia niteny izahay hoe: 'Mihevitra izahay fa afaka manampy ny LDS Charities.' Hoy izy ireo hoe: 'Rahoviana no haingana indrindra? Mila mandroso isika!'"

Nanome lalana ny fividianana ireo fitaovana ilaina izay tsy maintsy atao mangatsiaka mandritra ny fizarana tao anatin'ny 20 ora ny LDS Charities. "Rehefa nampahafantarinay ny Ministeran'ny fahasalamana sy ny UNICEF izany," hoy i Ron, "dia talanjona izy ireo. Ahoana no nahafahan'ny ONG (fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana) iray nanao zavatra haingana tokoa toy izany? Tsy hoe nandeha tsara ara-potoana fotsiny ilay fanaovam-baksiny fa nitarika fanaovambaksiny manerana ny firenena izany izay nahafahana niaro Jordaniana sy mpitsoa-ponenana Siriana amana hetsiny."

Voasoroka ny loza.


Ankoatra izany dia niteraka ireo mety ho fiaraha-miasa amin'ny hoavy izany fiaraha-miasa nahomby teo amin'ny UNICEF sy ny Ministeran'ny fahasalamana jordaniana ary ny LDS Charities izany.



***Nanampy tamin'ny fanaovana vaksiny fanefitry ny kitrotro mpitsoa-ponenana Siriana miisa 90.000 ny LDS Charities.***

ANKAVIA: SARY NINDRAMINA TAMIN'I SAMIR BARDAN, UNICEF-JORDANIE; KISARISARY AORIANA SY SARIN'I AMMAN, JORDANIE © ISTOCK/THINKSTOCK

# Jordana


*Amman, Jordanie*

Ny fomba nahatongavan'i Ron sy i Sandi tamin'izany fotoana manan-danja izany tany Moyen Orient dia porofon'ny finoan-dry Hammond mivady sy ny fitaomampanahy ao ambadik'ilay fandaharan'asa ho an'ireo misiônera zokiolona ao amin'ny Fiangonana.

**Mila misiônera mpivady**

Mpanatanteraka ôrdônansy tao amin'ny Tempolin'i Rexburg Idaho ry Hammonds tamin'ny 2012. Mpitsabo nify nahomby i Ron ary nampianatra tao amin'ny Departemanta misahana ny fampianarana ny filazantsara tao amin'ny Brigham Young University-Idaho izy. Niova tampoka anefa ilay fahazarana nilamina izay niainan'izy ireo rehefa nandray fahatsapana ara-panahy miavaka iray mba handefa ireo taratasy hanaovana asa fitoriana izy ireo. Nanampoka azy ireo ny fotoana hanaovana izany. Teo an-dalam-piovana asa sy toeram-ponenana ny zanak'izy ireo efa manambady, ary tsy mbola nieritreritra ny handeha hisotro ronono i Ron. Nanome toky azy ireo anefa ny Fanahy fa nilaina izy ireo ary handeha tsara ny zavatra rehetra.

Raha ny zava-nitranga dia nifady hanina sy nivavaka mba hahita ny mpivady tena mety mba hanompo ho talen'ny LDS Charities an'ny firenena tany Amman, Jordanie ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana tao amin'ny foiben'ny Fiangonana.

"Tena nazava be," Hoy i Sandi, "fa efa niasa talohanay ny Tompo, nanomana ireo antsipirian-javatra momba ilay asa ampanaoviny anay manokana. Fantatray fa manao izany Izy ho an'ny misiônera rehetra izay manompo. Mahafaly ny mahafantatra fa alamin'ny Mpamonjy mialoha ny hahatongavanao any ny zavatra rehetra."

"Rehefa manao jery todika," hoy i Ron, "dia feno fankasitrahana izahay fa tsy nilaza mivantana ny toerana tianay hanompoana na nizirizìry tamin'izany. Ny famelana ny zavatra toy izany eo am-pelatanan'ny Tompo dia namela Azy hanome anay traikefa izay tsy ho azonay raha tamin'ny fomba hafa.

Izany traikefa izany dia nahitana ny fiarahana miasa tamin'ny fianakavian'ny mpanjaka tao Jordanie tamin'ireo fandaharan'asa fanampiana olona izay nanan-danja tamin'ireo mpanjaka. Niara-niasa tamin'ireo hôpitaly sy tobimpahasalamana teo an-toerana ry Hammond mivady mba hanolorana fanofanana ho an'ireo mpitsabo Jordaniana mikasika ireo fahaiza-manao eo amin'ny famelomana zazakely vao teraka, izay nampihena be tokoa ny fahafatesan'ireo zaza vao teraka. Tamin'ny alalan'ireo ezaka nataon'izy ireo sy ireo ezaka nataon'ireo misiônera mpivady

**NY FOMBA HAHAZOANA IREO 6 NA 12 NA 18 NA 23 VOLANA TSARA INDRINDRA EO AMIN'NY FIAINANAREO**

Ny mpivady iray dia afaka manao asa fanompoana mandritra ny 6 na 12 na 18 na 23 volana, miankina amin'ny toe-javatra iainan'izy ireo.

Ankoatra izany dia efa namboarina mba ho zaka ny saranjavatra lafo indrindra mandritra ny asa fanompoana—ny trano—tamin'ny alalan'ny famerana ny saran'ny trano tsy hihoatra ny $1 400 amerikanina ho an'ireo mpivady manompo avy any Etazonia, Kanadà, Eorôpa andrefana, Japana, ary Aostralia. Mandoa izay vitan'izy ireo ireo izay avy amin'ny firenena hafa rehetra.

Mba hahazoana fampahalalana momba ny fangatahana hanao asa fanompoana sy hamakina tantara betsaka kokoa momba ireo misiônera mpivady izay niaina ireo volana tsara indrindra teo amin'ny fiainan'izy ireo rehefa nanao asa fanompoana dia tsidiho ny lds.org/callings/missionary/senior.

hafa dia nanolotra fanofanana sy fitaovana ho an'ireo tobim-pahasalamana mitsabo maso sy ireo fikambanana manompo ireo izay manana fahasembanana ny LDS Charities. Anisan'ireo notohanan-dry Hammond mivady sy ireo misiônera mpanao asa soa hafa ny ivontoerana iray izay mampianatra vehivavy manana fahasembanana ny fomba hamoronana sy hanamboarana fitafiana ilàna fahaiza-manao manokana sy taozavatra. Ireo fahaiza-manao ireo dia nanome ireo mpianatra ny fahafahana hamelona ny tenany sy ny fianakaviany.

Ireo fandaharan'asa hafa dia nahitana ny fiaraha-miasa tamin'ny ONG (Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana) hafa sy ny governemanta jordaniana teo amin'ny lafiny vonjy taitra sy ny fifantenana ireo mpianatra jordaniana mba hahazo vatsim-pianarana iray amin'ireo vatsim-pianarana anankiroa isan-taona hianarana any amin'ny Brigham Young University. Anisan'ireo zavatra niainana tena nahafinaritra an-dry Hammond mivady ny fiaraha-miasa tamin'ny Fiangonana Katôlika Latina mba hanorina sekoly ho an'ireo Kristianina Irakiana izay tsy nanana toerana hivoriana.

### Miaraka amin'ny Tompo ao amin'ny tanimboalobony

Raha tany Jordanie ry Hammond mivady dia nianatra ny maha-marina ny fampanantenan'ny Tompo ho an'ireo izay manompo Azy izy ireo: "Ary Izaho handeha eo anoloanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo" (F&F 84:88).

"Mandray anjara ao amin'ny asa Andriamanitra," hoy i Ron. "Mirotsaka ao amin'ny tanimboaloboka miaraka amin'ireo mpanompony Izy. Miaraka amin'izay mpivady rehetra mandeha manao asa fanompoana ao amin'ny tanimboaloboka ny Tompon'ny tanimboaloboka. Tsy nino fotsiny ireo fahagagana tao Jordanie izahay; niaina azy ireny izahay."

Tsy hiadian-kevitra fa ireo anjely izay tsapan'izy ireo "nanodidina" azy ireo dia nahitana ireo izay avy any andanitra, sy nahitana ihany koa ireo izay avy eto an-tany, indrindra fa ny zanak'izy ireo izay nanohana ny fanapahan-kevitr'izy ireo hanompo lavitra ny tokantrano.

Ary ny fianakavian'izy ireo koa vokatr'izany dia notahiana tamin'ny hery miaro sy manohana avy amin'ny Tompo. Fanapahan-kevitra goavana momba ny asa sy fifindrantoerana no noraisina, ary voavaha ireo ahiahy momba ny mety ho fahasarotam-piterahana rehefa nitodika tany amin'ny Tompo ny zanak'izy ireo, sy niara-nifanakalo hevitra, ary nifampivavaka sy nifady hanina.

Lehibe tokoa ireo fitahiana azon'ny zanak'izy ireo ka rehefa nasaina mba hanitatra ny asa fanompoany roa taona ho lasa telo taona Rahalahy sy Rahavavy Hammond dia naneho fanohanana tamim-pahavitrihana ny zanak'izy ireo tsirairay. Tsapan'izy ireo fa nanao zavatra tena miavaka ho azy ireo ny Tompo ho vokatra mivantana avy amin'ny asa fanompoan'ny ray aman-drenin'izy ireo.

Na izany aza dia mbola fahafoizan-tena ny fisarahana izay tsapan'ny fianakaviana Hammond. Sarotra ny hoe lavitra be an'ireo olon-tian'izy ireo. Saingy tsy sarotra toy ny taloha izany. Ny teknôlôjia dia nahatonga an'ilay fianakaviana handray anjara amin'ny fiainan'ny tsirairay matetika araka izay nilàna izany. Nilaza i Sandi hoe: "Mifandray foana amin'ny fianakaviany ireo mpivady. Nifandray matetika tamin'ireo fianakavian'ny zanakay tany an-trano izahay. Noho ny Face Time sy ny email dia nahafantatra anay sy feno fitiavana ary nandray tsara anay rehefa nody izahay ny zafikelinay efatra vaovao, izay teraka raha mbola tany ampanompoana izahay.

### Maso sy fo nisokatra

Anisan'ireo fitahiana marobe tsapan-dry Hammond mivady fa azon'izy ireo avy tamin'ny asa fanompoana nataony ny fahitan'ny mason'izy ireo ilay falalahan-tanana sy hatsaram-panahy nananan'ny vahoaka Jordaniana. Tsy nahafantatra tsara ny momba ny vahoaka hotompoin'izy ireo ry Hammond mivady rehefa nahazo voalohany ny antsony izy ireo.

"Kanefa hitanay fa malefaka sy malala-tanana ireo Silamo namanay," hoy i Ron, "ary azonay antoka fa



*I Ron sy i Sandi Hammond sy ireo misiônera manao asa fanampiana olona dia niara-niasa tamin'ny fianakavian'ny mpanjaka ao Jordanie mba hampihenana ny fahafatesan'ny zaza vao teraka any.*

ANKAVIA: SARY NINDRAMINA TAMIN'NY LDS CHARITIES; ANKAVANANA: SARY NINDRAMINA TAMIN-DRY HAMMOND MIVADY



***Olana iray ho an'ireo izay miomana ho misiônera mpivady ny lavitra ny zanaka sy zafikely amin'ny fotoana manan-danja eo amin'ny fiainan'izy ireo. Nianatra ry Hammond mivady fa ny Tompo dia mitahy amin'ny fomba mahagaga ny fianakavian'ireo misiônera mpivady izay manompo ary ny teknôlôjia dia mamela azy ireo hijanona ho akaiky na dia lavitra be aza izy ireo.***

raha toa ka tsapan'izy ireo fa tandindomin-doza izahay dia ho nanao izay rehetra azony natao hiarovana anay izy ireo.

"Mampitolagaga ny fiantran'izy ireo. Tsy zakan'ny Jordaniana ny mahafantatra fa misy olona sahirana kanefa afaka manampy izy ireo. Talohan'ireo andron'i Davida tany izy ireo dia efa nandray mpitsoa-ponenana. Ny Baiboly dia ahitana andinin-tsoratra masina maro misy ny hoe 'any an-dafin'i Jordana,' ary nanomboka nanao sonia ny taratasinay tamin'ny hoe 'Aty an-dafin'i Jordana,' izahay ho fankasitrahana ny asa fanompoana feno fangorahana izay voninahitra ho anay ny nanolotra izany tato amin'ity firenena be fangorahana araka ny tantara ity. Toeran'ny fiantrana i Jordanie nandritra ny taon-jato maro, ary nitahy ny vahoaka noho izany ny Tompo."

Ny fiarahana miasa akaiky tamin'ny vahoana Jordaniana dia nahafahan-dry Hammond mivady nikolokolo finamanana matanjaka. "Nahazo fanasana maro mba hihinana ny sakafo Iftar izahay, izay ny sakafo mamarana ny fifadiankanina isan'andro mandritra ny Ramadan," hoy i Sandi. "Ireo Silamo namanay ihany koa dia nanasa anay hanatrika ireo fety amin'ny fifamofoana, fampakaram-bady ary fotoana hafa izay mifantoka amin'ny fianakaviana."

Tsy mitory na manome lalana ny hanaovana batisa ireo Silamo any Jordanie na any amin'ireo toeran-kafa handraràn'ny lalàna izany ny Fiangonana, koa dia tsy nizara fampahalalana momba ny Fiangonana ry Hammond mivady. Fa nifantoka tamin'ny fanorenana sy fihazonana fifandraisana kosa izy ireo—tamin'ny fianakavian'ny mpanjaka, ireo mpiara-miombonantoka amin'ny asa fanampiana olona eo an-toerana, ireo misiônera mpivady niara-nanompo tamin'izy ireo, ary ireo mpitarika ara-pivavahana sy tao amin'ny governemanta. Rehefa nanontaniana momba ny Fiangonana ry Hammond mivady dia namporisika ireo mpanontany izy ireo mba hitsidika ny LDS.org.

## Ilay antso mba hanompo

Raha eritreretina ireo zavatra mahagaga niainan'i Ron sy i Sandi, dia moa ve izy ireo mahatsapa ho somary miavaka amin'ireo mpivady izay nantsoina hanompo—na izay azo antsoina hanompo?

Eny—dia tsia ihany koa. "Nanompo tany amin'ny toerana sy tamin'ny fotoana nilan'ny Tompo mpivady nanana ny fahaizamanaonay manokana sy ireo traikefa teo amin'ny fiainana anananay izahay," hoy ry Hammond mivady. "Marina anefa izany ho an'ny misiônera zokiolona rehetra. Ny mpivady rehetra manana fahafahana hanao asa fanompoana dia nomanina mba hanompo amin'ny fomba miavaka amin'izy ireo. Mila mampihatra finoana ampy handehanana any amin'ny toerana ilàn'ny Tompo azy ireo fotsiny izy ireo ary Izy dia hampiasa azy ireo mba hitondra fiovana eo amin'ny fiainan'ny hafa."

"Afaka mitondra fiovana ireo mpivady," hoy ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Afaka manatontosa zavatra mahagaga izay tsy vitan'ny olona hafa ireo misiônera mpivady. . . .

". . . Saika ho tsy manam-petra ireo fomba ahafahan'ny mpivady manompo. Manomboka amin'ny fanohanana ny biraon'ny misiôna sy ny fampiofanana ireo mpitarika ka hatramin'ny tantaram-pianakaviana, ny asa atao any amin'ny tempoly, ary ny asa fanampiana olona—dia misy fahafahana mba hampiasana izay mety ho fahaiza-manao na talenta rehetra nomen'ny Tompo anao. . . .

". . . Nahazo betsaka ianareo teo amin'ny fiainanareo; mandehana dia manolora tena amin-kalalahana ao amin'ny fanompoana ny Tompo sy Mpamonjintsika. Manàna finoana. Fantatry ny Tompo ny toerana ilàna anareo. Tena betsaka tokoa no ilaina, ry rahalahy sy anabavy, ary vitsy tokoa ireo mpiasa tany."[2] ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny "Mass Vaccination Campaigns in Syria, Jordan, Lebanon, Iraq and Turkey Amid Measles Outbreaks," 30 apr. 2013, unicef.org.
2. Robert D. Hales, "Couple Missionaries: A Time to Serve," *Liahona,* jol. 2001, 30, 31.

# MANGATAKA FAMINDRAM-PO

Rehefa nandeha nankany amin'ny tanàna akaiky iray tany Estonie aho dia nahita lehilahy iray nangataka vola. Mahagaga fa fantatro izy fony aho misiônera nanao asa fitoriana tao amin'izany tanàna izany 10 taona lasa izay. Nitondra harona lehibe feno tavoahangy plastika nangonina mba havadika ho vola, tahaka ny taloha izy. Tsaroako fa nangataka vola fanampiny foana izy, ary raha manome vola kely azy ianao dia anontaniany raha toa ka manana bebe kokoa omena.

Tena taitra aho nahita azy. 10 taona taty aoriana dia mbola tsy niova ihany izy—niampy volofotsy kely, saingy toa mbola toy ny teo aloha ihany ny fiainany, nangata-bola isan'andro. Nieritreritra ireo 10 taona nahafinaritra niainako aho tetsy andaniny, izay nahitana ny fanambadiana tany amin'ny tempoly, ny fandrantoana fianarana, ny fahitana asa tsara, ary ny fankamamiana ny fahasalamana tsara.

Fantatro fa izany no mety ho fotoana farany hahitako azy ka nahatsapa aho fa tokony hanome zavatra ho azy. Ny olana anefa dia vola betsaka lavitra noho izay tiako homena azy no taty amiko. Nikentronkentrona aho teo anatrehan'ny safidy nananako—tsy hanome na inona na inona azy na hanome azy mihoatra izay tiako homena. Tapakevitra aho fa tsy dia hampaninona ahy akory izany ary koa hahafaly azy fatratra ka dia nomeko azy ilay vola.

Tsy ampy roa andro taty aoriana dia tao anatin'ny toe-javatra nitovitovy tamin'izany aho, kanefa tamin'ity indray mitoraka ity dia izaho no ilay nangataka famindram-po. Nafangaroko ny daty fandefasana fangatahana vatsim-pianarana iray izay mitentina misimisy ihany. Nihevitra aho fa nalefako roa herinandro mialoha izany kanefa raiki-tahotra aho rehefa niverina nijery ilay daty ka nahita fa tara iray andro ny nandefasako izany.

In-jato avo heny katroka mihoatra ilay vola nomeko ilay mpangataka ny fitambaran'ilay vatsim-pianarana, ary toy ny naneso ahy izany ilay toe-javatra nitranga. Sady nanjary nangataka famindram-po tamin'ny Raiko any An-danitra tamin'ny alalan'ny vavaka aho no nanjary nangataka famindram-po tamin'ireo tompon'andraikitra tao amin'ilay oniversite tamin'ny alalan'ny email. Nilaza izy ireo fa handray ilay fangatahana kanefa hanisy marika hoe tara izany.

Nivaly ny vavaka nataoko ary notahiana aho fa nahazo ilay vatsim-pianarana, izay nanampy be dia be anay mivady teo amin'ny ara-bola. Saingy mbola manan-danja bebe kokoa ny hoe nampianatra ahy lesona sarobidy iny zavatra niainako iny: moa tsy mpangataka avokoa va isika eo anatrehan' Andriamanitra? (jereo ny Môsià 4:19). ■

Matthew Crandall, Harju, Estonie



Rehefa nandeha nankany amin'ny tanàna akaiky iray tany Estonie aho dia nahita lehilahy iray nangataka vola. Mahagaga fa fantatro izy fony aho misiônera nanao asa fitoriana tao amin'izany tanàna izany 10 taona lasa izay.

SARY NATAON'I STAN FELLOWS

# ANJELY ANTSOINA HOE ANDRIAMATOA SY RAMATOA DUNN

Nijery fahitalavitra aho rehefa niantso ahy ny reniko mba hilaza tamiko fa nararin'ny gripa i Dadatoa Floyd anadahiny izay 92 taona sy i Nenitoa Millie vadin'i dadatoa, ary tsy nisy sakafo tao an-tranon'izy ireo. Tsy afaka nankany an-tsena hividy zavatra ihany koa izy ireo. Tsy nanana fianakaviana hafa akaiky azy ireo i Dadatoa Floyd sy i Nenitoa Millie ka dia tsy nanana na iza na iza hanampy azy izy ireo.

Nanontany tena ny reniko raha afaka manampy aho. Izaho irery no mpikamban'ny Fiangonana tao amin'izany ampahany amin'ny fianakaviako izany, ary efa nantsoina hanampy tamin'ny toejavatra maro aho teo aloha. Ny olana dia nipetraka tany Utah Etazonia aho, ary tany Hemet Californie, Etazonia no nisy ireo nenitoako sy ny dadatoako.

Nangataka ny reniko hanome ahy minitra vitsy aho hieritreretana izay zavatra hatao. Nanana namana nipetraka tany akaikin'i Hemet aho, ka dia nantsoiko izy ary nanontaniako raha nahafantatra olona tao Hemet. Niresaka tamiko momba ny vehivavy iray niara-nanompo taminy tany amin'ny Tempolin'i Redlands Californie nantsoina hoe Rahavavy Dunn izay filohan'ny Fikambanana Ifanampiana tany izy.

Rehefa namaly ny antso antelefaonina nataoko Rahavavy Dunn dia hoy aho nanomboka ny resaka hoe: "Manahoana Rahavavy Dunn. Tsy fantatrao aho, fa i Nancy Little no anarako, ary mipetraka aty Utah aho. Mpikamban'ny Fiangonana aho, saingy tsy mpikambana ny nenitoako sy ny dadatoako mipetraka any Hemet. Marary izy ireo ary tsy manana sakafo ao an-tranony." Nolazaiko azy ny toerana nipetrahan'izy ireo, izay lavitra ny toerana nisy azy, ary nohazavaiko fa te hahafantatra fotsiny ny mombamomba izay trano fisakafoana iray teo akaikin'izy ireo izay mety ho afaka hanatitra sakafo aho.



Nisisika mafy Rahavavy Dunn fa hanatitra sakafo any amin'ny nenitoako sy ny dadatoako izy sy ny vadiny.

Naleon-drahavavy Dunn kosa nisisika nilaza fa hanatitra sakafo any amin'ny nenitoako sy ny dadatoako izy sy ny vadiny. Toa hoe nanao lasopy sy mofo tao an-trano izy ireo, ary vao avy nanamboatra cookies ny reniny. Tsy nanaiky aho saingy nisisika ihany izy.

Ora vitsy taty aoriana dia niantso Rahavavy Dunn ary nanome toky ahy fa nandeha tsara daholo ny zavatra rehetra. Niantso ny reniko afaka fotoana vitsy mba hilaza tamiko izay nolazain'i dadatoa Floyd momba ny fitsidihan'izy ireo. Hoy izy hoe: "Nisy anjely antsoina hoe Andriamatoa sy Ramatoa Dunn tato an-tranoko. Tonga niaraka tamin'ny sakafo be dia be novimbininy izy ireo: voankazo, legioma, lasopy sy mofo ary cookies nandrahoina tao an-trano. Izany no cookies tsara indrindra nohaniko hatramin'izay." Niresaka tamin'ny dadatoako ry Dunn mivady, nanampy azy ireo tamin'ny zavatra nilainy, ary taorian'izay Rahalahy Dunn dia nitondra an'i Nenitoa Millie izay reraka sy narary, izay voan'ny Alzheimer, avy teo am-pandriany nankeo amin'ny seza iray tao an-dakozia mba hahafahandrahavavy Dunn mamahana azy.

Rehefa niantso ny mamako i Dadatoa Floyd mba hilaza taminy momba izany fitsidihana izany dia nitomany izy. Nilaza izy fa tsy mbola nihaona tamin'ny olona tsara fanahy sy tia miahy toy izany. Nilaza tamin'ny reniko izy fa tsara vintana aho mipetraka any Utah ary hodidinin' "ireo Môrmôna rehetra ireo."

Efatra andro taorian'ilay fitsidihana dia nandeha nivoaka nijery ny boaty fitoeran-taratasiny i Dadatoa Floyd dia nibolisatra ka nianjera. Voadona ny lohany ka dia maty izy efatra andro taty aoriana. Ankoatra ny olona iray mpikarakara azy ireo tao an-trano dia Rahalahy sy Rahavavy Dunn no olona hitan'ny dadatoako farany talohan'ny nahafatesany.

Feno fankasitrahana aho noho ny ohatra tahaka ny an'i Kristy izay nasehon'ny iray amin'ireo rahavaviko ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana izay nipetraka tany amin'ny kilaometatra maro lavitra ahy, olona iray izay tsy mbola nihaona tamiko mihitsy, izay nanampy ny nenitoako sy ny dadatoako. ■

Nancy Little, Utah, Etazonia

SARY NATAON'I WILSON ONG

# FOTOANA HANAOVANA TANTARAM-PIANAKAVIANA

Noho izaho renin'ny zanakavavy kely roa dia matetika aho no manao fialan-tsiny fa tsy afaka mandray anjara amin'ny sasany amin'ireo zavatra tiako hatao satria tsy mbola tonga fotsiny ny "fotoana" tokony hanaovako izany. Iray tamin'ireo zavatra ireo ny asa fanaovana tantaram-pianakaviana.

Na dia nandray anjara tamin'ny firaketana faobe, izay asa fanao nahafinaritra rehefa Sabata aza aho taloha dia nanjary nitady fialan-tsiny aho fa sady tsy manana fotoana no tsy manana fahalalana mba hanolorana tena tanteraka amin'ny fanaovana ny tantaram-pianakaviako tamin'izany fotoana izany.

Niova ny foko indray maraina be volana vitsivitsy lasa izay rehefa nipetraka tao amin'ny tempoly aho. Rehefa namerina nijery ireo anaran'olona maty teo amin'ireo karatry ny tempoly aho ary nivavaka mba haneken'izy ireo ireo ôrdônansin'ny tempoly hotanterahina ho azy ireo, dia nieritreritra hoe: "Tsy mahafinaritra ve raha ny olona ao amin'ny fianakaviana ireo olona ireo? Te hanao ilay asa ho azy ireo aho." Nanamafy tamiko ny Fanahy fa raha izany no faniriako dia hanampy ahy ny Tompo hanao ny tantarampianakaviako, indrindra fa amin'ny andro Sabata. Afaka nanampy ahy hahita fotoana sy hahazo ny fahalalana mba hanatanterahana ny tanjony Izy.

Tamin'io alahady io dia nody aho, dia niditra tao amin'ny FamilySearch.org. Nipatrapatraka avy hatrany ny ranomasoko rehefa nahita ny anaran'ireo razambeko aho. Nanjary natanjaka kokoa ny fifandraisako tamin'izy ireo. Nampitombo kokoa ny fitiavako azy ireo ireo sarin'izy ireo manokana sy tahirin-kevitra izay vao nampidirin'ny renibeko tao, ka nahatonga ireo olona tao amin'ny fianakaviako ho toy ny tena azo notsapain-tanana sy nanan-danja kokoa tamiko. Nahatsapa fifaliana aho tamin'ny nampandraisako anjara ny zanako roa taona, izay nianatra namantatra ny sarin'ny rain'ny dadabeny sy ny renin'ny reniben'ny raibeny, ka niantso azy ireo tamin'ny anarany. Tsapako ilay zavatra nofaripiritan'ny Filoha Russell M. Nelson Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Manome fahafahana mahafinaritra mba hanamafy orina ny fifandraisan'ny fianakaviana ny Sabata. Raha ny marina dia tian' Andriamanitra isika tsirairay avy, amin'ny maha-zanany antsika, mba hiverina any Aminy amin'ny maha-Olomasina vita fanafiana masina sy nofehezina tamin'ny razambentsika sy ny taranatsika tany amin'ny tempoly amin'ny mahafianakaviana antsika" ("Fahafinaretana ny Sabata," *Liahona,* mey 2015, 130).

Hatramin'izay zavatra niainana voalohany izay dia nanohy nandray anjara tamin'ny fanaovana tantarampianakaviana aho rehefa Sabata. Nahazo fitahiana aho mba hanao asa atao any amin'ny tempoly ho an'ny sasany amin'ireo olona efa maty tao amin'ny fianakaviako. Fitahiana iray miavaka ny fahafantarana ny momba ireo havako sy ny nananako fifandraisana akaiky tamin'ireo ray amandrenibeko izay tsy mpikambana ato amin'ny fiangonantsika. Nampahatanjaka ny fahavononako hitandrina ireo fanekempihavanana sy haharitra hatramin'ny farany izany mba ho rohy matanjaka ao amin'ny fianakaviako mandrakizay aho.

Na dia mbola betsaka aza ny asa tokony hatao dia feno fankasitrahana ny Raiko any An-danitra aho noho ny nampitomboany ny fahafahako manao zavatra mba hahafahako mandray anjara amin'ny asany, indrindra fa amin'ny androny. Ho ahy, ny andro Sabata dia tena fahafinaretana. ■

Rachel Lewis, Utah, Etazonia



Nahatsapa fifaliana aho tamin'ny nampandraisako anjara ny zanako roa taona, izay nianatra namantatra ny sarin'ny rain'ny dadabeny sy ny renin'ny reniben'ny raibeny, ka niantso azy ireo tamin'ny anarany.

SARY NATAON'I WILSON ONG



Nanana sariolona kely Kapiteny Môrônia aho ary nipetraka tao anatin'ny paosin'ny lobako izy mandra-pahatapitry ny taom-pianarana nampianarako mba hampahatsiahy ahy ny fomba nampianaran'ny Kapiteny Môrônia ahy.

# NANAMPY AHY HAMPIANATRA AO AMIN'NY SEKOLY AMBARATONGA FAHAROA FOTOTRA NY KAPITENY MÔRÔNIA

Tao anatin'ny taom-pianarana iray sarotra aho nampianatra ankizy 13 sy 14 taona. Vao tonga tao an-trano aho avy nanatrika fivoriana iray nampitebiteby niaraka tamin'ny tale lefitra ary vao haingana no notsaraina ny hatsaran'ny ny fomba fampianarako. Noho izaho mpampianatra vaovao sady nila namorona ny ankamaroan'ny lesona nampianariko dia sahirana aho nanao izay hifantohan'ireo mpianatra tamin'ny asa natao sy nanao izay hahaliana azy ireo. Tamin'ny ankapobeny ilay fifampiresahana dia niompana tamin'ny hoe mila manery ireo mpianatro hanao safidy aho—hanao ny asa na hidi-kizo—ary hanara-maso ny fanatanterahana ny fampitandremana omeko.

Nandao ilay fivoriana tamin'alahelo sy tamim-pihetseham-po be aho. Io fivoriana io no nataoko zavatra nifantohana ny tontolo andro rehefa nandalina ny soratra masina aho ny ampitson'io. Nahagaga tokoa fa nahazo valinteny aho rehefa namaky ny Bokin'i Môrmôna.

Nivavaka aho mba hianarako avy amin'ny soratra masina ny fomba hahatongavana ho mpampianatra tsara tamin'io maraina io. Nampianatra ahy ny Fanahy Masina rehefa namaky momba ny Kapiteny Môrônia tao amin'ny Almà 44 aho. Tamin'izany fotoana izany dia nohodidinin'ny Kapiteny Môrônia sy ny Nefita teo amin'ny reniranon'i Sidôna ny Lamanita dia nampitahorin'izy ireo ireo Lamanita ka nanjary nanary ny fitaovam-piadiany. Nanohy namaky aho sady nieritreritra ny fomba tiako hahatongavana tahaka ny Kapiteny Môrônia tao an-dakilasy: mifehy, mahatoky tena, ary mahomby.

Namaky ilay resaka nifanaovana aho dia nahatsikaritra an'i Môrônia niteny tamin'i Zerahemnà sy ireo Lamanita fa voatery nanao safidy izy ireo: "Ny hanoloranareo anay ny fitaovam-piadianareo, ary . . . hotsimbininay kosa ny ainareo, raha ho zorinareo ny lalanareo ka tsy hiverina indray ianareo hiady aminay" na "raha tsy manao izany ianareo dia, . . . handidy ny oloko aho ny hanafihany anareo" (Almà 44:6, 7). Hitako fa nanao ny zavatra nasain'ny lehibeko ataoko izy! "Omeo safidy roa izy ireo dia araho maso avy eo," hoy izy. Sady nieritreritra izany aho no nampiasa ny teny filamatr'i Môrônia hoe: "Indro, hofaranantsika ny ady" (Almà 44:10).

Rehefa vonona ny hampiasa ireo fitsipika nianarako tao amin'ny tantara iray tao amin'ny soratra masina momba ny iray amin'ireo olona be herimpo ankafiziko aho dia niverina tany an-dakilasy sady natoky tena niaraka tamin'ny tetik'adiko. Nanana sariolona kely Kapiteny Môrônia aho ary nipetraka tao anatin'ny paosin'ny lobako izy mandra-pahatapitry ny taom-pianarana nampianarako mba hampahatsiahy ahy ny fomba nampianaran'ny Kapiteny Môrônia ahy ny fomba hitondrana ny kilasy ambaratonga faharoa fototra iray. Rehefa nomeko safidy roa ny mpianatro dia nihatsara ny fitondrantenan'izy ireo, nataony ny asa nampanaovina azy, ary nifankahazo tsara izahay. Tapitra ilay taom-pianarana, ary mbola sarotra ihany ilay izy, saingy afaka "namarana ny ady" aho noho ilay vavaka novaliana sy ny herin'ny soratra masina. ■

Ben Floyd, Washington, Etazonia

SARY NATAON'I ALLEN GARNS

# NIFADY HANINA SY NIVAVAKA HO AN'I EMMA

**Nosoratan'i Cecilie Norrung**

*Taorian'ny nianjeran'ny zanako vavy avy teo amin'ny varavarankely iray dia nataoko fa tanteraka ilay zavatra ratsy natahoranay indrindra.*

Vao niverina avy nanao fialan-tsasatra nahafinaritra ny fianakaviako. Taorian'ny sakafo antoandro dia navelako hilalao tany amin'ny efitrano fatoriana tany ambony tao amin'ny tranonay tany amin'ny rihana fahefatra ny zanakay roa, dia i Markus efa-taona ary i Emma telo taona. Ny varavarankely any Danemark dia misokatra mankany ivelany toy ny varavarana kopa-droa. Mazàna ireo varavarankely no mihidy, saingy navelanay nivoha kely izany nandritra ny fialan-tsasatray mba hidiran'ny rivotra tao amin'ny tranonay nandritra ny dianay.

Teo am-panasako lovia dia tsapako tampoka teo fa nisy zavatra tsy nety mihitsy. Nihazakazaka nankany amin'ny trano fandraisam-bahiny aho teo raha nihazakazaka nidina ny tohatra i Markus. Nikiakiaka tamin-tahotra izy dia nilaza fa nianjera avy teo amin'ny varavarankely i Emma—varavarankely eo amin'ny 12 metatra miala ny sisin-dalana vita simenitra iray. Nihazakazaka nidina ny tohatra aho sady namerimberina nikiakiaka nanonona ny anaran'i Emma. Hitako nivalampatra teo amin'ilay lalana vita simenitra ny zanako vavy kely, toy ireny hoe tsy niaina intsony ireny. Nalemy tanteraka izy rehefa noraisiko, dia nihevitra aho fa voamarina ny zavatra natahorako indrindra. Ny vadiko, izay nanaraka ahy tany ivelany, dia naka azy ho eny an-tsandriny ary nanome azy tsodranon'ny fisoronana avy hatrany.

Tonga haingana ny fiaravonjimarary, ary izaho sy i Markus dia nivavaka teo ampikarakaran'ireo mpitsabo mpanampy an'i Emma. Vetivety izahay rehetra dia tafiditra tao anatin'ilay fiaravonjimarary nankany amin'ny hôpitaly.

Vetivety dia tonga nanotrona anay tao amin'ny sampan-draharaha misahana ny fitsaboana olona marary mafy ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay tonga mba hanohana anay. Nandeha nody niaraka tamin'ny zanaky ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreniny i Markus, fa izaho sy ny vadiko kosa dia nijanona, sady tsy mbola nahafantatra na inona na inona momba ny toe-pahasalaman'i Emma.

Taorian'ny fiandrasana izay toa ela dia ela tokoa dia tamy avy any ihany ny iray tamin'ireo mpitsabo ka nangataka ny antsipiriany momba ilay loza. Nilaza izy ireo fa raha ny tokony ho izy, ny fianjerana avy eny amin'ny haavo sahala amin'izany dia ho niteraka ratra tany anaty ka kely monja ny hahafahana ho mbola velona. Nisy tapaka ny taolamaojan'i Emma ary nisy fikorontanana ny atidohany, saingy ivelany fotsiny ihany ireo kiaka taminy. Nilaza ilay mpitsabo fa mety nisy anjely nitaty azy angamba.

Na dia fahagagana aza ny fahaveloman'i Emma dia mbola tsy nahatsiaro tena izy noho ny fahavoazana teo amin'ny lohany. Mbola nanome tsodrano an'i Emma indray ny vadiko sy ny namana roa akaiky anay. Tao anatin'izany tsodrano izany dia nomena fampanantenana izy ny ho sitrana tanteraka tsy hisy olana maharitra ary ho traikefa tsara eo amin'ny fiainany izany zavatra nitranga izany. Nahatsapa fankasitrahana lehibe tokoa aho noho ny herin'ny fisoronana. Nohenoina ireo fitalahoako rehetra nandritra ny alina.

Nifoha avy tamin'ny tsy fahatsiarovantenany i Emma efatra andro taty aoriana. Nandritra ireo efatra andro ireo dia nifady hanina sy nivavaka ho azy ireo namana sy mpikamban'ny Fiangonana ary ireo olona hafa. Tsapako nanemitra ahy ny vavak'ireo Olomasina mahatoky, izay nampahery ahy sy ny fianakaviako. Tsapako ho toy ny hoe nofihinin' Andriamanitra tamin'ny sandriny aho ary nofenoiny fiononana tao anatiko.



SARY © ISTOCK/THINKSTOCK



Nanao fifadian-kanina ny tsatòkanay tamin'ilay andro mialoha ny nifohazany. Mino izahay fa nahare ny vavakay ny Ray any An-danitra ary ny fifohazan'i Emma dia vokatra mivantana avy amin'ilay fifadian-kanina. Nanomboka tamin'izay dia sitrana haingana i Emma. Dimy andro taty aoriana dia niteny ny teniny voalohany hatramin'ny nisehoan'ilay loza izy, ary sivy andro taty aoriana dia nivoaka ny hôpitaly izy. Nipetraka dimy herinandro teo ambony seza misy kodiarana izy ary taorian'izay dia nanomboka nanaraka fitsaboana fanazarana ny vatana hihetsika indray.

Tokotokony ho iray volana taorian'ilay loza dia nipika tampoka ny lamosiko noho izaho nibata an'i Emma. Tonga tao amiko ny fahatsapana ho tsy nanana hery, tsy arabatana ihany fa ara-panahy ihany koa. Amin'ny fomba ahoana no hahafahako hanohy hikarakara azy?

Indray alina dia nanjary mafy loatra ka toa tsy zaka intsony ny fahatsapana ho meloka noho ny tsy fananana hery hanao na inona na inona. Nivoaka ny trano aho dia nandeha tany amin'ny seza iray teny amin'ny zaridaina lehibe iray, dia nivavaka tamin'ny Ray any An-danitra tao nandritra ny adiny iray teo aho.  Vao voalohany teo amin'ny fiainako no nahatsapako ilay hery mahagagan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy nandrakotra ahy. Nesorina tamiko avokoa ireo fanaintainana sy alahelo nentiko. Nesorina teo an-tsoroko ireo enta-mavesatro rehetra taorian'izany vavaka izany. Mbola nampiasa seza misy kodiarana i Emma, ary izaho dia nanaraka fitsaboana lamosina matetika, kanefa nampahatanjahina aho mba hanohy ny ezaka nataoko.

Herintaona taty aoriana dia afaka nihazakazaka i Emma, nihomehy, nitantara tantara, ary nieritreritra tahaka izay tokony hieritreretan'ny zaza efa-taona.

Fantatray fa misy Ray any An-danitra be fitiavana any, izay mikarakara anay sy mahafantatra anay tsirairay avy. Fantany izay olana hatrehanay. Tsy hisalasalako mihitsy ny fahagagana nomeny anay tamin'ny alalan'ny vavaka, ny fifadian-kanina, ary ireo tsodranon'ny fisoronana. ■

*Mipetraka any amin'ny faritry ny renivohitr'i Danemark ny mpanoratra.*



**TOY NY AHOANA NO FIHETSIKA ASEHONTSIKA MANOLOANA IREO FITSAPANA?**

"Rehefa mitranga eo amin'ny fiainantsika ny zava-tsarotra, inona ny zavatra tonga dia ataontsika? Moa ve miteraka fisafotofoan-tsaina na ahiahy na fisintahana arapanahy izany? Moa ve fandonana tampoka ny finoantsika izany? Moa ve manome tsiny an' Andriamanitra sy ny hafa isika noho ny toe-javatra izay iainantsika? Sa ve ny fihetsitsika voalohany dia ny mahatsiaro hoe iza isika—isika dia zanak' Andriamanitra be fitiavana?" Moa ve izany miaraka amin'ny fahatokiana tanteraka fa mamela ny hisian'ny fijaliana sasany eto an-tany Izy *satria* fantany fa hitahy antsika tahaka ny afon'ny mpandrendrika izany mba ho tonga tahaka Azy ka handray ny lovantsika mandrakizay?"

**Loholona Donald L. Hallstrom ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, "Zanaky ny Ray aho", *Liahona,* mey 2016, 27.**



**Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mïjoro ho tena zanaky ny Arivo Taona

Olona maro no miantso anareo hoe *zanaky ny Arivo Taona*. Ekeko fa rehefa miantso anareo amin'izany andian-teny izany ireo mpikaroka ka mamariparitra izay ambaran'ireo fanadihadiana nataony momba anareo—ireo zavatra tianareo sy tsy tianareo, ireo fahatsapanareo sy fironanareo, ireo tanjakareo sy ireo fahalemenareo—dia tsy azoko ny aiko. Misy zavatra mikasika ny fomba fampiasan'izy ireo ilay andian-teny hoe *zanaky ny Arivo Taona* izay manelingelina ahy. Ary raha ny marina dia tsy dia mahaliana ahy loatra izay ambaran'ireo *matihanina* momba anareo raha oharina amin'izay nolazain'ny Tompo tamiko momba anareo.

Rehefa mivavaka momba anareo aho ka mangataka amin'ny Tompo mikasika izay tsapa*ny* momba anareo, dia mahatsapa zavatra tena samy hafa be amin'izay lazain'ireo mpikaroka. Ny fitaomana ara-panahy izay noraisiko momba anareo dia nitarika ahy hino fa mety ho tonga lafatra ho anareo ilay andian-teny hoe *zanaky ny Arivo Taona*—noho ny antony tena samy hafa be amin'izay mety ho takatr'ireo matihanina anefa.

Ny andian-teny hoe *zanaky ny Arivo Taona* dia tonga lafatra ho anareo raha toa io andian-teny io ka mampahatsiahy anareo hoe iza *marina* ianareo sy hoe inona *marina* ny tanjonareo. Ny tena zanaky ny Arivo Taona dia olona iray izay nampianarina sy nampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mialoha ny nahatongavany teto ambonin'ny tany, ka nanao fanekempihavanana tamin'ny Raintsika any An-danitra tany mikasika ireo zavatra mitaky risipo—na dia ireo zavatra mitaky risipo *ara-pitondrantena* aza—izay ho ataony rehefa eto ambonin'ny tany.

Ny tena zanaky ny Arivo Taona dia lehilahy iray na vehivavy iray izay ananan' Andriamanitra fitokisana ampy mba halefa ety ambonin'ny tany mandritra ny fotoampitantanana goavana indrindra eo amin'ny tantaran'ity izao tontolo izao ity. Ny tena zanaky ny Arivo Taona dia lehilahy iray na vehivavy iray izay miaina amin'izao fotoana izao mba hanampy amin'ny fanomanana

> **"Taranaka voafidy" ianareo, izay notendren' Andriamanitra talohan'ny nahaterahanareo mba hanao asa mahagaga—mba hanampy amin'ny fanomanana ny vahoakan'ity izao tontolo izao ity ho amin'ny Fiaviana Fanindroany.**

ny olona eto amin'ity izao tontolo izao ity ho amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany sy ny fanjakany mandritra ny arivotaona. Tsy misy antony tokony hisalasalanareo ny amin'ity fahamarinana ity—teraka mba ho lasa tena zanaky ny Arivo Taona ianareo.

Ny fanontaniana dia hoe: "Ahoana no ahafahanareo mijoro sy miaina ho

SARY NATAON'I SCOTTY REIFSNYDER


NY BOKIN'I MÔRMÔNA
Testamenta iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy

tena zanaky ny Arivo Taona?" Manana sosokevitra efatra aho.

### 1. Ianaro hoe iza marina ianareo

Maka fotoana hieritreretana ombam-bavaka mikasika ireto fahamarinana ireto:


- Zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra nofinidiny ianareo.
- Nohariana araka ny endriny ianareo.
- Nampianarina tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana ianareo mba hanomanana anareo amin'izay zavatra rehetra mety hatrehinareo mandritra ity ampahany farany amin'izao andro farany ity izao (jereo ny F&F 138:56). Nijanona niaraka taminareo ny zavatra izay nampianarina anareo!

Miaina ao anatin'ny "ora fahiraika ambin'ny folo" isika. Miaina ao anatin'ny "ora fahiraika ambin'ny folo" isika. Nambaran'ny Tompo fa izao no fotoana farany hiantsoany mpiasa ho ao amin'ny tanimboalobony mba hanangona ireo voafidy avy amin'ny vazan-tany efatra. (Jereo ny F&F 33:3–6.) Ary nirahina handray anjara amin'izany fanangonana izany *ianareo*. Nahita foana foana ny hery mitaona mahery vaika ananan'ireo tena zanaky ny Arivo Taona aho rehefa mitondra ny hafa amin'ny fahafantarana ny fahamarinana izy ireo. Ampahany amin'ny maha-izy anareo sy ny tanjonareo amin'ny maha-taranak'i Abrahama anareo izany (jereo ny Galatiana 3:26–29)!

Volana maro lasa izay dia niaina zavatra mahatalanjona iray tany Sibérie lavitra tany izaho sy i Wendy. Niara-nanao dia taminay tamin'ny andro fiomananay tany Irkutsk i Gregory S. Brinton, filohan'ny misiôna sy i Sally vadiny; ary i Sam, zanakalahin'izy ireo avy nanao asa fitoriana, izay nanompo tany Russie. Nitsidika ny Farihy kanton'i Baikal sy ny tsena teny amoron'izany izahay.

Rehefa niverina teo amin'ny fiaranay izahay dia tsikaritray fa tsy hita i Sam. Rehefa afaka elaela izy dia niverina niaraka tamin'ny vehivavy iray teo amin'ny efapolo taona teo izay nantsoina hoe Valentina. Nihiaka tamimpientanentanana tamin'ny teny Rosiana fitenin-drazany i Valentina nanao hoe: "Te hihaona amin'ny renin'ity zatovolahy ity aho. Mahalala fomba tokoa izy, marani-tsaina ary tsara fanahy! Te hihaona amin'ny reniny aho!" Voasariky ny endrika mamiratra sy feno fahazavana nananan'i Sam i Valentina.

Nampahafantatra an'i Valentina tamin'ny reniny sy ny rainy i Sam, sy nanome kiboky momba ny Mpamonjy ho azy, ary nanamboatra fotoana hitsidihan'ny misiônera azy. Rehefa niverina tany aminy niaraka tamin'ny tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna ny misiônera taty aoriana



dia nampanantena ny hamaky izany izy. Vehivavy maro izay niasa teo amin'izany toerana izany no nientanentam-po ihany koa mikasika ilay boky vaovao azon'i Valentina. Tsy mbola fantatray ny fiafaran'ity tantara ity, fa noho ny hazavana miavaka namirapiratra teo amin'i Sam dia nampahafantarina momba ny filazantsara i Valentina sy ny sasany tamin'ireo namany.

Ny tena zanaky ny Arivo Taona, toa an'i Sam, dia mahafantatra hoe iza marina izy ireo. Mpianatr'i Jesoa Kristy feno fanoloran-tena izy ireo izay mampiasa amin'ny fomba voajanahary ny fahafahana ananan'izy ireo mba hanampiana ny tenany sy ny hafa hiomana amin'ny fanjakan'ny Mpamonjy mandritra ny arivotaona.

Noho izany, ny sosokevitro voalohany dia ny hianaranareo *ho an'ny tenanareo* hoe iza marina ianareo. Anontanio ny Rainareo any An-danitra, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, ny zavatra tsapany momba anareo sy ny asa nanirahana anareo eto ambonin'ny tany. Raha toa ka manontany amin'ny fo feno finiavana ianareo dia hibitsika aminareo ireo fahamarinana izay manova fiainana ny Fanahy rehefa mandeha ny fotoana. Raketo an-tsoratra ireny fahatsapana ireny dia avereno jerena matetika, ary araho amin'ny antsakany sy andavany izany.

Mampanantena anareo aho fa rehefa manomboka mahatakatra na dia kely fotsiny aza momba ny fomba fahitan'ny Ray any An-danitra anareo ianareo mbamin'izay andrasany ho ataonareo ho Azy dia hiova tanteraka ny fiainanareo!

### Manantenà—ary miomana—hanatanteraka ireo zavatra izay heverina fa tsy ho vita velively

Nangataka hatrany ireo zanany nanao fanekempihavanana mba hanao zavatra sarotra Andriamanitra. Satria ianareo dia zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra izay mitandrina fanekempihavanana, sy miaina ao amin'ny ampahany farany amin'ny andro farany, dia hangataka *anareo* hanao zavatra sarotra ny Tompo. Afaka matoky ny amin'izany ianareo—tsy nijanona teo amin'i Abrahama ny fisedrana tahaka ny nahazo an'i Abrahama (jereo ny F&F 101:4–5).

Fantatro fa tena mampatahotra izany hoe angatahina hanao zavatra izay toa mihoatra lavitra izay azonareo atao izany. Mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny 19 volana monja aho rehefa nodimandry ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985). Tamin'ny fivoriana voalohany nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo taorian'ny fanendrena ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) dia nanome asa atao manokana ho an'ny Roambinifololahy izy. Nahitana izao ny torolalana nomeny ahy: "Loholona Nelson: hanokatra ireo firenena ao Eorôpa Atsinanana ho amin'ny fitoriana ny filazantsara ianao."

**Ary nirahina handray anjara amin'ny fanangonana ireo olom-boafidy ianareo. Nahita foana foana ny hery mitaona mahery vaika ananan'ireo tena zanaky ny Arivo Taona aho rehefa mitondra ny hafa amin'ny fahafantarana ny fahamarinana izy ireo.**

Tamin'ny 1985 izany. Nandritra ireo taona mahamay ara-pôlitika izay nantsoina hoe ny Ady Mangatsiaka dia, tsy ny rindrina ara-bakiteny ihany no nampisaraka ny tanàn'i Berlin, fa nampahorian'ny governemanta kôminista i Eorôpa Atsinanana rehetra. Nakatona ireo Fiangonana, ary voafetra mafy ny fanaovana fotoam-pivavahana.

Nandany ny ankamaroan'ny fiainako arak'asa tamin'ny fanokafana ny fo mba hanatanterahana fandidiana mamonjy aina aho, saingy *tsy* nanana traikefa izay hitarika ahy hino fa afaka hanokatra firenena ho amin'ny fitoriana ny filazantsara aho. Nampanao asa ahy anefa ny mpaminany iray, koa dia niroso tamin'ny fanaovana zavatra izay toa tsy ho vitako velively aho.

Napetraka teny amin'ny lalako ny sakana maro hatramin'ny fiantombohan'ny ezaka nataoko. Tonga tany amin'ny ankamaroan'ireo firenena aho tsy nahalala akory izay toerana haleha. Na dia rehefa afaka nahita ny anaran'ny tompon'andraikitra iray tao amin'ny governemanta aza aho dia mazàna no nofoanana na nahemotra ny fivoriana. Tao amin'ny firenena iray, rehefa nahemotra roa andro ny fotoana iray, dia niniana napetraka teny amin'ny lalako mba hisedrana ahy ny fakam-panahy maro—anisan'izany ireo fandrika tamin'ny fanakalozana vola vahiny tsy ara-dalàna sy ireo zavatra hafa tsy nanara-dalàna. Tamin'ny fotoana iray hafa dia nanatrika fivoriana iray izay niantomboka tamin'ny fangatahana ahy mba hivoaka ny firenena *avy hatrany* aho!

Kanefa afaka manao ny asany manokana ny Tompo (jereo ny 2 Nefia 27:20–21), ary nahazo tombontsoa aho nahita ny fisehoan'ireo fahagagana nisesisesy—izany dia nitranga foana, ary tsy niseho raha tsy *taorian'ny* nanaovako ny tsara indrindra izay neritreretiko, sy nanaovako ireo ezaka feno risipo be indrindra, ary nanolorako ireo vavaka taminkafanampo be indrindra mikasika izay olana nisy ihany.

Ny sasany tamin'ireo firenena ireo dia nanome taratasy ôfisialy fanekena ny Fiangonana talohan'ny nianjeran'ny Rindrin'i Berlin. Azo taty aoriana ny taratasy fanekena avy amin'ny hafa. Tamin'ny taona 1992 dia afaka nanao tatitra tamin'ny Filoha Benson aho fa efa natsangana tany amin'ny firenena

rehetra tao Eorôpa Atsinanana ny Fiangonana!

Amin'ny maha-tena zanaky ny Arivo Taona izay azon'ny Tompo itokisana anareo, dia hanatontosa zavatra manan-tantara ihany koa *ianareo*! Hangatahina ianareo mba hanaiky hanao asa sarotra atao sy ho tonga fitaovana eo am-pelatanan'ny Tompo. Ary hanome fahafahana anareo hanatontosa ny zavatra izay heverina fa tsy ho vita velively Izy.

Ahoana no hanatontosanareo asa tsy ho vita velively? Amin'ny alalan'ny fanaovana izay rehetra ilaina mba hampiorim-paka ny finoanareo an'i Jesoa Kristy na inona izany na inona amin'ny alalan'ny fampitomboana ny fahatakaranareo momba ny fotopampianarana ampianarina ao amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny sy amin'ny alalan'ny fikatsahana tsy tapaka ny fahamarinana. Amin'ny maha-tena zanaky ny Arivo Taona anareo, izay miorim-paka mafy ao amin'ny fotopampianarana tsy misy pentina, rehefa angatahina mba hanao zavatra tsy ho vita velively ianareo dia ho afaka ny handroso amim-pinoana sy faharetana tsy tapaka ka hanao amim-pifaliana ireo zavatra rehetra izay tratry ny herinareo mba hanatanterahana ireo tanjon'ny Tompo (jereo ny F&F 123:17).


Hisy ireo andro izay hahakivy tanteraka anareo. Koa, mangataha risipo mba tsy hilavo lefona! Mila izany tanjaka izany ianareo satria hanjary ho lany laza hatrany izany hoe Olomasin'ny Andro Farany izany. Mampalahelo fa hamitaka anareo ireo izay noheverinareo ho namanareo. Ary ho tsy rariny tsotra izao ny zavatra sasany.

Na izany aza anefa dia mampanantena anareo aho fa rehefa manaraka an'i Jesoa Kristy ianareo dia hahita fiadanana mitohy sy fifaliana marina. Rehefa mitandrina ireo fanekempihavananareo amin'ny antsakany sy andavany ianareo, sy rehefa miaro ny Fiangonana sy ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany amin'izao fotoana izao, dia hanome anareo tanjaka sy fahendrena mba hanatontosana ny zavatra tsy ho vita velively ny Tompo.

### 3. Ianaro ny fomba hahazoana ny herin'ny lanitra

Manana fanontaniana avokoa ny olona rehetra. Ampahany manandanja amin'ny traikefantsika eto ambonin'ny tany ny fikatsahana hahalala sy hahatakatra ary hahafantatra fahamarinana. Lany tamin'ny fikarohana ny ankamaroan'ny fiainako. Hianatra betsaka indrindra amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana ihany koa ianareo.

Amin'izao fotoana izao indrindra dia sahirana amin'ny famantarana ny fomba hitondranareo ny fiainanareo ny sasany aminareo. Ny hafa dia mety manontany tena raha toa ka voavela ny fahotanareo. Ny ankamaroanareo



dia manontany tena hoe iza ary aiza ilay ho namanareo mandrakizay—ary ireo izay tsy manontany tena dia tokony hanao izany.

Ny sasany dia mety mametrapanontaniana hoe nahoana ny Fiangonana no manao ireo zavatra sasany izay ataony. Maro aminareo angamba no tsy mahazo antoka mikasika ny fomba hahazoana valiny amin'ireo vavaka nataonareo.

Vonona hamaly ireo fanontanianareo ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanakalahiny amin'ny alalan'ny asa fanompoan'ny Fanahy Masina. Saingy miankina aminareo ny mianatra ny fomba hahatongavana ho mendrika ireo valiny ireo sy hahazo izany.

Inona no azonareo hanombohana izany? Atombohy amin'ny fandaniana fotoana bebe kokoa ao amin'ireo toerana masina. Toerana masina iray ny tempoly. Torak'izany koa ny trano fiangonana, izay hanaovanareo fanekempihavanana vaovao amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isaky ny alahady. Manasa anareo ihany koa aho mba hanao ny tranonareo, ny efitranonareo ho toerana masina izay ahafahanareo miala amin'ireo fialam-boly ratsin'izao tontolo izao.

Ny vavaka no fanalahidy. Mivavaha mba hahafantatra ny zavatra tokony hatsahatra sy ny zavatra izay tokony hatomboka atao. Mivavaha mba hahafantatra ny tokony hampiana eo amin'ireo zavatra manodidina anareo sy ny zavatra tokony hoesorina mba hahafahan'ny Fanahy hiaraka aminareo bebe kokoa.

Mitalahoa amin'ny Tompo mba hahazo ny fanomezam-pahasoavana hamantatra zavatra. Dia miainà sy miasà mba ho mendrika ny hahazo izany fanomezam-pahasoavana izany, ka rehefa mitranga eo amin'izao tontolo izao ireo zava-miseho mampisavorovoro saina dia ho fantatrareo tokoa izay marina sy tsy marina (jereo ny 2 Nefia 31:13).

Manompoa amim-pitiavana. Manokatra ny fonareo amin'ny fanambarana ho an'ny tena manokana ny asa fanompoana amim-pitiavana ho an'ireo izay diso lalana na maratra am-panahy.

Mandania fotoana bebe kokoa—fotoana betsaka kokoa—ao amin'ireo toerana izay ahitana ny Fanahy. Izany dia midika hoe mandany fotoana bebe kokoa miaraka amin'ireo namana izay mikatsaka ny hanana ny Fanahy miaraka amin'izy ireo. Mandania fotoana bebe kokoa amin'ny fandohalihana mivavaka, fotoana bebe kokoa handalinana ny soratra masina, fotoana bebe kokoa hanaovana ny tantaran'ny fianakaviana, fotoana bebe kokoa any amin'ny tempoly. Mampanantena anareo aho fa rehefa manome tsy tapaka ny ampahany betsaka amin'ny fotoanareo ho an'ny Tompo ianareo dia hahatonga ny ambin'ny fotoanareo ho mahomby sy manan-danja Izy.

**Hangatahina ianareo mba hanaiky hanao asa sarotra atao sy ho tonga fitaovana eo am-pelatanan'ny Tompo. Ary hanome fahafahana anareo hanatontosa ny zavatra izay heverina fa tsy ho vita velively Izy.**

Manohana lehilahy 15 izay notendrena ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara isika. Rehefa mitranga ny olana sarotra—ary toa mihasarotra hatrany izany isan'andro—dia mitolona mba hamahana ilay olana ireo lehilahy 15 ireo, miezaka mijery ireo mety ho vokatry ny asa maro samihafa, ary mikatsaka amim-pahazotoana ny haheno ny feon'ny Tompo izy ireo. Rehefa avy mifady hanina, mivavaka, mandalina, misaintsaina, ary mikaondoha miaraka amin'ireo Rahalahiko mikasika ireo olana tena goavana aho dia mazàna no tsy matory mandritra ny alina ka mahazo fahatsapana bebe kokoa mikasika ireo olana izay mampiasa saina anay. Ary miaina zavatra toy izany koa ireo Rahalahiko.

Mikaon-doha sy mifampizara izay rehetra asain'ny Tompo takarinay sy tokony ho tsapanay, tsirairay na miaraka, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Dia mijery ny Tompo mitaona fanahy ny Filohan'ny Fiangonana mba hanambara ny sitrapon'ny Tompo izahay avy eo.

Narahina izany lamina eo amin'ny faminaniana izany tamin'ny taona 2012 rehefa niova ny taona ambany indrindra takina ho an'ireo misiônera, ary natao indray izany tamin'ireo fanampiana natao tao amin'ny boky torolalan'ny Fiangonana, taorian'ny fanomezan-dalana ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy tany amin'ny firenena sasany. Rehefa feno fangorahana ho an'ny olona rehetra, ary indrindra ho an'ireo ankizy izahay dia niezaka be hahatakatra ny sitrapon'ny Tompo amin'izany olana izany.

Noho izahay mahafantatra hatrany ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra sy ny fanantenany ny hahazoan'ny tsirairay amin'ny zanany ny fiainana mandrakizay dia nosaintsaininay ireo fivadibadihan-javatra sy fitambaranjavatra mety hiseho. Niverimberina nihaona tao amin'ny tempoly sady nifady hanina no nivavaka ary nikatsaka torolalana sy fitaomam-panahy bebe kokoa izahay. Dia rehefa notaomin'ny Tompo ny fanahin'ny mpaminaniny, ny Filoha Thomas S. Monson, mba hanambara ny hevitry ny Tompo sy ny sitrapon'ny Tompo dia nahatsapa fanamafisana avy amin'ny fanahy ny tsirairay taminay nandritra izany fotoana masina izany. Voninahitra ho anay amin'ny maha-Apôstôly anay ny nanohana izay nambara tamin'ny Filoha Monson. Lamina masina ny

fanambarana avy amin'ny Tompo ho an'ny mpanompony, dia tombontsoa ho anareo torak'izany koa ny hahazo fanambarana ho an'ny tena manokana.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, manana fahafahana mahazo ny hevitra sy ny sitrapon'ny Tompo tahaka izany koa ianareo ho an'ny fiainanareo manokana tahaka ny ataonay Apôstôly ho an'ny Fiangonany. Tahaka ny itakin'ny Tompo *anay* mba hikatsaka sy hisaintsaina, hifady hanina sy hivavaka, handalina sy hitolona amin'ireo fanontaniana sarotra dia takiny *aminareo* koa ny hanao toy izany rehefa mikatsaka ny valin'ireo fanontanianareo ianareo.

Afaka mianatra mihaino ny feon'ny Tompo ianareo amin'ny alalan'ireo bitsiky ny Fanahy Masina.[1] Na manampy toy ny ahoana aza ny Google, sy ny Twitter, ary ny Facebook, dia tsy manolotra ireo valinteny manan-danja indrindra tsotra izao izy ireny!

Ry zandry malalako isany, afaka mahafantatra ny hevitra sy ny sitrapon'ny Tompo ho an'ny fiainanareo manokana ianareo. Tsy mila manontany tena ianareo raha toa ka eo amin'ny toerana tian'ny Tompo hisy anareo na raha toa ka manao ny zavatra tiany hataonareo. Afaka mahafantatra ianareo! Ny Fanahy Masina dia hiteny aminareo "ny zava-drehetra tokony hataonareo" (2 Nefia 32:3).

**4. Araho ny Mpaminany**

Tamin'izaho filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany tamin'ny 1979 dia nasaina hanatrika seminera ho an'ireo Solontenan'ny Faritra aho ka nandritra izany dia nanao lahateny mitaona fanahy momba ny fanokafana ny varavaran'ireo firenena izay tsy nisokatra ho an'ny fitoriana ny filazantsara tamin'izany, toa an'i Chine, ny Filoha Kimball. Nasainy nianatra ny teny Mandarin ireo rehetra nanatrika ilay seminera mba hahafahanay manolotra ireo fahaiza-manaonay arak'asa entina hanampiana ny vahoakan'i Chine.

Ho ahy dia tahaka ny didy avy amin'ny mpaminany ilay fanasana nataon'ny Filoha Kimball. Koa tamin'izay alina izay indrindra dia nanontany an'i Itompokovavy Dantzel vadiko aho raha toa ka te handalina ny teny Mandarin miaraka amiko izy. Nanaiky izy, ka dia nahita mpampianatra manokana mankany an-trano nanampy anay izahay. Mazava ho azy fa tsy nianatra ny tena hahay be ny teny Mandarin izahay, kanefa ampy izay nianaranay ka, rehefa nasaina ho any Chine aho ny taona manaraka io (tamin'ny alalan'ny fifanesen'ny zava-nitranga tsy nampoizina mihitsy) ho prôfesora mpitsidika iray mba hampianatra ny fandidiana fo, dia vonona ny hanaiky bebe kokoa ilay fanasana aho.

Dimy taona taty aoriana, tamin'ny 1985, ny taona taorian'ny niantsoana ahy ho ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy. Indray andro aho dia nahazo fangatahana maika mba



handeha any Chine handidy ny fon'ny mpanao opéra malazan'izy ireo, izay noraisin'ny olona rehetra manerana an'i Chine ho olona be herimpo ankafizin'ny fireneny. Nohazavaiko fa nanakana ahy tsy ho avy ny andraikitra ara-pivavahana amin'ny fotoana feno nananako, kanefa nitalaho tamiko mba ho avy hanatanteraka ilay fandidiana hanavotra aina ireo dokotera tany Chine.

Nifampiresaka momba ilay olana tamin'ny filohan'ny kôlejiko sy ny Fiadidiana Voalohany aho. Nahatsapa izy ireo fa tokony hanao ilay dia sy hanatanteraka ilay fandidiana aho ho fanampiana ny vahoakan'i Chine.

Nataoko izany. Soa ihany fa nahomby ilay fandidiana! Toa fifandrifianjavatra fa izany no fandidiana fo farany notanterahiko. Tany Jinan, Chine izany, tamin'ny 4 Martsa 1985.

Ny fahafahana iray indray dia taty aoriana be taty. Ôktôbra 2015 io fotoana io. Nasaina hiverina tany amin'ny Oniversite fianarana ho mpitsabo an'i Shandong tany Jinan izaho sy i Wendy. Talanjona izahay rehefa noraisina tamim-pitiavana toy ny "nama[n'i Chine] hatry ny ela" aho ary nihaona indray tamin'ireo mpandidy izay nampianariko 35 taona lasa izay. Ny tena niavaka tamin'ny fitsidihanay dia ny fihaonana tamin'ny zanakalahy sy ny zafikelilahin'ilay mpanao opéra malaza. Afaka nitranga izany zavaniseho mahagaga rehetra izany noho ny antony iray: Nihaino ny torohevitry ny mpaminany mba handalina ny Mandarin aho!

Mahita mialoha ny mpaminany. Mahita ireo loza manembantsembana izay napetraky ny fahavalo na hapetrany eny amin'ny lalantsika izy ireo. Mahita mialoha ireo fahafahana mahatalanjona sy ireo tombontsoa manokana izay miandry ireo izay mihaino *miaraka amin'ny fahavononana hankatò* ihany koa ireo mpaminany. Fantatro fa marina izany! Niaina izany hatrany hatrany ny tenako.

Nampanantena antsika ny Tompo fa tsy hamela ny mpaminany hitarika antsika amin'ny lalan-diso na oviana na oviana Izy. Nanambara ny Filoha Harold B. Lee (1899–1973) hoe: "Mety tsy ho tianareo izay lazain'ireo manampahefana ato amin'ny Fiangonana. Mety hifanohitra amin'ny fomba fijerinareo ara-pôlitika izany. Mety hifanohitra amin'ny fomba fijerinareo ara-piaraha-monina izany. Mety hisalovana ny fiainanareo eo amin'ny fiarahamonina izany. Kanefa raha mihaino ireny zavatra ireny ianareo, toy ny hoe avy amin'ny vavan'ny Tompo Izy tenany mihitsy izany, miaraka amin'ny faharetana sy ny finoana, ny fampanantenana dia hoe 'ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy anareo; eny, ary ny Tompo Andriamanitra dia hampihahaka ny herin'ny haizina ao anoloanareo ary hampihozongozona ny lanitra mba ho soa ho anareo sy ho voninahitry ny anarany' (F&F 21:6)."[2]

**Rehefa fantatrareo fa mpaminany ny mpaminany iray dia afaka manatona ny Tompo amim-panetrentena sy amim-pinoana ianareo ary mangataka fijoroana ho vavolombelona ho an'ny tenanareo manokana momba izay nambaran'ny mpaminaniny na inona izany na inona.**

Mety tsy ho takatrareo foana ny fanambarana rehetra ataon'ny mpaminany velona. Kanefa rehefa fantatrareo fa mpaminany ny mpaminany iray dia afaka manatona ny Tompo amimpanetrentena sy amim-pinoana ianareo ary mangataka fijoroana ho vavolombelona ho an'ny tenanareo manokana momba izay nambaran'ny mpaminaniny na inona izany na inona.

Teo amin'ny manodidina ny taona 40 talohan'i J.K. dia Nefita maro no niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ka niroborobo ny Fiangonana. Nanomboka nitombo anefa ny tsikombakomba miafina ary niafina teo anivon'ny vahoaka ka saro-pantarina ireo mpitarika feno fitaka. Rehefa nanjary niha-nieboebo ny vahoaka dia maro tamin'ireo Nefita no nanao "fanarabiana izay masina, ny fandavana ny fanahin'ny faminaniana sy ny an'ny fanambarana" (Helamàna 4:12).

Misy eo anivontsika ireo loza mananontanona ireo ankehitriny. Ny zava-misy tena mahatsiravina dia misy "mpanompon'i Satana" (F&F 10:5) miafina eo anivontsika manerana ny fiarahamonina. Koa mitandrema mafy amin'ny hoe ny torohevitr'iza no arahinareo (jereo ny Helamàna 12:23).

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, teraka mba ho tena zanaky ny Arivo Taona ianareo. "Taranaka voafidy" ianareo (1 Petera 2:9), izay notendren' Andriamanitra talohan'ny nahaterahanareo mba hanao asa mahagaga—mba hanampy amin'ny fanomanana ny vahoakan'ity izao tontolo izao ity ho amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany! ■

*Notsongaina avy tamin'ny fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony mitondra ny lohateny hoe "Ho tena zanaky ny Arivo Taona," izay natao tao amin'ny Brigham Young University–Hawaii tamin'ny 10 janoary 2016. Mba hahitana ilay lahateny iray manontolo dia midira ao amin'ny broadcast.lds.org.*

**FANAMARIHANA**

1. Tamin'ny febroary 1847, saika ho telo taona taorian'ny nahafaty maritiora ny Mpaminany Joseph Smith, dia niseho tamin'ny Filoha Brigham Young izy ka nanome azy izao hafatra izao: "Lazao ny olona mba hanetry tena sy ho mahatoky ary haka antoka ny hihazona ny Fanahin'ny Tompo dia hitarika azy ireo amin'ny tsara izany. Mitandrema ary aza mihodina amin'ilay feo tony sy malefaka; hampianatra [anao ny zavatra] tokony hataonao sy ny toerana tokony halehanao izany" (ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 98).
2. *Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee* (2000), 84–85.

# Ny fahagagana, avy amin'ny hafanana antonontonony

**Nosoratan'i**
**David A. Edwards**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Alaivo sary an-tsaina ny zatovolahy iray izay ao an-trano ary miha-noana (eny, toa tsy mampino izany, saingy ezaho alaina sary an-tsaina). Izao dia alaivo sary an-tsaina izany zatovolahy izany miezaka manamboatra samirery mofo sisihina frômazy natono ka ity no fotoana voalohany hanaovany izany.[1] Alaivo sary an-tsaina hoe tsy mbola nampianatra azy hanamboatra mofo sisihina frômazy natono mihitsy ny ray aman-drenin'ity zatovolahy ity ary tsy mbola nijery azy ireo akaiky izy rehefa nanamboatra izany izy ireo.

Alaivo sary an-tsaina anefa hoe naka araka ny tokony ho izy ireo fangaro ilaina rehetra ity zatovolahy ity: mofo, frômazy, dibera kely eo ivelan'ny mofo (ary mayonnaise kely ao anatiny satria marani-tsaina izy). Avy eo dia navoakany ny lapoaly dia napetrany teo ambony fatana. (Alaintsika sary an-tsaina ihany koa fa tsy manana fitaovana manokana hanamboarana izany sakafo izany izy.)

Alaivo sary an-tsaina izao hoe mibahana ao an-tsainy ny eritreritra iray—eritreritra izay ananan'ny olona maro tsy dia ampy fahalalana loatra (na somary tsy misaina amin'io fotoana io) ka dia hieritreritra hoe: "Raha toa ka ampiakariko ambony be ny hafanana dia ho vita vetivety izany."

Alaivo sary an-tsaina ny zavatra mitranga manaraka. (Na angamba tsy voatery maka sary an-tsaina izany ianao.)

Na izy hahazo mofo mikarepodrepoka sy maimay tsara na frômazy mitsonika tsara—fa tsy izy roa. Azo antoka fa hahazo mofo izay hitovy endrika sy ho tsapa fa tahaka (ary mety ho mitovy tsiro) amin'ny vato avy amin'ny vôlkano sy frômazy zara raha mitsonika izy, izay toa mampilendalenda tahaka ny tantara tsy voatantara hatramin'ny farany.

Ny olany, araka ny hitanareo, dia fitambaran'ny tsy fahalalana (izay tsy omen-tsiny) sy ny tsy faharetana (izay, na dia azo takarina aza dia tsy tena azo ekena). Raha toa ka hamerina izany fahadisoana izany izy amin'ny fotoana manaraka, dia vao mainka tsy azo ekena izany, satria tsy ny tsy fahalalana intsony no hanomezana tsiny fa saika ho avy amin'ny tsy faharetana tanteraka kosa izany.

Mba hahazoana mofo araka ny tokony ho izy dia mila mahita ny fahagagana avy amin'ny hafanana antonontonony izy.

## NY ANTONONTONONY DIA TSY MANKALEO

Ny afo antonontonony eo ambony fatana dia mety tsara ho an'ny frômazy natono sy ireo sakafo maro hafa satria mamela ilay sakafo ho masaka tsara izany ka tsy ho masaka loatra ny ivelany. Ny hany olana amin'izany dia mitaky fotoana sy fifantohana bebe kokoa izany, izay mitaky *faharetana*.

Hoy ny Tompo: "Koa mitozoa ao amin'ny faharetana mandra-pahatonga anareo ho tanteraka" (F&F 67:13). Eto Izy dia miresaka momba ilay karazana fahalavorariana izay mihoatra noho ny fanaovana mofo sisihina frômazy natono tena lafatra. Tiany ho tonga tahaka Azy isika. Ohatra tonga lafatra indrindra amin'ny faharetana i Jesoa Kristy. Anisan'ny fanarahana ny ohatra nasehony ny fampivoarana ny fomba fijerintsika, ka hijery mihoatra lavitra an'ireo zavatra mitranga eo ambany maso, dia hahita ny valisoa lehibe kokoa izay tonga avy amin'ny fifehezan-tena, ny finoana, ny fankatoavana, ny fiorenana mafy sy ezaka tsy tapaka, ny fahari-po, ary ny fitiavana—raha lazaina amin'ny teny hafa dia fananana faharetana.

Raha ny famaritana no jerena dia milaza fiandrasana izay toa mahakamo ny faharetana, saingy araka ny nampianarin'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany antsika dia mihoatra noho ny miandry fotsiny izany: "Ny faharetana dia midika hoe miandry sady miasa no maharitra amim-pahazotoana. Izany hoe miaritra

SARY LAFIKA AN'NY GILE68/ISTOCK/THINKSTOCK

FANAMARIHANA
1. Mazava ho azy fa Amerikana io zatovolahy io. Mety ho avy any amin'ny toeran-kafa koa anefa izy, ary sambany vao nanamboatra fry-up, crêpes, Kartoffelpuffer, Köttbullar, pancakes, tortillas, na nahandro vary. Mitovy ihany ny hevitra tiana hampitaina.
2. Dieter F. Uchtdorf, "Mitozoa ao amin'ny faharetana," *Liahona,* mey 2010, 57, 59.

IREO LESONA MANDRITRA NY ALAHADY

Ny lohahevitra amin'ity volana ity:
**Lasa tahaka an'i Kristy bebe kokoa**

amin'ny zavatra iray ary manao izay rehetra vitantsika—miasa, manantena ary mampihatra ny finoana; mizaka ny fisapana amin-kerimpo na dia mihemotra aza ireo zavatra irian'ny fontsika. ny faharetana dia tsy hoe maharitra fotsiny fa maharitra tsara!"[2]

Izany dia tsy hoe fametrahana fotsiny ilay mofo sisihina frômazy natono eo ambony lapoaly dia manadino izany; fa mijery sy mamadika izany amin'ny fotoana mahamety azy.

Tsy hoe mandeha fotsiny any antsekoly na any amin'ny seminera na any am-piangonana izany; fa mianatra sy mitsaoka amim-pahavitrihana.

Tsy hoe miandry fotsiny ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Mormôna hilatsaka eo aminao izany satria nangataka izany ianao fa manohy mamaky, mandalina, misaintsaina, mivavaka ary miaina araka ireo fitsipika ao amin'izany boky izany.

Izany dia tsy hoe mipetra-potsiny rehefa mandrabiraby ny fivavahanao ireo namanao; fa mivavaka ho azy ireo sy tena maniry ny hananan'izy ireo fiovam-po ary manao izay azonao atao hahatanteraka izany.



Tianao ho azo izao dieny izao ve izany—sa tianao ho azo araka ny tokony ho izy?



**MIBOSESIKA MANDROSO**

"Ny hoe miandry ny Tompo dia midika hoe mamboly voan'ny finoana ary mikolokolo izany 'amin'ny fahazotoana be, sy … faharetana' [Almà 32:41]. …

"Ny hoe miandry ny Tompo dia midika hoe 'miorina mafy' [Almà 45:17] sy 'mibosesika handroso' ao amin'ny finoana, ary 'manana fanantenana mamirapiratra' [2 Nefia 31:20]."

**Loholona Robert D. Hales ao amin' ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Miandry an'i Jehovah: aoka ny sitraponao no hatao,"** ***Liahona,*** **nôv. 2011, 72.**

**HIJERY HORONANTSARY**

*Jereo ny Filoha Dieter F. Uchtdorf manazava ny zavatra mampifandray ny faharetana amin'ny marshmallows ao amin'ny lds.org/go/101656.*

Izany dia tsy hoe miandry 16 taona vao mampiaraka fa mianatra ny hitia ny fankatoavana sy miezaka mahatakatra ny fomba hitahian'ny fanarahana ny torohevitry ny mpaminany anao.

## ATAOVY MALEFAKA NY HAFANANA

Ny faharetana sy ny fahononampo, na ny fifehezan-tena, dia samy anisan'ny "vokatry ny Fanahy" (jereo ny Galatiana 5:22–23). Na dia misy aza ireo zavatra maika izay mitaky asa eo no ho eo na valinteny vonona (tahaka ny hoe misy ireo sakafo sasany izay mila hafanana mahamay be), dia tokony hirona mankany amin'ny faharetana sy fifehezan-tena lehibe kokoa ianao. Raha toa ka tsapanao fa mitranga izany dia izay ilay famantarana fa miasa eo amin'ny fiainanao ny Fanahy.

Ny fahagagana avy amin'ny hafanana antonontonony dia mety hanome anao mofo sisihina frômazy natono tena lafatra, mofo fanaovana hamburger izay tsy mitovy amin'ny takela-pisaka fanaovana hockey izay miloko mavokely ny ao afovoany, ovy voakiky mendy tsara fa tsy may be, ary vary malefaka sy mitombo tsara fa tsy mafy sy toy ny fingotra. Kanefa ny faharetana dia manana ny "asa tanteraka" (Jakoba 1:4) ataony eo amin'ny fiainanao, manampy anao hibosesika handroso ho tonga tahaka an'i Jesoa Kristy bebe kokoa, mitondra ny fitaoman'ny Fanahy Masina, ary amin'ny farany dia hanampy hitarika anao any amin'ny fiainana mandrakizay.

Rehefa tsikaritrao ireo zavatra izay mahatonga anao ho lasa tsy manampaharetana dia eritrereto ilay mofo sisihina frômazy natono (na izay mety ho sakafo tena mety tsara aminao) sy ny zavatra mety ho afoinao rehefa avelanao mitarika ny asanao ny tsy faharetana. Raha toa ianao ka mahatsiaro ho meloka amin'ny fironana amin'ny tsy faharetana matetika loatra dia fantaro fa mitranga amin'ny olona maro izany. Afaka mibebaka ianao ary miezaka indray mba hanaraka ny ohatra sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy. Tsy iray ihany ny mofo sisihina frômazy natono tokony hamboarina. Ary tsy tara loatra na oviana na oviana ny mianatra momba ny fahalavorariana izay afaka mitranga amin'ny alalan'ny faharetana. ■



## MANDRAISA ANJARA AMIN'NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA

### IREO ZAVATRA HOSAINTSAININA NY ALAHADY

- Inona ireo fisedrana amin'izao fotoana izao na toe-javatra mitranga isan'andro izay mahatonga anao tsy hanam-paharetana?
- Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mampihatra faharetana bebe kokoa ao anatin'ireo toe-javatra rehetra ireo?

### IREO ZAVATRA AZONAO ATAO

- Mandalina soratra masina momba ny faharetana izay voatanisa ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.
- Azonao atao ny mifanakalo hevitra miaraka amin'ny fianakavianao na any am-piangonana momba ny fametrahana tanjona hanao zavatra manokana izay azonao atao mba hananana faharetana bebe kokoa.



# ALAIVO SARY AN-TSAINA

## HOE TRANO IRAY NAVERINA NAORINA NY TENANAO

"Mety hahatsapa ianao fa rava tanteraka ny fiainanao. . . . Afaka manorina antsika indray ary hanorina antsika indray ny Raintsika any An-danitra be fitiavana. Ny drafiny dia ny hanorina antsika ho lasa tsara lavitra kokoa noho isika teo aloha—tsara lavitra kokoa noho izay azontsika heverina."

Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aprily 2016

SARINA FIANGONANA © ART KONOVALOV, NAMPIASAINA REHEFA NAHAZOANA FAHAZOAN-DALANA AVY AMIN'NY SHUTTERSTOCK.COM; SARIN'I DRESDE © AFP/GETTY IMAGES; SARY NATAON'I DAVID STOKER



# HERY HAHARETANA

**Nosoratan'i Jessica Turner araka ny fitantaran'i Lynne Crandall**

Tokony ho iray volana talohan'ny faha-16 taonako dia nandeha fiara nanavatsava an'i Etazonia ny fianakaviako mba hitsidika toerana vitsivitsy mifandray amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Tsy nampaninona ahy ny nijanona tao anatin'ilay fiara nandritra ny fotoana maharitra toy izany satria niaina fotoana mahafinaritra foana ny fianakaviako. Tadidiko ny niakaranay tao anatin'ilay fiara ny ampitson'ny nitsidihanay an'i Winter Quarters any Nebraska. Avy be tokoa ny orana tamin'izay. Nankao amin'ny seza tao aoriana aho, naka bodofotsy, ary nanao izay hahazoako aina tsara mba hihaino ny orana teo am-pilatsahan'izany.

Ny zavatra tsaroako manaraka dia nahatsapa ho toy ny hoe nihodinkodina tsy hay nosakanana izany ny tenako. Taty aoriana aho dia nahafantatra fa nibolisatra ny fiaranay ka nidona teo amin'ny sakan-dalana vita simenitra tao ambany tetezana iray. Zara raha tadidiko fa nisy olona iray niteny tamiko hoe tapaka ny tongotro ary nentina mba hodidiana aho.

Fotoana fohy taorian'izay, raha teo an-dalam-pahasitranana aho tao amin'ny hôpitaly dia tonga tao amin'ny efitrano nisy ahy ny dadako. Nipetraka teo akaikiko teo amin'ny fandriako izy dia nanakatra ny tanako. Toa tsapako fa efa haiko ny zavatra holazainy.

"Malala a!" hoy izy, "fantatrao ve hoe aiza ianao?"

"Aty amin'ny hôpitaly," hoy aho namaly.

"Fantatrao ve hoe inona no nitranga?"

"Tratran'ny lozam-piarakodia isika."

"Efa nisy nilaza taminao izay nahazo ny olona sisa ao amin'ny fianakaviana ve?"

Niato kely aho dia niteny hoe tsia.

Nilaza izy fa tsy nisy naninona daholo ny rehetra—afa-tsy ny reniko ihany. Nodimandry izy.

Niandry aho hoe hahatsapa alahelo mandifotra teo no ho eo, saingy tsy nahatsapa izany aho. Tao anatin'ilay fahatairako tany am-boalohany, noho ny antony tsy fantatro marina, dia nahatsapa fiadanana aho, fahatsapana mamy fa afaka mahatoky an' Andriamanitra aho ary handeha tsara ny zavatra rehetra.

Raha natory tao amin'ny hôpitaly aho dia tadidiko ny toerana iray manokana mifandray amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay nojerenay roa andro mialoha ilay loza: Martin's Cove, tao Wyoming. Maro ireo mpamaky lay maty tao noho ny hanoanana sy ny hatsiaka avy amin'ny ranomandry ary ny toetrandro mangatsiaka. Tsaroako fa nahita antontam-bato napetraka teo amin'ireo fasana aho dia nieritreritra hoe toy ny ahoana ny halehiben'ny finoana nilain'ireo mpamaky lay

SARY NATAON'I MICHAEL MULLAN



*Nila fanasitranana aho noho izaho tapa-tongotra sy toro fo. Nanampy ahy haharitra ny fanantenana.*

sisa tavela mba handray ny saretiny dia nanohy ny dia. Nahatalanjona ahy izany tantara izany. Rehefa nieritreritra momba izany zavatra niainana izany aho dia fantatro fa niaritra ireo mpamaky lay ary tokony ho toy izany koa aho, anisan'izany ny mba ho loharano hanovozan'ireo zandry mpiray tampo amiko tanjaka.

Nijanona tato anatiko nandritra ny herinandro sy tapany ambonin'izay ilay fahatsapako fiadanana tany am-boalohany. Nipetraka teo amin'ny seza misy kodiarana aho, nijery afomanga avy teo amin'ny varavarankelin'ny hôpitaly tamin'ny fahefatry ny volana Jolay, ary tamin'izay no tonga saina tampoka sy tamin'ny fomba mahery vaika ny amin'ny zavatra iray—maty ny mamako. Tsy hanatrika ny lanonana noho ny fahavitako fianarana any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa izy. Tsy ho eo izy rehefa handray ny fanafiana masina any amin'ny tempoly aho. Tsy hanatrika ny fanambadiako izy. Lasa izy.

Teo no nanomboka nihamafy tokoa ny zavatra rehetra. Tsy zaka ny fanaintainan'ny tongotro, ary tsy nazoto homana aho. Nijery fahitalavitra aho kanefa tsy nahita izany akory, ary natory fotsiny no tena nataoko. Nanahy noho ny amiko ny fianakaviako satria tsy dia nitomany firy aho.

Nitomany bebe kokoa aho rehefa nandeha nody

tany Oregon tany amin'ny trano foana iray izahay nony farany. Tsy maintsy nanao tampoka teo ny sasany tamin'ireo andraikitry ny reniko aho, ary matetika ireo mpiray tampo amiko no nitady ahy hampahery azy ireo. Niezaka ny hatanjaka ho azy ireo aho. Saingy tsy mora izany.

Mafy ny niverina tany an-tsekoly. Nahare momba ilay loza daholo ny olona rehetra, ary raha tsy mbola nahare izany izy ireo, dia lasa nahare izany rehefa nampahafantatra azy ireo ny mpampianatra fa izaho ilay zazavavy tratran'ny lozam-pifamoivoizana. Nahatsiaro ho irery aho.

Ny tena sarotra indrindra dia ny fotoana nanambadian'i raiko indray sivy volana taorian'ny nahafatesan'i neny. Fantatro fa ho reny tsara ho an'ny fianakaviako ny renikeliko ary nila azy izahay, saingy sarotra ny nizatra izany toe-javatra izany.

Tsy ny zavatra rehetra anefa no tsy nisy azo nantenaina intsony tamin'izay. Nahatsapa fitiavana be dia be avy tamin'ny Raiko any An-danitra sy ny fianakaviako ary ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana aho. Ny zavatra nanampy ahy mba ho sitrana sy hanohy hiaina ny fiainako taorian'ilay loza dia ny fanaovana ireo zavatra tsotra izay nampahatanjaka ny finoako. Isan'andro aho dia nandany adiny iray mialoha ny hatoriako namakiana soratra masina, nivavahana, ary nanoratana tao anatin'ny diariko tao anatin'ny efitra kely fampiriman-dambako. Rehefa nitokana tao amin'ny efitra kely fampiriman-dambako aho dia tsy nila nijoro ho loharano hahazoana tanjaka ho an'ireo mpiray tampo amiko. Afaka nitomany araka izay nilaiko aho ary namboraka izay tato am-poko tamin' Andriamanitra. Nolazaiko azy mihitsy izay zavatra tsapako sy ny halehiben'ny alaheloko ny reniko. Fantatro fa nahare ahy Izy noho ireo famindram-po feno fitiavana maro be tsapako. Nanjary toerana masina ho ahy izany efitra kely fampiriman-dambako izany.

Ny fanaovana ireo zavatra tsotra ireo dia nanampy ahy hijanona hifandray tamin' Andriamanitra fa tsy hanosika Azy kosa ka ho lasa feno fankahalana. Tsy noraisiko ho toy ny hoe te hanao ratsy ny fianakaviako Andriamanitra tamin'ilay loza. Nahatsapa hery bebe kokoa aho mba haharitra sy hanoa ny sitrapony ary handroso hatrany tao anatin'ireo andro sarotra niainako. Ary nisy andro tena *sarotra* tokoa.

Taorian'ny nanambadian'ny dadako indray dia naniry ny haneho ohatra tsara ho an'ireo mpiray tampo amiko aho, ary tena tsy naniry ny ho ratsy fanahy tamin'ny renikeliko mihitsy aho, koa dia nanohy nametraka ny fitokiako tamin' Andriamanitra aho. Ny asa atao iray ao amin'ny boky Mon progrès personnel ampiasaiko dia mifantoka amin'ny fanaovana ny fiainako ao an-tokantrano ho tsaratsara kokoa amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fifandraisako amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana mandritra ny roa herinandro. Amin'ny ankapobeny, ny tanjona dia ny hiezaka ny ho tahaka an'i Kristy bebe kokoa sy haneho fitiavana amin'ny alalan'ny asa. Nanapa-kevitra ny hanandrana izany aho ka hanompo ny renikeliko.

Koa satria ny fianakavianay dia fitambaran'ny fianakavian'i dada sy ny an'ny renikeliko dia be dia be ireo lovia nosasana. Ka izay no nanombohako azy. Rehefa nanompo azy aho tao anatin'ireo roa herinandro manaraka dia tsapako fa afaka nitia ny renikeliko sy nanana faharetana na dia tsy voatery hoe faly tamin'ilay toe-javatra aza aho. Ny fifantohana tamin'ny fanompoana azy fotsiny dia nanampy ahy hiaina ireo fotoan-tsarotra satria nahatsapa ny Fanahy niaraka tamiko aho.

Tsy mbola takatro foana ny zavatra rehetra mikasika ny antony nitrangan'ilay loza tamin'ny fianakaviako, ary mbola misy foana ny fotoan-tsarotra. Saingy tahaka ireo mpamaky lay dia nametraka ny fitokiako tamin' Andriamanitra aho ka nomena ny hery haharetana. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

## ATODIHO NY FONAO

"Mety hahatsapa ianao fa rava tanteraka ny fiainanao. . . . Mety matahotra ianao, na tezitra, na malahelo, na ampijalian'ny ahiahy. Saingy tahaka ny ahitan'ny Mpiandry tsara ny ondriny very, raha mampitodika ny fonao amin'ny Mpamonjy izao tontolo izao ianao, dia hahita anao Izy.

"Hanavotra anao izy.

"Hampahery anao Izy ka hametraka anao eo an-tsorony.

"Hitondra anao hody Izy."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Ataony eo an-tsorony ianao dia entiny mody," *Liahona*, mey 2016, 104.**





**Nosoratan'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# NY FOMBA HANAOVANA AN'I KRISTY HO IVON'NY FIAINANTSIKA

Nahatontosa ilay firaisam-po tonga lafatra tamin'ny Ray i Jesoa tamin'ny alalan'ny fanekeny manokana, ny vatany sy ny fanahiny, hanao ny sitrapon'ny Ray. Raha niresaka momba ny Rainy i Jesoa dia nilaza hoe: "Izaho manao izay sitrany mandrakariva" (Jaona 8:29). Satria izany no sitrapon'ny Ray, dia nanaiky ny ho faty mihitsy aza i Jesoa, "ny sitrapon'ny Zanaka dia efa voatelina ao amin'ny sitrapon'ny Ray" (Môsià 15:7). Ny fifantohany tamin'ny Ray no anisan'ireo antony manan-danja iray izay nampazava sy nampafonja ny asa nataon'i Jesoa. Tsy nisy fisalasalana nahavariana azy tao anatiny.

Torak'izany koa izaho sy ianao dia afaka mametraka an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika sy afaka ny ho lasa iray hiaraka Aminy toy ny naha-iray Azy tao amin'ny Ray (jereo ny Jaona 17:20–23). Afaka manomboka manala ny zava-drehetra eo amin'ny fiainantsika isika ary mamerina izany miaraka indray araka ny filaharan'ny laharam-pahamehana ka ny Mpamonjy no ho ivon'izany. Tokony hametraka [ho lohalaharana] ireo zavatra izay hahatonga antsika hahatsiaro Azy mandrakariva isika—toy ny vavaka sy fandalinana soratra masina tsy tapaka, fandalinana amim-pahalianana ny fampianaran'ireo apôstôly, fiomanana isan-kerinandro amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana, fandehanana miangona isaky ny Alahady, ary ny firaketana sy fahatsiarovana ireo zavatra ampianarin'ny Fanahy sy ny zavatra iainantsika mikasika ny mahampianatra. Mety hisy zavatra hafa tonga ao an-tsainao izay ilainao manokana amin'izao fotoana iainanao izao. Vantany vao manokana ny fotoana sy ny fitaovana ho an'ireo zavatra ireo isika mba hanaovana an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika dia afaka manomboka manampy ireo andraikitra sy zava-manan-danja hafa, rehefa mamela antsika hanao izany ny fotoana sy ireo loharanom-pitaovana, toy ny fianarana sy ny andraikitra eo anivon'ny fianakaviana ary ny fialam-bolin'ny tena manokana. Amin'ny alalan'ity fomba ity ny zavatra manan-danja dia tsy ho voatototry ny zavatra zara raha tsara fotsiny ka ho tafavoaka ny fiainantsika, ary ireo zavatra tsy manan-danja dia tsy ho isan'ny laharam-pahamehana na hiaraka hanjavona.

Na dia tsy ho mora aza izany dia afaka hatrany isika mandroso amim-pinoana ao amin'ny Tompo. Afaka manamarina aho fa rehefa mandeha ny fotoana dia hitombo ny faniriana sy ny fahafahantsika hahatsiaro sy hanaraka mandrakariva ny Mpamonjy. Mila miasa amim-paharetana mankany amin'izany tanjona farany izany isika ary mivavaka mandrakariva mba hahazo famantarana sy fanampiana masina amin'ny zavatra ilaintsika (jereo ny 2 Nefia 32:9). ■

*Avy tamin'ny fampaherezam-panahy natao tao amin'ny Brigham Young University–Idaho tamin'ny 27 janoary 2009.*



## AHOANA NO FOMBA NAMPIHARANAO AN'IZANY?

Nandalo fitsapana lehibe maromaro izaho sy ny fianakaviako, ary amin'izao fotoana izao izahay dia tsy manana mpihazona ny fisoronana ao antranonay. Ny fitsapana dia manampy anay handohalika hivavaka. Feno fankasitrahana aho manana ny soratra masina sy ny fahafahana mamaky azy ireo isan'andro. Nampianatra ahy izy ireo, na dia mety misy fiantraikany eo amin'ny fiainako aza ny fanapahankevitry ny olona hafa, fa mbola tena manan-danja aho. Tena feno fankasitrahana aho mahafantatra fa afaka miresaka amin'ny Raiko any An-danitra amin'ny fotoana rehetra na andro na alina. Fitahiana izany!

**Hailey D., 17 taona, Idaho, Etazonia**

# FOMBA *HOENTI-MIANATRA*

*Andramo ireto fomba efatra ireto mba ho fy aminao ny tenin' Andriamanitra.*

**Nosoratan'i Rosemary Thackeray**

Fony aho mbola kely dia nandany ora maro nijery ny reniko tao an-dakozia. Nahandro ny sakafo, ny mofo, ny cookies, ary ny mofomamy matsiro indrindra ho an'ny fianakavianay izy. Rehefa elaela taty aoriana dia nanomboka namaky momba ireo karazan-tsakafo azo atao aho, nanaraka ireo toromarika, ary nanamboatra sakafo. Tsy nila niantehitra tamin'ny reniko aho—afaka nanao izany irery aho.

Tahaka ny fianarana mahandro sakafo no ianarantsika ny filazantsara ka hampitomboantsika ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika amin'ny fanaovana izany. Rehefa avy nitantara ny nofiny momba ny hazon'aina tamin'ny fianakaviany i Lehia dia nilaza i Nefia fa naniry ny "hahita sy handre ary hahalala ny amin'ireo zavatra ireo" izy (1 Nefia 10:17). Raha lazaina amin'ny teny hafa dia tsy ampy an'i Nefia ny nihaino ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny rainy. Te-hianatra ny zavatra efa fantatry ny rainy izy.

Ny fomba hoenti-mianatra ny filazantsara dia ahitana dingana tsotra vitsivitsy. Afaka mampiasa ireto hevitra efatra manaraka ireto ianao mba hanampiana anao amin'ny fianaranao ny filazantsara miaraka amin'ny fianakavianao, na any am-piangonana, na mandritra ny fandalinanao manokana.

## 1. Miomàna hianatra.

Atombohy amin'ny vavaka ny fandalinanao manokana. Angataho ny Ray any An-danitra mba hanampy anao hahatakatra ny zavatra vakinao. Manorata fanontaniana iray na roa dia tadiavo ny valiny. Hijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana ny Fanahy Masina rehefa mamaky sy misaintsaina ary mivavaka ianao (jereo ny Môrônia 10:5).

Omano amin'ny alalan'ny famakiana ny lesona mialoha ny handehananao ny fianarana ny filazantsara any am-piangonana. Ireo lesona *Viens et suis moi* dia azo jerena "en ligne" ao amin'ny LDS.org sy ao amin'ny application Gospel Library.

## 2. Mandraisa anjara amin'ny fianaranao.

- Vakio ny lesona sy ny soratra masina mba hahazoana fahatakarana. Tsy manan-danja tahaka ny fahatakarana ny zavatra vakinao ny isan'ny pejy vakinao na ny hafainganan'ny famakianao izany. Mety mila mamerina mamaky fehezanteny vitsivitsy imbetsaka ianao. Mampiasà rakibolana mba hijerena ireo teny tsy fantatrao. Ohatra: inona no dikan'ny hoe *fotoampitantanana*? Afaka mampiasa ny Torolalana ho an'ny soratra masina ianao mba hahitana izany.
- Mametraha fanontaniana momba ny zavatra vakinao. Mety manontany tena ianao hoe: "Fa inona no nitranga tany Jerosalema tamin'ny fotoana nialan'i Lehia sy ny fianakaviany tany? Nahoana ny olona no tsy nihaino an'i Lehia?
- Andramo valiana ireto fanontaniana telo ireto mikasika ny fampianarana filazantsara izay tianao: Nahoana ity zavatra iray ity no nanan-danja tamin'ireo olona tamin'izany fotoana izany? Mahakasika *antsika* amin'ny fomba ahoana izany amin'izao fotoana izao? Mahakasika *ahy* amin'ny fomba ahoana izany?
- Tadiavo ireo ohatra sy ireo zavatra ifandraisana. Ohatra, inona ireo ohatra fantatro amin'ny fomba nentin'i Nefia niatrika fahoriana? Inona no mampitovy ny dia



nataon'ny fianakaviany tany an-tany foana amin'ny dia nataon'ny Isiraelita niala tao Egypta?

- Soraty ao anatin'ny diary iray ny zavatra tsapanao sy ny eritreritra tonga ao aminao. "Rehefa manoratra ireo fahatsapana sarobidy ianao dia hisy maro kokoa izay ho tonga matetika. Ny fahalalana azonao ihany koa dia ho azonao ampiasaina mandritra ny androm-piainanao manontolo" (Richard G. Scott, "To Acquire Knowledge and the Strength to Use It Wisely," *Liahona,* aog. 2002, 12, 14). Ny dikan'ireo hevitra ireo eo amin'ny fiainanao indrindra indrindra no tokony hosoratanao.
- Manaova sary. Fomba iray hafa hiraketana ny zavatra ianaranao ny fanaovana ny sarin'izany. Indray mandeha raha nandeha namangy namana iray aho hanao takarivan'ny mpianakavy dia nizara tantaran'ny tena manokana mikasika ny finoana sy ny vavaka ny renibeny. Mialoha ny lesona dia nomen'ilay namako taratasy sy pensilihazo ireo zanany mbola kely mba hahafahan'izy ireo manao sary ireo tantara teo am-pitantaran'ny renin'ny reniben'izy ireo izany. Ny fanaovana sary dia nanampy azy ireo hifantoka, ary nametraka fanontaniana mihitsy aza izy ireo nandritra ilay fanaovana sary mba hampahazava ny ampahany amin'ilay tantara.

## 3. Halalino sy iaino isan'andro ny filazantsara.

Mitaky ezaka ny fianarana. Mila milofo amin'ny fahalalana isika (jereo ny Môsià 12:27). Ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanoro hevitra antsika "hanamboatra fotoana sy hanokana toerana handalinana ny soratra masina isan'andro, na dia mandritra ny minitra vitsy fotsiny aza izany" ("When Shall These Things Be?" *Ensign,* des. 1996, 60). Rehefa mandalina tsy tapaka isika dia lasa mora kokoa ny mianatra. Ohatra, hitako fa rehefa tena namaky marina ireo tokon'i Isaia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho (fa tsy mandingana izany fotsiny) dia nanomboka azoko izy ireo.

Raha ny fianarana filazantsara indray no resahina dia tsy ampy ny mahafantatra fotsiny ny momba ny zavatra iray. Mila mampihatra ny zavatra ianarantsika ihany koa isika. Rehefa ampiharintsika ny fahamarinana iray dia manamafy izany amintsika ny Fanahy Masina, ary mitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Rehefa miaina tsy tapaka izany fahamarinana izany isika dia manomboka miova, manjary miova fo ho an'i Jesoa Kristy.

## 4. Zarao ny zavatra ianaranao.

Ny filazana fitsipiky ny filazantsara amin'ny tenintsika manokana amin'ny hafa dia manampy antsika hitadidy izany fitsipika izany sy hahatsapa ny Fanahy, izay mampahatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Ny fotoana tsara hizarana izany matetika dia mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Afaka mizara izany ihany koa ianao rehefa miresaka amin'ireo namanao any an-tsekoly na amin'ireo olona ao amin'ny fianakavianao amin'ny fotoana fisakafoana.

Rehefa manaraka ireo dingana tsotra efatra ireo isika ary mikatsaka amim-pahazotoana ny hahafantatra ny Mpamonjy dia ampanantenaina fa "hovelabelarina [amintsika] amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ny mistery momba an'Andriamanitra" (1 Nefia 10:19). ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

### ZAVATRA EFATRA ILAINTSIKA



"Tsy mila fitaovana hoenti-manampy amin'ny fandalinana izay avo lenta be loatra izaho sy ianao ary tsy tokony hiantehitra be loatra amin'ny fahalalana ara-panahy ananan'ny olona hafa. Mila manana faniriana marina ny hianatra fotsiny isika, sy ny fananana ny Fanahy Masina ho namana, ny soratra masina, ary saina mavitrika sy liana."

**Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "A Reservoir of Living Water" (Takariva amorom-patana ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony nokarakarain'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 4 feb. 2007), 3, si.lds.org.**

# “Misy milaza amiko fa mila manana namana izay tsy manana fenitra mitovy amin’ny ahy aho mba hampahatanjaka ny ahy. Marina ve izany?”

Mampatanjaka be indrindra ireo fenitra arahinao ianao avy amin’ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsaran’i Jesoa Kristy, ary ireo namana dia afaka manampy na manakana anao amin’ny fanaovana izany. Misy fiantraikany lehibe eo aminao ny namana—eo amin’ny fomba fieritreretanao, eo amin’ny fomba fiteninao, ary ny fihetsikao eny fa hatramin’ny karazan’olona hahatongavanao aza. Ny *Ry Tanora Mahereza* dia manoro hevitra hoe: “Mifidiana namana izay manaja soatoavina mitovy amin’izay hajainao mba hahafahanareo mifankahery sy mifamporisika eo amin’ny fanarahana fenitra ambony” ([2011], 16). Ireo karazana namana ireo dia manampy anao hiaina ny filazantsaran’i Jesoa Kristy, sy hitandrina ireo fenitra arahinao ary ho tonga olona tsara kokoa.

Tsy ny olona rehetra izay iarahanao anefa no hanana fenitra mitovy amin’ny anao na koa ho mpikamban’ny Fiangonana. Manan-danja ny tsy miavona amin’ny olona rehetra sy mandray azy ireo amin’ny fomba handraisan’ny Tompo azy ireo—amim-pitiavana sy hatsaram-panahy. Rehefa manohy miaina ireo fenitra arahinao ianao dia afaka ny “ho tonga fianarana ho an’ny mino hianao amin’ny fiteny, amin’ny fitondrantena, amin’ny fitiavana, amin’ny finoana, amin’ny fahadiovana” (1 Timoty 4:12). Ho hitan’izy ireo amin’ny alalan’ny ohatra asehonao fa voatahy ianao noho ny fiainana fenitra ambony, ary afaka mankahery azy ireo hanao toy izany koa ianao.

Katsaho ny fitarihan’ny Fanahy Masina—ary manàna herimpo hanao asa araka ireo bitsiny—rehefa misafidy namana ianao sy miezaka ny hampatanjaka ireo fenitra arahinao.



**Tena namana**

Niahiahy aho fony aho kilasy fahenina fa tsy ho afaka ny hahita namana hanaja ireo fenitra arahiko. Afaka fotoana fohy dia lasa mpinamana be tamin’ny mpiara-mianatra iray tamiko aho, ary nolazaiko taminy fa Môrmôna aho. Nanontana ahy momba izany izy ka dia nomeko ny kiboky *Ry Tanora Mahereza*. Nanomboka tamin’izay andro izay dia tsy niteny ratsy teo imasoko intsony izy. Raha toa ka tena namana marina ireo namanao dia hanaja ireo fanapahan-kevitrao izy ireo ary hanampy anao hihazona ireo fitsipika arahinao.

*Candela M., 13 taona, Buenos Aires, Argentine*



**Araho ireo torohevitry ny mpaminany**

Indraindray dia sarotra ny manohitra fakampanahy raha toa ka miaraka amin’ireo namana izay manao safidy ratsy na miezaka ny hampanao safidy ratsy antsika isika. Ny mpaminany dia niteny tamintsika ao amin’ny kiboky *Ry Tanora Mahereza* fa ny namana dia “hanana hery hanova ny fomba fieritreretanao sy ny fihetsikao, ary hanampy mihitsy aza mba hamaritra ilay karazan’olona hahatongavanao” ([2011], 16). Amiko dia tokony hanana namana izay vonona hanaja ireo fenitra arahintsika sy maneho fahalianana amin’ny fitandremantsika ireo fenitra arahintsika mihitsy aza isika.

*Calvin W., 16 taona, Arizona, Etazonia*



**Hazony ho ambony ireo fenitra arahinao**

Ireo namana izay manana fenitra hafa dia tsy voatery mampatanjaka ireo fenitra arahinao, kanefa rehefa mijanona



*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran’ny Fiangonana.*

ho naman'izy ireo ianao dia afaka manome ohatra tsara mba harahin'izy ireo. Rehefa manana namana izay tsy mitovy finoana aminao ianao dia afaka mamporisika anao hitandrina ireo fenitra arahinao ho ambony izany ary manampy anao hijoro amin'ny marina.
*Warren S.,14 taona, Oregon, Etazonia*



### Fitahiana ho antsika ny namana tsara

Raha toa ka tsy manana fenitra mitovy amin'ny anao ireo namanao dia mety ho sarotra kokoa ny manamafy ireo fenitrao. Ny famakiana ny *Ry Tanora Mahereza* dia nanampy ahy hatrany hisafidy ireo namana tsara izay manaja ahy. Izao aho dia miomana hanao asa fitoriana, ary fantatro fa ny fananana olona manodidina ahy izay miaina ireo fenitra arahiko dia manampy ahy hijanona ho mahatoky ao amin'ny filazantsara.
*Nair M., 19 taona, Buenos Aires, Argentine*



### Hazony ny anja-by

Ny manana namana manana fenitra tsara no tena ilainao. Tianao ho voahodidina namana izay hanampy anao hitandrina ireo didy sy hamporisika anao hiaina araka ny fahamarinana ianao. Mihazona mafy amin'ilay anja-by, izay mitarika mankany amin'ny hazon'aina, fa tsy any amin'ilay trano malalaka sady mijoalajoala. Hitarika amin'ny fakam-panahy ny fanananao olona tsy marina manodidina anao. Manàna namana tsara izay hitaona anao hiaina ny filazantsara.
*Annie P., 13 taona, Utah, Etazonia*

### Tsarovy ireo fenitra arahinao

Ireo namana izay tsy miaina fenitra mitovy amin'ny anao dia mety hamparefo sy hanimba ireo fenitra arahinao. Fony aho nifindra voalohany tao amin'ny sekoly vaovao ianarako dia niezaka ny ho lasa naman'ny hafa aho tamin'ny alalan'ny filazana ireo zavatra izay nolazain'ireo manodidina ahy. Efa saika adinoko avokoa ireo fenitra arahiko teo am-piezahako hitovy amin'ny rehetra. Fantatro ankehitriny fa mila ireo namana izay manohana sy manana fenitra arahina mitovy amin'ny anao ianao mba hampiorenana ireo fenitrao. Feno fankasitrahana aho fa nahita namana mitovy amin'izany taty aoriana satria mampahatsiahy ahy ireo fenitra arahiko izy ireo.
*Logan J., 15 taona, Utah, Etazonia*



### Mivavaha mba hahita namana

Rehefa avy nifindra tany amin'ny faritany vaovao izaho sy ny fianakaviako dia nivavaka tsy tapaka aho mba hahita namana izay azoko iresahana momba ny filazantsara. Rehefa nivavaka aho dia nahatsapa ho nankeherezina ary volana vitsivitsy taty aoriana dia lasa nanana namana tena mahafinaritra maromaro aho. Afaka miantehitra amin'ny fanohanan'izy ireo aho ary nanampy ahy hitombo fitiavana bebe kokoa ho an'ny filazantsara izy ireo. Fantatro fa manan-danja ny namana ary afaka manampy antsika izy ireo mba ho mora amintsika ny miaina ny filazantsara.
*Sarah P., 16 taona, Rio de Janeiro, Brésil*



### NY FITAOMANA ANANAN'IREO NAMANA TSARA

"Mila namana tsara ny olona rehetra. Hisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fomba fieritreretanareo sy ny fitondrantenanareo ireo izay namanareo, ary torak'izany koa ianareo ho azy ireo. Rehefa mitovy ny soatoavinareo sy ny an'ireo namanareo dia afaka mifampatanjaka sy mifankahery ianareo. Anehoy fitiavana sy haja ny olona tsirairay. Tsy mpikamban'ny Fiangonana maro no niditra tato amin'ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny namana izay nampandray anjara azy ireo tamin'ireo fiarahamientan'ny Fiangonana."

**Filoha Thomas S. Monson, "That We May Touch Heaven," *Ensign*, nôv. 1990, 46.**

## FANONTANIANA HO AVY

"Ankoatra ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina dia inona no fomba tsara indrindra hanamafisako orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 1 nôvambra 2016 ao amin'ny liahona.lds.org, amin'ny alalan'ny email ao amin'ny liahona@ldschurch.org.

Ampidiro ao azafady izao manaraka izao: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezandalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin'ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

# Lasa

**Nosoratan'i Julia Ventura**

Niainga tamin'ny tantara marina

*"Dans ma famille chaque jour, Je vois tant de bonté."* Cantiques, *192).*

"Andao alaina ny fitaovana fanjonoana. Fotoana hanjonoana izao!" Hoy i Dada.

Nitsiky be i Hayden rehefa nitazana ny manodidina azy. Namiratra sy nisamonimonina daholo ny zavatra rehetra. Izy ireo irery no teo amin'ilay farihy tamin'izay!

Nanaraka an'i Dada nandeha taorian'ilay fiara i Hayden dia nibata an'ilay boaty be feno fitaovana fanjonoana avy tao amin'ny fitoeran'entana. Navesatra ilay izy, saingy tsy nampaninona azy. Na mavesatra avo roa heny noho izany aza dia ho nentiny raha nilaina mba handehanana manjono miaraka amin'i Dada.

Niara-nihovitrovitra sy naneno-neno ireo fintana rehefa nosintonin'i Dada hivoaka. "Toa resin-tory i Dan izany," hoy izy. "Azonao fohazina ve izy?"

Mody tsy taitra i Hayden. "Mmhh! Eny ary e!"

Efa saika hadinony fa i Dan zandrilahiny dia nandeha ihany koa. Nihazakazaka tetsy sy teroa sy nitabataba be foana i Dan. Mety hampitahotra ireo trondro izy dia handositra izy ireo!

Nijery teo amin'ilay varavarankely nisokatra izy. "Dan a! Mifohaza amin'izay."

Saingy mbola natory be i Dan.

Nangina i Hayden. Raha tahiany dia mba mety hatory i Dan mandritra ilay dia iray manontolo.

Nitarika tsimoramora ilay boaty feno fitaovana i Hayden ho eny amin'ny toerana nanjonoan'i Dada teo amoron-drano.

"Ireto ny famandrihana trondro, ny kankana sy ny sisa!"

Nalain'i Dada teny aminy ilay boaty feno fitaovana. "Misaotra betsaka." Dia nitoditodika i Dada. "Aiza ny rahalahinao?"

Nijery kely tany amin'ilay fiara i Hayden. Tampoka teo dia nanontany tena izy hoe mety ho toy ny



ahoana ny zavatra ho tsapa*ny* raha nifoha irery tany amin'ny toerana iray vaovao izy. Nanapa-kevitra i Hayden fa ho ratsy ny zavatra ho tsapany. Raha ny marina dia hatahotra tokoa izy angamba. Ary vao dimy taona monja i Dan.

"Andraso vetivety ry Dada a! Vetivety aho dia miverina eo." Saingy rehefa nijery tao anatin'ilay fiara izy dia efa tsy tao intsony i Dan!

Tsy nahare ireo bibikely nisamonimonina intsony i Hayden. Toa lasa nangina daholo ny zavatra rehetra.

"Tsy ato i Dan!" Hoy i Hayden nivazavaza.

Nihazakazaka nanatona i Dada dia nijery haingankaingana ny tao anatin'ilay fiara.

"Mety mitady antsika fotsiny izy angamba," hoy i Dada. "Vao tsy ela akory izay. Tsy mbola lasa lavitra izy."

Niezaka nitony i Hayden, saingy natahotra mafy izy tany anatiny tany. "Afaka mivavaka ve aho?"

"Hevitra tena tsara izany raha ny fijeriko azy."

Nisaotra ny Ray any An-danitra i Hayden noho ny zandriny lahy dia nangataka mba hahitan'izy ireo an'i Dan avy hatrany mba tsy hatahotra i Dan.

Rehefa vita ny vavak'i Hayden dia tsapany ho tsy teritery intsony ny fony.

Napetrak'i Dada teo an-tsorok'i Hayden ny tanany. "Raha i Dan ianao, dia aiza no halehanao?"

Tsikaritr'i Hayden fa nisokatra ilay varavarana tany amin'ny lafiny ilany tamin'ilay fiara. Tsy nahita azy ireo teo amoron-drano angamba i Dan. Nanondro lalan-kely iray teo akaiky teo i Hayden. "Iny lalana iny angamba no handehanako voalohany," hoy izy.

Nandeha haingana teo amin'ilay lalana izy ireo.

Toa ela dia ela vao tapitra ny segaondra tsirairay. Teny ampandehanany teny dia nanohy nivavaka tao am-pony i Hayden. Rehefa nandeha kelikely izy ireo dia tonga teo amin'ny fiolahana iray teo amin'ilay lalana ka nahita an'i Dan tery aloha tery.

"Dan!" Hoy i Hayden niantso mafy.

Nitodika i Dan dia nitsiky. "Fa taiza ianareo?"

Nihazakazaka indray ny fotoana. Nihazakazaka be nankeny amin'i Dan i Hayden dia namihina azy mafy.

"Faly be aho fa hitanay ianao," hoy i Hayden. Nanao vavaka fisaorana fohy tao am-pony haingana izy.

Nitsiky fotsiny i Dan. "Aiza ny trondro?"

"Andao fa hasehoko anao," hoy i Hayden. Tsy andriny izay hihazakazahana ho eny amin'ilay farihy. "Andao jerena izay afaka misambotra ny trondro voalohany. Ampiako ianao hanisy famandrihana trondro eo amin'ny lelam-pitanao." ■

*Ny mpanoratra dia monina any Georgie, Etazonia.*

# nanjono


*Tsy andrin'i Hayden intsony izay handehanana manjono! Raha mba tsy nandeha koa mantsy i Dan a! . . .*





**Nosoratan'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Inona no azoko atao mba hahatonga ny tokantranoko ho toerana feno fiadanana?



Azontsika atao ny manao izay hahatonga ny tokantranontsika ho toerana feno fiadanana sy masina tahaka ny tempoly.



Manampia mba hihazonana mandrakariva ny tokantranonao ho madio sy milamina.



Manantona sarin'i Jesoa na ny tempoly ao amin'ny tokantranonao.



Apetraho ao amin'ireo efitrano ahafahan'ny fianakavianao miara-mandalina sy miara-mianatra ny soratra masina.

*Nalaina tao amin'ny "Tempoly masina, tokantrano masina,"* Liahona, *mey 2009, 101–03.*

# NY PEJINTSIKA



*Nahafinaritra tokoa ny niaraka tamin'ny fianakaviako tany amin'ny tempoly. Lavitra ny dia avy eo amin'ny tanàna misy ahy mankany amin'ny tempoly—efa ho adiny 14. Nandany herinandro teny akaikin'ny tempoly izahay. Tsy andriko izay hahafeno 12 taona ahy mba hanao batisa ho an'ireo razambeko. Iray amin'ireo hira tiako indrindra ny hoe "Oh, j'aime voir le temple." Te hanambady any amin'ny tempoly aho dia hanana fianakaviana mandrakizay. Fantatro fa ny tempoly dia tranon'ny Tompo.*

**Júlia Q., 11 taona (tamin'ny fotoana nakana ny sary), Goiás, Brésil**



**Nataon'i Allen E., 10 taona (tamin'ny fotoana nanaovana ny sary), San Salvador, El Salvador**





## TIA MAHITA NY TEMPOLY IZAHAY

*Teo am-panaovako ity sary ity dia nieritreritra aho hoe raha manaraka ny didy aho dia afaka hiditra ny tempoly indray andro any, tahaka ireo ray aman-dreniko, ary hofehezina sy hanana ny fianakaviako mandrakizay manokana. Tiako ny fianakaviako sy ny Ray any An-danitra.*

**Manolita G., 8 taona (tamin'ny fotoana nanaovana ny sary), Chimaltenango, Guatemala**



*Izaho sy ny zandriko vavy dia tia mandeha any amin'ny tempolin'i Mérida, Yucatan, Mexique, isak'izay asaina mankany ny paroasinay. Nandeha teo an-jaridaina izahay dia niara-nilalao tamin'ny ankizy hafa izay nankany amin'ny tempoly. Miomana ny hiditra ny tempoly aho indray andro any.*

**Martha S., 6 taona (tamin'ny fotoana nakana ny sary), Yucatán, Mexique**



## Manahoana ry namako!

Story no anarako. Nipetraka tany Turkménistan aho. Firenena ao Azia afovoany izany. Tia mamaky boky sy manao sary ary manjaitra aho. Tia mijery kintana miaraka amin'ny dadako aho. Izaho sy ny fianakaviako no hany mpikamban'ny Fiangonana tao anatin'ilay firenena iray MANONTOLO!

# Tantara momba an'i Story

**Nosoratan'i Jill Hacking**
Gazetibokin'ny Fiangonana



### MIVAVAKA HO AN'I MISSY

***Indray andro taorian'ny oram-baratra lehibe iray dia tsy hita i Missy, izay sakan'ny namako. Nitady teny rehetra teny izahay fa tsy nahita azy. Niteny aho hoe afaka mivavaka izahay. Tsy fantatr'ireo namako ny fomba hanaovana izany ka dia nasehoko azy ireo. Nandohalika avokoa izahay rehetra dia nivavaka tsirairay. Nitsangana izahay avy eo dia nanomboka nitady indray. Nisy zazavavy iray nihazakazaka nanatona anay dia nilaza fa hitany i Missy! Faly aho fa nizara ny ampahany tamin'ny filazantsara tamin'ireo namako.***







**MIANATRA AVY AMIN'NY TSIRAIRAY**

*Izaho sy i Sariah rahavaviko dia nandeha nianatra niaraka tamin'ny ankizy avy amin'ny firenena maro. Tianay ny nianatra avy amin'ny tsirairay ary nahazo fahafinaretana izahay.*




**ASA TANANA SY FIALAMBOLY**

*Nanasa ny namanay hilalao miaraka aminay izahay sy i Sariah. Nanao hosodoko sy nanao asa tanana ary nitsangantsangana izahay. Nilalao tantara mikasika ny fahaterahan'i Jesoa Kristy niaraka tamin'ireo namana mpifanolobodirindrina izahay tamin'ny Krismasy.*







**MIANGONA AO AN-TRANO**

*Koa satria izahay no hany mpikamban'ny Fiangonana dia tao an-trano izahay no niangona. Nanao fivoriana fanasan'ny Tompo, fotoam-pihirana, fotoana ifanakalozana, ary leson'ny Kilonga izahay. Nitendry pianô aho nandritra ny fotoam-pihirana.*





## ALEFASO ATY AMINAY NY DIAN-TONGOTRAO

Amin'ny fomba ahoana no hanarahanao an'i Jesoa amin'ny alalan'ny fijoroana amin'izay inoanao? Sorito ny dian-tongotrao dia alefaso aty aminay ny tantaranao sy ny sarinao, miaraka amin'ny fahazoan-dalana avy amin'ny ray aman-dreninao. Alefaso en ligne ao amin'ny liahona.lds.org izany (tsindrio ny "Submit an Article") na amin'ny alalan'ny email liahona@ldschurch.org.





# Lesona avy amin'i neny

**Nosoratan'ny Loholona Jairo Mazzagardi**
Ao amin'ny Fitopololahy

SARY NATAON'I MATT SMITH





Rehefa nihalehibe aho, isaky ny nahazo vola izahay, dia nalain'ny reniko ireo vola taratasy tsara indrindra—ireo izay zara raha miforiporitra na maloto—ka nomeny ny mpitandrina tao amin'ny fiangonana nandehananay izany. Nanao izany nandritra ny fiainana iray manontolo izy. Hoy izy: "An' Andriamanitra ity." Nanomboka tamin'izay dia tsaroako foana ireo teny ireo. Rehefa natao batisa tato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho rehefa olon-dehibe dia tsy sarotra tamiko ny nandoa fahafolonkarena satria nampianarin'ny reniko hankatò io lalàna io aho.

Nampianarin'ny reniko koa aho mba ho marin-toetra, na dia midika hoe manao zavatra sarotra aza izany. Namboly ny karazana voankazo sy legioma rehetra ny mpifanolobodirindrina taminay. Indraindray dia namoa taty amin'ny ilan'ny fefinay ny voankazony. Indray mandeha aho nioty tamin'izany voankazo izany ka nitondra izany tany amin'ny reniko. Nijery ahy izy dia niteny hoe: "Tsy antsika ireto." Gaga be aho. Hoy aho hoe: "Inona no tianao holazaina? Avy aty amin'ny ilan'ny fefintsika ireo!" Dia nilaza indray izy hoe: "Tsy antsika ireto." Dia noraisiny ny tanako, dia nandeha tany an-tranon'ilay mpifanolobodirindrina taminay izahay. Nangataka famelan-keloka izahay satria naka ny voankazony. Nilaza ny reniko fa raha toa ka te hanana zavatra isika dia tokony haka izany amim-pahamarinan-toetra.

Mety ho tsy mpikamban'ny Fiangonana ireo ray aman-dreninao, na koa tsy manaiky foana ny safidin'izy ireo ianao. Mbola afaka mianatra fitsipika marina avy amin'izy ireo ianao, toy ny fahamarinan-toetra, ny fandraisana andraikitra, ny fizakantena, ary ny fisasarana mafy. Ho fitahiana lehibe eo amin'ny fiainanao ireo fitsipika ireo. ■

## ANONTANIO NY RAINAO NA NY RENINAO!

Inona no tena tianao indrindra momba ny maha-ray na maha-reny anao?

Inona no tena sarotra indrindra?

Inona no mahafaly anao?

Io no zavatra manan-danja indrindra ataonao isan'andro?

Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny filazantsara anao ho lasa ray na reny tsara kokoa?

Inona no zavatra ataonao farany indrindra isan'andro?

Inona koa ireo fanontaniana hafa azonao apetraka?

Aoka ianao ho mpanampy ny reninao na ny rainao mandritra ny iray andro! Raketo an-tsoratra na ataovy sary ao amin'ny diarinao ny zavatra nianaranao. Isaory ny ray aman-dreninao noho ny zavatra rehetra ataon'izy ireo.

# Vehivavy be herimpo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna

Marobe ireo vehivavy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay ohatra tsara ho antsika. Ireto misy karatry ny olona be herimpo miisa telo hanampiana ireo efa voangonao! Tsy fantatsika ny anaran'izy rehetra, kanefa mbola afaka mianatra avy amin'ny ohatra nasehon'izy ireo isika. Ahoana no ahafahanao ho tonga tahaka ireo vehivavy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ireo?




Afaka mahita ireo vehivavy hafa ireo ao amin'ny soratra masina ve ianao? Manamboara karatry ny mahery fo ho azy ireo dia handefaso sary iray izahay!

- 1 Nefia 7:19. Naneho herimpo ireo vehivavy ireo tamin'ny fiarovana an'i Nefia. Iza izy ireo?
- 2 Nefia 5:6. Nino an' Andriamanitra ireo vehivavy ireo ka nanaraka an'i Nefia ho any an-tany foana. Iza izy ireo?
- Almà 56:47–48. Nampianatra ny zanany momba an' Andriamanitra ireo vehivavy ireo. Iza izy ireo?

[Valiny: zanakavavy sy vadin'i Ismaela, ireo anabavin'i Nefia, ny renin'ireo zatovolahy mpiady]

SARY NATAON'I JARED BECKSTRAND

Hetezo dia aforeto ary tehirizo ireto karatra misy fanamby ireto!




## Afaka mahazo fijoroana ho vavolombelona aho!

Nahazo fijoroana ho vavolombelona i Sarià fa i Lehia vadiny dia mpaminanin' Andriamanitra. Afaka ny hitovy amin'i Sarià ianao amin'ny alalan'ny fahazoanao fijoroana ho vavolombelona anao manokana sy ny fizarana izany amin'ny hafa!

- ☐ Vakio ny 1 Nefia 5:7–8.
- ☐ Soraty ny fijoroana ho vavolombelona ananao na zarao amin'ny namana iray na olona iray ao amin'ny fianakaviana izany.
- ☐ Izaho dia vonona ny . . .

______________________________




## Afaka mino aho!

Nino ny vadin'i Lamônia fa mpaminanin' Andriamanitra i Amôna. Afaka ny hitovy amin'ny vadin'i Lamônia ianao amin'ny finoana ny mpaminany sy ireo apôstôlintsika amin'izao fotoana izao!

- ☐ Vakio ny Almà 19:2–5, 8–10.
- ☐ Mijere lahateny nataon'ny Filoha Monson tamin'ny fihaonambe. Mino ve ianao fa mpaminanin' Andriamanitra izy?
- ☐ Izaho dia vonona ny . . .

________________________________




## Afaka miteny amim-pahasahiana aho!

Lehilahy ratsy fanahy i Môriantôna. Namely mafy ny iray tamin'ireo mpanompony izy ka dia nanapakevitra ny hiteny tamin'ny Kapiteny Môrônia ny zavatra nataon'i Môriantôna ilay mpanompovavy. Afaka ny hitovy amin'ilay mpanompovavy ianao amin'ny alalan'ny fitenenana amim-pahasahiana rehefa misy zavatra tsy mety!

- ☐ Vakio ny Almà 50:30–31.
- ☐ Raha misy olona mampijaly anao, na raha mahita olona ampijaliana ianao dia teneno amin'ny olon-dehibe iray atokisanao.
- ☐ Izaho dia vonona ny . . .

________________________________

# Nandeha tany amin'ny tany nampanantenaina



Nipetraka tao amin'ny lohasaha iray niaraka tamin'ny fianakaviany sy ny namany i Jareda sy ny rahalahiny. Namangy ny rahalahin'i Jareda i Jesoa Kristy. Niteny azy Izy mba hanamboatra sambo hitondrana ny vahoakany hiampita ny ranomasina nankany amin'ny tany nampanantenaina.



Nanamboatra sambo tsy nisy varavarankely ireo vahoaka. Nanahy ny amin'ny fomba hiainan'izy ireo sy hahitany ny rahalahin'i Jareda. Nilaza i Jesoa fa tokony hanisy lavaka amin'ilay sambo izy ireo mba hahazoana rivotra.

SARY NATAON'I APRYL STOTT

Ary ahoana kosa ny amin'ny hazavana? Nanamboatra vato mazava miisa 16 ny rahalahin'i Jareda. Nangataka an'i Jesoa hikasika ireo vato tamin'ny fanondrony izy mba hampamiratra azy ireo.





Nahita an'i Jesoa nikasika ny vato tsirairay tamin'ny ratsantanany ny rahalahin'i Jareda. Namirapiratra ery ireo vato. Koa satria nanana finoana lehibe tokoa ny rahalahin'i Jareda dia nahita an'i Jesoa Kristy izy!



Nandefa rivotra be Andriamanitra mba hitsoka ireo sambo hiampita ilay ranomasina. Rehefa tonga tany amin'ilay tany nampanantenaina ny Jaredita dia nivavaka izy ireo mba hisaotra an' Andriamanitra noho ny niarovany azy ireo.

Afaka ny ho tahaka ny rahalahin'i Jareda isika rehefa matoky an' Andriamanitra sy mino an'i Jesoa Kristy. ■

*Nalaina tao amin'ny Etera 2–3; 6*

# Mitondra fifaliana ho ahy ny hira



SARY NATAON'I APRYL STOTT



**Nosoratan'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008)**

# NY LOHARANOM-PAHENDRENA MASINA MITARIKA AO AMIN'NY FIANGONAN'NY TOMPO

*Manatanteraka ny asany araka ny volavolan-kevitra lehibe Azy manokana Andriamanitra.*

Mibaribary ny loharanom-pahendrena masina mitarika ny fandaminana io asa io sy ny fiantsoana ho mpitarika. Olona tsirairay avokoa ireo Manampahefana Ambony, samy manana ny toetra mampiavaka azy ny tsirairay. Mitondra karazana traikefa sy tantara betsaka eo amin'ireo andraikiny ny tsirairay. Malalaka hilaza ny heviny ny tsirairay rehefa misy zavatra tokony hifanakalozan-kevitra ao amin'ireo filankevitra mpiahy ao amin'ny Fiangonana. Rehefa mandinika ny fanaovana izany fifanakalozan-kevitra mahaliana izany ny olona iray, dia mahatalanjona ny mahita ny herin'ny Fanahy Masina mitaona ireo lehilahy ireo. Tsy mihamafy na oviana na oviana ny tsy fitovian-kevitr'izy ireo any am-piandohana fa mihamaivana kosa izany dia mitambatra ka lasa fanehoana firaisan-tsaina. "Ny tranoko dia tranon'ny filaminana," hoy ny Tompo (jereo ny F&F 132:8). Rehefa mahita ny fizotran'izany dingana izany aho dia miaina fanavaozana tsy tapaka ny finoana. . . .

Ny sasany dia maneho ahiahy fa ny Filohan'ny Fiangonana dia toa



lehilahy zokiolona hatrany, izay valiako hoe: "Fitahiana tokoa izany!" Ny asa tato amin'ity fotoampitantanana ity dia notanterahina tamin'ny voalohany tamin'ny alalan'ny fampiasana ny Mpaminany Joseph Smith. Tanora sy natanjaka izy tamin'izany fotoana izany, ary ny sainy sy ny fanapahankeviny dia tsy mba voataonan'ny fomban-drazana tamin'ny androny. Tanora saina izy ka azon'ny Tompo novolavolaina toy ny tanimanga vaovao sy mando tsara rehefa nanomboka ny asany Izy.

Tanora toy izany ny mpandimby an'i Joseph rehefa niatrika andraikitra makadiry mba hitarika vahoaka iray manontolo hiampita ny tany foana mba hanorim-ponenanana any amin'ny tany vaovao izy.

Saingy mipetraka tsara ankehitriny ireo fitsipika fototry ny fotopampianarantsika, ary miorina mafy tsara isika amin'ny maha-vahoaka iray antsika, farafaharatsiny mandra-pandidian'ny Tompo antsika hifindra indray. Tsy mila fomba vaovao hanaovan-javatra isika. Mila fanolorantena amin'ny fankatoavana ireo fitsipika nambaran' Andriamanitra isika. Mila matoky an'ilay mpitarika antsika izay notendren' Andriamanitra isika. Mpaminanintsika sy mpahita ary mpanambara izy. Tsy havela tsy hanana mpaminany na rahoviana na rahoviana isika raha toa ka miaina mba ho mendrika ny hanana izany. Tsy voatery ho tanora izy. Manana ary mbola hanana hatrany lehilahy tanora handeha maneran-tany handray anjara amin'ny asa fanompoana izy. Izy no mpisorona avo mpiahy, ny mpihazona ireo fanalahidy rehetran'ny fisoronana masina, ary ny feon'ny fanambarana avy amin' Andriamanitra ho an'ny olony.

Misy ohabolana fahiny izay milaza hoe: "Ny fahatanorana dia natao hiasana. Ny fahanterana dia fotoana hananana fahendrena."

Raha ny eritreritro dia misy zavatra tena manome toky goavana tokoa amin'ny fahafantarana fa amin'ny hoavy izay hitantsika sahady, isika dia hanana Filoha iray izay tsara fitondrantena sy nampianarina, nosedraina sy notsapaina, ary ny fahatokiany amin'ny asa sy ny fahamarinany amin'ny fanatanterahana ny asa dia voavolavolan'ny afo mandrendriky ny fanompoana, ny finoany dia nihamatotra, ary ny fifandraisany akaiky amin' Andriamanitra dia voakolokolo nandritra ny taona maro. . . .

Tsy tokony hatahotra ny hoavy isika raha toa ka mifikitra tsara amin'ireo fitsipika izay nambara. ■

*Avy tao amin'ny "He Slumbers Not, nor Sleeps,"* Ensign, *mey 1983, 5–8. Nampitoviana ny fitsipipanoratana sy ny fanavaona sorabaventy.*

SARY NALAIN'I MARY OUZOUNIAN, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKY NY TANTARAN'NY FIANGONANA

# HEVI-BAOVAO MANAITRA



**Aiza no ahitako herimpo hanohizako ny fiainako?**

"Mety hahatsapa ianao fa rava tanteraka ny fiainanao. Mety nanota ianao. Mety matahotra ianao, na tezitra, na malahelo, na ampijalian'ny ahiahy. Saingy tahaka ny ahitan'ny Mpiandry tsara ny ondriny very, raha mampitodika ny fonao amin'ny Mpamonjy izao tontolo izao ianao, dia hahita anao Izy. Hanavotra anao Izy. Hampahery anao Izy ka hametraka anao eo an-tsorony. Hitondra anao hody Izy."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf,** Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Ataony eo an-tsorony ianao dia entiny mody," *Liahona,* mey 2016, 104.

# Hita ato amin'ity Laharana ity koa

## HO AN'NY TANORA

### Mijoro ho tena zanaky ny Arivo Taona



Ny tena zanaky ny Arivo Taona dia mihoatra ny hoe taranaka miaina amin'izao fotoana iainanareo izao—fitondrana fanampiana mba hanomanana izao tontolo izao amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany izany.

p. 46

## HO AN'NY ZATOVO



### HERY HAHARETANA

p. 58

Tao anatin'ny fitsapana mafy indrindra teo amin'ny fiainako dia nisy zavatra tsotra vitsivitsy nanampy ahy hijanona hifandray tamin' Andriamanitra fa tsy hanosika Azy kosa ka ho lasa feno fankahalana.

## HO AN'NY ANKIZY

### Lesona avy amin'i neny

p. 72

Apetraho amin'ny reninao sy ny rainao ireo fanontaniana ireo mba hahafantarana ny zavatra tiany amin'izany hoe maha-ray aman-dreny azy ireo izany.



MALAGASY

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY